

Andao hiaraka aminay

mandritra ny

**10 androm-
BAVAKA**

7-17 Janoary 2015

<http://iouc.adventist.org/10joursdepriere>



MIAINA NY VOKATRY NY FANAHY

<http://iouc.adventist.org/10joursdepriere>



Ireo Antom-bavaka

- o Mivavaha mba hitoetra ao amin'Andriamanitra ianao.
- o Mivavaha mba hataon'ny Tompo ao am- ponao ny fitiavana ireo very.
- o Miderà an'Andriamanitra noho ny amin'ny fifaliana, izay iray amin'ny vokatry ny Fanahy.
- o Mivavaha mba homen'ny Tompo anao ny fiadanana izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra.
- o Angataho ny Tompo hampianatra anao hamaly soa ny ratsy. Mivavaha ho an'ireo toe-javatra manokana tokony hampiharanao izany.
- o Angataho ny Tompo hanome hery anaomba halemy fanahy amin'ny olona rehetra ianao, isan'izany ny ankohonana sy ny fahavalonao.
- o Angataho ny Tompo haneho anao ny fahamoram-panahy tokony hatao amin'ny ankohonana, ny rahalahy sy anabavy ao amin'ny Tompo.
- o Mivavaha mba hataon'Andriamanitra ho tonga mahatoky amin'ny zavatra kely ianao. Lazao aminy ny ampahany amin'ireny zavatra madinika mila hanehoanao fahatokiana ireny.
- o Angataho ny Tompo hampianatra anao ho tonga malemy fanahy.
- o Angataho ny Tompo hanampy anao tsy ho tia ny zavatra eo amin'izao tontolo izao, ary mba hanome anao fitiavana hitiavanao Azy irery ihany. Lazao Amisy ireo zavatra tokony hankahalainao.
- o Mivavaha ho an'ny tanoran'ny fiangonantsika mba hahita fifaliana amin'ny fanarahana an'i Kristy izy ireo. Ento amim-bavaka izy ireo, ary tonony ny anarany amin'izany.
- o Mivavaha mba hohamafisina ny fampianarana mahavariana ara-Baiboly, momba ny namoronana ny tany, tao anatin'ny enina andro ara-bakiteny, enina andro nisesy, tamin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra.
- o Ezaka ho an'ny Tanàn-dehibe maneran-tany.
- o Mivavaha mba hisian'ny firaisan-tsaina isaky ny fiangonana, isaky ny vondrona rehetra maneran-tany, ary ny fanajana ny fitsipika neken'ny fiangonana, sy fanoloran-tena tanteraka amin'ny asan'ny fiangonana.
- o Mivavaha mba hanetry tena isika, hiray fo sy saina, hilefitra eo ambany fitarihan'Andriamanitra sy ny fandaminan'ny fiangonana, mba hiarahan'ny daholobe manaiky ny fanapahan-kevitra rehetra.
- o Mivavaha ho an'ny favoriambe faha-60 eo anivon'ny 'Conférence Générale' izay hatao any San Antonio, mivavaha ho an'ireo solontena rehetra hanatrika izany, sy ny fanapahan-kevitra rehetra ho raisina any. Mivavaha mba ho eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina no andraisana ny fanapahan-kevitra rehetra.
- o Mivavaha mba hiely patrana maneran-tany ny prôgramma «Fifohazana sy Fanavaozana»

Ry rahalahy sy anabavy malala,

Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesôsy Kristy Tompo!

Ho amin'ny fikatsahana fiainana ara-panahy lalindalina kokoa hatrany, mavitrika sy matotra kokoa, ny Fiagonana Advantista maneran-tany dia manao ho an-draikitra ny manasa ny advantista tsirairay mba handalo 10 andro ao anatin'ny vavaka sy ny fiombonan'ny mpirahalahy, toy ny tamin'ny Fiagonana voalohany. Izany fanapahan-kevitra izany dia tena zava-dehibe tokoa satria miaina amin'ny tontolo tandindomin-doza isika izay mampilofo mafy tsy misy ohatra izany an'i Satana hanoitra ny zanak'Andriamanitra. Tandindomin-doza ny fiainam-panahintsika, misetra loza ny fahasalaman'ny vatantsika, misy manafika isan'andro ny fianakavantsika, marary ny fiagonantsika, mihamihen-danja eo ambany masontsika ny fiarahamonintsika. Eo anoloan'izany toe-javatra rehetra izany, dia tsy afaka manao na inona na inona isika!

Ny hany sisa azontsika hialofana dia ao amin'ny fifandraisantsika lalina sy marina amin'ilay Tompontsika. Noho izany, afaka miangavy ny mpino tsirairay ao anatin'ny faritry ny Fivondronamben'ny Ranomasimbe Indianina ve aho, mba hitady ny tavan'Andriamanitra amim-panetren-tena sy amin'ny fo torotoro mba handraisana ny famelan-keloka sy ny fanovana tanteraka ny toetrantsika ary ny ranonorana farany izay nampanantainy antsika mba hamitana ny asa izay nankininy tamintsika.

Ry rahalahy sy anabavy malala, andao isika handa tena. Aoka tsy hisy hampisaraka antsika tsy ho amin'ny toerana iray ary handany fotoana ho amin'ny vavaka, sy fitalahoana ary fiderana.

Aoka koa ny fiagonana tsirairay mba ho afaka hanangana kômisiona mba handrindra sy hanomana ary hivavaka ho amin'ny fahombiazan'io prôgrama io ka amin'izany izay fanahy rehetra tonga manatrika eo, ankizy, tanora, lehibe ary antitra dia afaka hivoaka ho mpandresy amin'ny faran'ireo 10 andro ireo.

Maranata !

*Ny mpanomponareo,
Pasitora Jasmin Herinirina,
Filohan'ny Fivondronamben'ny Federasionan'ny Fiagonana Advantista
ato amin'ny Ranomasimbe Indianina*

Tolo-kevitra :

- Mangataka koa aho mba hanomana tsara ity prôgrama ity ny fiangonana tsirairay. Matetika isika dia manao ny prôgrama toy itony ho toy ny tsy misy lanjany loatra. Tsy misy fanomanana tena matipaika sy manokana.
- Roa herinandro alohan'ny 10 andro no tokony hivavahan'ny fiangonana ho an'ny 10 andro.
- 80% -n'ny mambra no tokony ho tonga hanatrika
- Aoka hofaranana amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo sy ny fifanasan-tongotra miaraka amin'ny fanaovana voady hitondra fanahy iray mandritra ny taona.

TOROMARIKA MAHAKASIKA NY 10 ANDRO FIARAHА-MIVAVAKA MIAINA NY VOKATRY NY FANAHY

Ry rahalahy sy anabavy malala,

Tonga indray ankehitriny ny 10 andro fiaraha-mivavaka amin'ity fiandohan'ny taona 2015 ity. Koa hararaotiko etoana ny mirary fahasambarana sy fifaliana ao amin'ny Tompo ho anareo, ary enga anie ka ho hipoky ny fitahian'Andriamanitra ny fainanao amin'ity taona vaovao ity, izay hampanakaiky misimisy kokoa antsika amin'ny fiverenan'i Jesosy.

Ny 10 andro fiaraha-mivavaka dia efa zary fomba tsara fanaon'ny Fianganana entina manokatra ny taona vaovao ary indrindra mba hahatonga antsika ho vonona tanteraka handray ny Fanahy Masina avy amin'Andriamanitra.

Tsy hanao fampidirana hafa indray aho satria efa misy vonona ho antsika ao amin'ireo takila manaraka izay nomanin'ny fianganana maneran-tany. Misy toromarika vitsivitsy monja azontsika ampiharina tiako homena mahakasika ny fizotry ny fandaharam-potoana mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka.

Miangavy anareo aho hijery ireto toromarika manaraka ireto satria natao izany mba hanampiana ny Fianganana hiaina fotoamim-bavaka manokana amin'ny fomba tsara indrindra sy mba hahatonga ireo 10 andro iarahantsika ireo hanampy antsika haneho fahasamihafana amin'ny fainantsika tsirairay avy ary hahafahantsika **MIAINA NY VOKATRY NY FANAHY!**

TOROMARIKA:

Misy mōdelina fandaharam-potoana atolotra mandritra ny faharetan'ny fihalonan'ny tsirairay ao anatin'ny herinandro. Aoka hohajaina ny adiny iray. Efa omena antsika mialoha sahadys ny faharetan'ny fandaharam-potoana tsirairay avy. Aza misalasala mampifandrindra izany amin'ny tontolon-kevitra ny fianganana misy anao.

- 1) Aoka hohajaina ny fotoana natokana ho an'ny vavaka. Izany indrindra mantsy no ivon'ny fihalonana mandritra ny 10 andro.
- 2) Ankoatra ny antom-bavaky ny fianganana misy anao, dia misy isan'andro ireo antom-bavaka hafa avy amin'ny fianganana maneran-tany. Aoka ho ampy tsara ny fotoana hanaovana fanelanelanana ho azy ireo amin'ny alalan'ny fiateherantsika amin'ireo Teny Fikasan'ny Baiboly izay miaraka amin'izy ireny. Ny mōdelina fandaharam-potoana dia hanome fahazavana misimisy kokoa ho anao amin'izany.
- 3) Amin'ny fotoana hanaovana fandinihana ny andalan-teny ara-Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana izay atolotra, dia zarao ho vondrona ivondronan'olona 6 ka hatramin'ny 9 ny mpivory mba hampahamora ny famakian-teny, izay tokony hitarika ny tsirairay hanao fandinihan-tena manokana.
- 4) Ny mambra tsirairay avy dia asaina sahadys eo am-piandohan'ny 10 andro hanoratra amina taratasy na karatra kely izay efa voaoman'ny fianganana mialoha, ny anaran'ireo olona fito tiany hoentina amim-bavaka mandritra ireo 10 andro ireo, mifanaraka amin'ny lohahevitra. Misy fotoana natokana ho amin'izany ao amin'ny mōdelina fandaharam-potoana ao amin'ny andininy momba ny antom- bavaka.
- 5) Mety ho samy hafa ny fomba entina hitondrana ny fotoam- bavaka, ankoatra ny fiaikenkeloka. Aoka ho manokana ny fanaovana izany. Aza misalasala manova ny fomba fiaraha- mivavaka mba tsy hampahamonamonaizany (tsiroaroa, tsitelotelo, tsidimidimy, sns...)

- 6) Satria tsy misy toriteny natokana ho amin'ny Sabata 10 sy 17 Janoary ny fandaharam-potoana voaray avy amin'ny foibe maneran-tany, dia fifaliana ho an'ny Fivondronambe misy antsika ny manolotra toriteny 2 mifandray amin'ny lohahevitra Sabata maraina.
- 7) Ankoatra ny fandaharam-potoana Sabata maraina, dia tsara raha natokana ho amina fotoamim-bavaka manokana ny folakandron'ireo Sabata roa, dia ny 10 sy ny 17 Janoary ao anatin'ny sehatry ny 10 andro.

10 Janoary: aoka hivelabelatra kokoa ny fotoana laniana amin'ny andininy tsirairay avy mandritra ny fandaharam-potoana folakandro. Ampirisihio ny mambra hanokana fotoana fifadian-kanina araka izay mety amin'ny tsirairay mba hahafahana maka fotoana misimisy hivavahana. Ho hitanao ao amin'ny fampidirana ny gazetiboky ireo karazana fomba fifadian-kanina azo atao.

17 Janoary: aoka hisy fotoana natokana ho amin'ny fiderana sy fanaovana Fijoroana ho vavolombelona mahakasika ireo valim-bavaka voaray sy ireo fanandramana 10 andro efa nandalovana. Amin'ny andro faha- 11 no ahitana toromarika mazava mahakasika ny andro farany amin'ity 10 andro ity, mba hahatonga izany ho fotoam-piravoravoana manokana.

Ny fiangonana maneran-tany dia manoro hevitra ny hisian'ny alim-bavaka manokana amin'ny fiafarany 10 andro. Ny andinindininy dia hita ao anatin'ny gazetiboky.

Andriamaniry ny fiadanana anie handrotsaka ny fitahiany sy ny fahasoavany amin'ny fomba mitafotafo eo amin'ireo zanany. Hitahy ny fiangonany eto amin'ny Ranomasimbe Indianina anie Andriamanitra!

*Pasitora Wesley Orieux,
Ministeran'ny Vavaka, IOUC*

**FIZOTRY NY FANDAHARAM-POTOANA
ISAN-KARIVA MANDRITRA NY 10 ANDRO FIARAHAY-MIVAVAKA
7 - 17 JANOARY 2015
MIAINA NY VOKATRY NY FANAHY**

Fotoana fiderana sy fankalazana (10 minitra)

- Hira fiderana
- Vavaka fankalazana (isan'andro dia misy antom-bavaka manokana mifandray amin'izany) (ataon'ny vondrona/olona 2 na 3/ sns)

Fotoana fiaiken-kelona (5 minitra)

- Famakiana andalan-teny mifandray amin'ny fiaiken-keloka
- Vavaka ataon'ny tena manokana ho fangatahana famelan-keloka

Fotoana fandinihana ny Teny isam-bondrona (10 minitra)

- Mamorona tarika misy vondron'olona 6 na 8 hiara-mamaky ny andalan-teny avy ao amin'ny Soratra Masina sy ireo andalan-teny avy amin'ny Fanahin'ny Faminaniana isan'andro.
- Mamaky ireo Teny Fikasana miaraka amin'ny antom-bavaka

Fotoam-bavaka iraisana sy manokana (25 minitra)

- Ny isan-tarika no mivavaka ho an'ireo antom-bavaka samihafa isan'andro voarakitra ao anatin'ny gazety.
- Misafidiana hira iray na andalan-teny ara-Tsoratra Masina rehefa miaraka ny rehetra.
- Vavaka manokana (samy mandray ny karatra misy ny anaran'ireo olona fito entina amim-bavaka isan'andro mba handraisana ny vokatry ny Fanahy ny tsirairay)
- Vavaka ataon'ny tarika misy vondron'olona roa na telo

(Ireo antom-bavaka manokana ho an'ny fiaraha-monina eo an-toerana/ny tsirairay dia hivavaka ho an'ny fandrosoana ara-panahin'ny namana miara-mivavaka aminy/sns...)

Fotoana fisaorana (10 minitra)

- Hira fisaorana
- Vavaka fisaorana

(Olona iray na vitsivitsy no mivavaka ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny famaliany vavaka nasandratra teo Aminy.)

Tso-drano farany

Alim-bavaka Manokana

Tsy voatery harahina daholo ao anatin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka

Nahoana no alim-bavaka manokana?

Tsy misy zavatra masina ao anatin'ny fiaretan-tory sy ny fivavahana mandritra ny alina na anatin'ny ora vitsivitsy amin'ny alina. Kanefa, matetika dia mandritra izany fotoana izany ihany no ahafahana mitokana, satria eo no tsy misfamezivezy ny olona sahiran-dava. Mino izahay fa ny tanjonao dia tsy ny hitoetra ela dia ela mandritra ny alina manontolo, mandra-panononao ny antom-bavaka rehetra tokony hoentinao. Ny soso-kevitray dia aoka hiaraka amin'olona vitsivitsy mandritra izany alina izany. Aoka hisy fotoana kely hahafahana miato. Amin'ny maha-mpitarika anao, dia azonao atao ny mahafantatra ny fotoana tokony hiatona, na hiovana sehatra hafa amin'ny fotoam-bavaka. Araka ny hevitray dia tokony ho eo amin'ny 10 minitra isaky ny 90 minitra eo ny fiatoana. Azonao atao koa ny manokana fotoana kely hamakiana andalan-teny ara-Baiboly mandritra ny fotoam-bavaka. Mety ho tianao ny hanaraka ny soso-kevitra momba ny fandrindrana ny fotoana eto ambany na ny sasantsasany amin'izy ireny ihany – miankina amin'izay tapakareo iray tarika. Aza misalasala manova ny filaharan'ny fandrindrana ny fotoana, araka izay mety amin'ny rehetra.

Ireto misy soso-kevitra vitsivitsy handaharana ny fotoana mandritra ny alim-bavaka:

- **Atombohy amin'ny fiderana ny fotoana.** Mankalaza an'Andriamanitra ao amin'ny vavaka ataonareo ary amin'ny alalan'ny hira ihany koa.
- **Manokana fotoana hanaovana fibebahana.** Aoka ho azo antoka fa tsy misy zavatra manakana an'Andriamanitra hihaino ny vavaka ataonareo. Omeo fotoana hanaovan'ny isambatan'olona fibebahana manokana ary iarahan'ny be sy ny maro. Ampirisihio ny olona hibebaka ny amin'ny fahotan'ny tena manokana ary hiaraka hibebaka ny amin'ny fahotan'ny rehetra. Ao amin'ny Dan. 9:1- 19 no hamakiantsika ny vavaka fanelanelanana nataon'i Davida sy ny fibebahany noho ny fahotan'ny vahoaka. Ampirisihio ny mpanatrika hiaraka hibebaka ny amin'ny fahotan'ny fiangonana.
- **Mivavaha ho an'ny filan'ny mpanatrika manokana.** Betsaka ireo olona marary ka mila ny fitondrana amim-bavaka na mety misy olona manokana tena mila vavaka mihitsy. Manaova boribory, dia asio sezao afovoany, ka asao ireo izay manana antom-bavaka manokana handroso tsirairay ary hizara izany antom-bavaka izany. Dia ataovy eo afovoany izany olona izany ka aoka hisy olona roa na telo hivavaka ho an'izay filan'ny manokana ary takio ho azy ireo ny Teny Fikasan'Andriamantra. Ho gaga ianao hahita ny hamaroan'ireo olona mila vavaka.
- **Zarao antoko roa ny mpanatrika.** Atokany amin'ny efitra iray ny vehivavy ary amin'ny efitra iray hafa ny lehilahy. Misafidiana mpitarika vehivavy iray ho an'ny antokon'ny vehivavy ary mpitarika lehilahy iray ho an'ny antokon'ny lehilahy. Matetika no tsy azo zaraina ary tsy tokony hozaraina amin'ny rehetra ny antom-bavaka. Moramora kokoa ny mizara ny antom-bavaka amin'ny samy vehivavy na samy lehilahy.
- **Mivavaha ho an'ireo antom-bavaka voatanisa eto ambany,** rehefa vita ny fiaraha-mivavaky ny antoko roa.
- **Mivavaha ho an'ireo olona fito,** nentinao tamim-bavaka nandritra ny folo andro lasa.
- **Misafidiana andalan-tena ara-Baiboly ka mivavaha araka izany.**
- **Farano amina fotoam-piderana sy fisaorana ny fotoam-bavaka.**

Antom-bavaka

- **Mivavaha ho an'ny fihaonam-be faha- 60- n'ny Foibe Maneran-Tany any San Antonio: ho an'ireo solontena rehetra sy ho an'ny fanapahan-kevitra rehetra izay horaisina any. Mivavaha mba hahatonga ireo solontena rehetra hitoetra ao amin'i Kristy, hiantoraka tanteraka Aminy, ary mba hahafahan'ny Fanahy Masina hitarika ny fanapahan-kevitra isanisany.**

"Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany." - Jak. 1:5

“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamorijy ahy.” - Gal. 2:20

“Ary Izaho hangataka amin’ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpantanatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin’ny fahamarinana, izay tsy azon’izao tortolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo.” - Jao. 14:16,17

- **Mivavaha ho an’ny fanamafisana ny fanapariahana ny tetik’asa Fifohazana sy Fanavaozana eny anivon’ny mambra, federasiona, Fivondronambe, sampan’asa maro isan-karazany, Diviziona ary ny foibe maneran-tany. Tsarovy ny vavaka 777 ho an’ny firotsahan’ny ranon’orana faran’ny Fanahy Masina.**

“Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin’ny nofo rehetra Aho; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavina, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana (...) Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin’izany andro izany.” - Joe. 3:1,2

- Mivavaha ho an’ny fijinjana mahafinaritra ireo fanahy vokatra avy amin’ireo voa nafafy nandritra ny fizara ny boky tetik’asa Hery Mifanandrina.

“Fa izao no lazaike: izay mamafy kely, dia kely no hojinjany; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany.” - 2 Kôr. 9:6

- **Mivavaha ho an’ny mambra tsirairay mba hahatsapan’izy ireo ny hasarobidin’ny famonjena fanahy sy ny fangatahan’ny lanitra antsika rehetra hanaraka ny dingana fomba fiasan’i Kristy rehefa mizara ny finoantsika manokana miaraka amin’ny fitantanan’Andriamanitra.**

Dia hoy Izy tamin’ny mpianany: *“be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin’izany mangataha amin’ny Tompon’ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.”* - Mat. 9:37, 38

- **Mivavaha ho an’ny fifandraisan’ny fianakaviana advantista. Mivavaha ho an’ireo ankokohnana izay miady na ireo mpivady an-dalam-pisarahana. Moa mahafantatra fianakaviana toy izany va ianao? Ento anim-bavaka izy ireny.**

“Ary mihoatra noho ny zavatra rehetra, mifankatiava tsara; fa ny fitiavana manarona fahotana maro.” - 1 Pet. 4:8

“Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin’ny fitiavana.” - 1 Kôr. 16:14

“Ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan’Andriamanitra ho ao am-pontsika.” - Rôm. 5:5

- Mivavaha ho an’ny firaisan’ny fiangonan’Andriamanitra.

“Ry malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin’Andriamanitra ny fitiavana, ary izay rehetra tia no naterak’Andriamanitra sady mahalala an’Andriamanitra.” - 1 Jao. 4:7

“Satria efa nodiovinareo ny fanahinareo tamin’ny fanarahana ny fahamarinana ho amin’ny fitiavan-drahalahy tsy miangatra dia mifankatiava fatratra amin’ny fo; fa efa teraka indray hianareo, tsy tamin’ny voa mety ho lô, fa tamin’ny tsy mety ho lô, dia ny tenin’Andriamanitra, izay velona sady maharitra.” - 1 Pet. 1:22,23

- **Mivavaha mba hanomezan’Andriamanitra fo madio, feno fankasitrahana ary mba hanekena tanteraka ny soratry ny Fanahin’ny Faminaniana izay tena sahaza izao vanin’andro iainantsika izao tokoa. Mivavaha mba hananan’ny mpitarika fiangonana sy ireo mambra faharetana sy fahazotoana amin’ny famakiana izany fitaovana izany**

“Aoka tsy hiala amin’ny vavano ity bokin’ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman’alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin’izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina.” - Jos. 1:8

- Mivavaha mba hitombo hatrany ny fanamafisana ireo foto-pinoana mahakasika ny famoronana ara-Baiboly – fa ity tanintsika ity dia nosoronia ara-bakiteny tao anatin’ny enina andro, araka ny fanambaran’ny tenin’ny Tompo.

"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita. Fa izany no nahatsara laza ny ntaolo. Finoana no ahafantartsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana izao tontolo izao, ka dia tsy izay zavatra miseho no nanaovana izao zavatra hita izao." - Heb. 11:1-3

- **Mivavaha mba hiarovan'Andriamanitra ny tanora amin'ny firohatry ny hery miasa mangina eto amin'ity izao tontolo izao ity. Mivavaha mba hifantohan'izy ireo amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanompoana ny hafa. Tonony ao anatin'ny vavaka ataonao ny anaran'ireo tanora fantatrac fa mila ny fierovan'Andriamanitra.**

"Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana." - 1 Tim. 4:12

- **Mivavaha ho an'ny drafitr'asa sy asa manerana ny Divizioni 13 ary ireo Fivondronambe mifandray amin'izy ireo (Ny Fivondronamben'ny Fianganana Advantista Afovoany Atsinanana sy Avaratr'i Afrika) manoloana ny tetik'asa "Asa eny Anivon'ny Tanàndehibe".**

"Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany." - Jak. 1:5

- **Mivavaha ho an'ny firaisan'ny fianganana sy ireo ambaratonga isanisany eo anivon'ny fianganana, amin'ny fanajana ny Tenin'Andriamanitra, ny vavaka amim-panefren-tena, ny herin'ny Fanahy Masina, ny fanajana ny Fitsipika Mifehy ny Fianganana/Dingana samihafa, amin'ny firotsahana feno amin'ny asa nankinina tamin'ny Fianganana. Mivavaha mba hananantsika fanetren-tena eo amin'ny fiaainantsika mba hisian'ny firaisansa amin'ny fanekena ny fitarihan'Andriamanitra sy ny dingana ho amin'ny fampitoviana ny fanapahan-kevitra eo anivon'ny fianganana.**

"Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hiray teny ianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara hianareo hiray saina sy hevitra." - 1 Kôr. 1:10

- **Mivavaha mba hisian'ny fiaraha-miasa lehibe sy ny firaisansa eo amin'ny lafiny fandaminanana sy ny asa fanohana ny asa fitoriana manatratra ny any ivelany eo anivon'ny fiangananantsika.**

"Ary aoka isika hijampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa misfananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro." - Heb. 10:24,25

- **Mivavaha no an'ny asan'ny tontolon'ny serasera rehetra mba hahafahana mitondra zava-baovao hatrany amin'ny fampielezana ny hafatry ny anjely telo eny anivon'ny vahoaka sahiran-dava amin'izao vanim-potoana misy antsika izao.**

"Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray Amiko, ary Izaho aminy, dia mamo be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." - Jao. 15:5

- **Mangataha mba hanomezan'Andriamanitra fahalalana feno momba ny fomba fiasan'i Kristy (comprehensive health ministry), hahafahan'ny mambra mahatsapa ny filan'ny olona sy manaraka ny môdely napetrak'i Kristy mahakasika ny asa fanompoana ny hafa.**

"Fa izao no nandidian'ny Tompo anay: efa nanendry Anao ho fahazavan'ny jentilisa Aho, mba ho famonjena hatrany amin'ny faran'ny tany Hianao." - Asa. 13:47

Ary hoy indray Jesôsy taminy: "fiadanana ho anareo; tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nanisy fofonaina, ka hoy Izy taminy; raiso ny Fanahy Masina." - Jao. 20:21,22

- **Mivavaha mba hisy fitomboana mampitolagaga ny lafin'ny fanohana ara-panahy avy amin'ny tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito mamonjy ireny anjerimanontolom-panjakana ireny. Mivavaha mba hahatonga azy ireo ho mpanompo manana firehetam-po amin'ny fanompoana ny hafa eny anivon'ireny anjerimanontolom-panjakana sy sekoly maneran-tany ireny.**

"Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika." - 2 Tim. 1:8

"Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy: mitiora ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mampirisihia, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra." - 2 Tim. 4:1,2

- **Mivavaha mba hahatonga ny mambra rehetra ho afaka hanokana fotoana misimisy kokoa amin'ny fianarana Baiboly, fivavahana; hamela an'Andriamanitra hitarika amin'ny fahafenoany ny vahoakany araka ny sitrapony fa tsy ny antsika.**

"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahaso koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra." - 2 Tim. 3:16,17

- **Mivavaha mba hitomboan'ny fahalianana amin'ny fianarana ny bokin'i Daniela sy ny Apôkalipsy. Mivavaha mba hahazoan'ny olona sy hitoriany fa ny asa fanompoana ao amin'ny Tempoly dia fanehoana mahagaga ny dingan'ny famonjena. Mivavaha mba hisian'ny fifantohana tanteraka amin'i Kristy sy ny asany nandritra ny fainany tetra an-tany, ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana, ny fitsanganany, ny asa izay atao ny ankehitriny ao amin'ny efitra masina indrindra any an-danitra ary ny fiverenany fanindroany.**

"Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara* ny teny fahamarinana." - 2 Tim. 2:15

"Ary amin'izany zavatra lazainay izany dia izao no fotony: manana Mpisoronabe toy izany isika, dia Ilay efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny sezamian'ny Avo Indrindra any andanitra, Mpando fanompoan-pivavahana ao amin'ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin'ny Tompo, fa tsy olona." - Heb. 8:1,2

- **Mivavaha mba hitomboan'ny fandraisana anjara sy fanoloran-tena amin'ny asa fampielezana ny filazantsara fanatrarana ny any ivelany eo anivon'ireo mambran'ny fiangonana sy ireo sampan'asa misy, tahaka ny fanohanan'izy ireo ny fampandehanana ny asan'ny fiangonana.**

"Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra." - Mat. 5:16

- **Mivavaha ho amin'ny fametrahana ireo "Ivon-toeran'ny Fanentanana" (Centre d'Influence) an'arivony, manokana amin'izany ireo izay apetraka eny amin'ireo tanàndehibe manerana izao tontolo izao, ary mivavaha mba hahafahan'ireny ivon-toerana ireny maneho fahasamihafana lehibe tokoa eo amin'ny fainan'ny vahoaka rehefa manao ny fanandraman'ny fahamarin'an'Andriamanira amin'ny alalan'ny asa fanompoana kristianina izy ireo.**

"Hianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohtsahin'ny olona. Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vatafamarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovar-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra." - Mat. 5:13- 16

- **Mivavaha ho an'ny mpitarika fiangonana rehetra manerana izao tontolo mba hijoroan'izy ireny ho mahatoky ara-panahy sy hihazonan'izy ireo ny vinany ho amin'ny asa fitoriana. Mitalaho amin'ny Tompo mba hiarovany ireo Pasitora sy mambran'ny Fiangonana tsy hanary ny tontolo-kevitra ara-paminaniana mahakasika ny maha-Fiangonana Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, fiangonana an'Andriamanitra sisam'ny andro farany.**

"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona, firenena masina", olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga; dia hianareo izay tsy firenena akory fahiny, fa ankehitriny efa olon'Andriamanitra; izay tsy namindrana fo, fa ankehitriny efa namindrana fo."

- 1 Pet. 2:9, 10

- **Mivavaha mba hitombo ny fampiasan'ny mambran'ny fiangonana ny literatiora kristianina ary hohamafisina ny literatiora ara-pilazantsara voarakitra an- taratasy sy ireo fitaovana vokatra avy amin'ny fandrosoan'ny teknôlôjia**

“Fa izao no lazaiko: Izay mamafy kely, dia kely no hojinjany; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany.” - 2 Kôr. 9:6

- **Mivavaha mba hisian'ny fanobanana manan- danja sy fahalianana avy amin'ny mambran'ny fiangonana rehetra sy ireo mpitarika ho fiarovana ny foto- kevitra sy ny sori- dalan'ny fanabeazan'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Zava- dehibe tokoa izany ho an'ny vokatra sy ny vinan'ny hoavy.**

“Zaro amin’izay lâlana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin’izany.” - Ôhab. 22:6

- **Mivavaha mba hisian'ny fitomboan'ny tarika madinika mirotsaka amin'ny asa fanatrarana ny any ivelany; mba ny mambra rehetra mihitsy ny mandray anjara amin'ny Fijoroana ho vavolombelona atao'nny tena manokana sy ny fitoriana ny Fahamarinana lehibe avy amin'Andriamanitra amin’izao andro farany izao.**

“Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am- ponareo” (Isa. 8.12,13); “ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana.” - 1 Pet. 3:15

- **Mivavaha ho an'ny firaisan'ny fitoriana ny filazantsara sy ny asa Fijoroana ho vavolombelona atao'nny lehilahy, sy ny vehivavy ary ny ankizy eo anivon'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran- tany. Mivavaha mba handraisantsika ny herin'ny Fanahy Masina rehefa milefitra eo ambanin'ny fitarihany ny fainantsika isika**

“Fa hoy Jehovah tamika: aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin’izay rehetra hanirahako anao hianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao. Aza matahotra azy hianao; fa momba anao hamony anao Aho, hoy Jehovah.” - Jér. 1:7,8

- **Mivavaha mba ho mpitarika tia vavaka, mandray fananaranar, ary manana fanetren- tena no hapetrak'Andriamanitra ka hanome fomba fitirhana misantoka amin'i Kristy eo amin'ny fanatanterahan'ny fiangonana ny iraka avy any an- danitra ho an'izao tontolo izao.**

“Ka dia atsangana koa hianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.” - 1 Pet. 2:5

- **Mivavaha mba hanomezan'i Kristy fiadanana sy fitiavana ny ankohonana sy ny tokantrano Advantista Mitandrina Ny andro Fahafito. Mivavaha mba hahatonga ny fanatrehany hanafoana ny fanararaotana sy ny rarintsaina amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny fahamarinany.**

“Ary aoka ho ambonin'izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin'ny fahatanterahana izany. Ary aoka hanapaka ao am- ponareo ny fiadanani'i Kristy, fa ho amin’izany no niantsoana anareo ho tena iray; ary aoka ho feno fisaorana hianareo.” - Kôl. 3:14,15

- **Asa eny anivon'ny tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Divizioni Afrika Afovoany Atsinanana sy ireo tanân- dehibe izay nofinidiny hanaovana ny asa: Kinshasa, Repoblika Demôkratikan'i Kongo; Dar- es- Salaam, Tanzania; Addis Ababa, Etiôpia; Kampala, Ouganda; Kananga, faritra andrefan'i Kongo; Lodwar, Kenya; Kigali, Rwanda; Lubumbashi, faritra atsinanan'i Kongo; Goma, faritra avaratra atsinanan'i Kongo; Magara, Burundi ary Juba, sy ny faritra atsimon'i Soudan. Mivavaha mba ho rava ny fatorana mafy izay atao'n'i Satana ary hitoetra ny fisandraisana amin'i Kristy.**

“Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitoky? Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? araka ny voasoratra hoe: akory ny hatsaran'ny tongotri'ry mitondra teny soa mahafaly!” - Rôm. 10:14,15

- **Asa eny anivon'ny tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziôna Eorô- Aziatika ary ho an'ireo tanân- dehibe iasan'izy ireo: Moscou, Russie; Kiev, Ukraine; Kishinev, Moldova; Donetsk, Kharkov, Minsk, Belarus; St. Petersburg, Novosibirsk, Krasnoyarsk, faritra atsinanan'i Rosia; Khabarovsk, Rostov- on- Don, Caucasus; Tbilisi, Georgie; Yerevan,**

Armenie; sy Almaty, Kazakhstan. Mivavaha ho an'ireo ezaka fanatrarana ny any ivelany ary ho an'ireo prôgramam- pijinjana manokana isan- karazany izay hatao tsy ho ela any an- toerana.

“Ary na inona na inona no ataonareo, dia ataoovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olona.” - Kôl. 3:23

- Asa eny anivon'ny Tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Eorôpa Afovoany sy ireo tanân- dehibe nosafidian'izy ireo hanatanterahana ny asa: Genève, Suisse; Prague, République Tchèque, Vienne, Autriche. Manandrata koa vavaka ho an'ny faritra tapany atsinanana sy avaratry ny Fivondronambe Afrika Avaratra ary ireo tanân- dehibe miisa 43 izay kasain'izy ireo hidirana ao mandritra iny efa- taona na dimy taona ho avy iny. Mivavaha ho an'ny mambran'ny Fianganana sy ireo mpitarika miasa eny anivon'ireny tanân- dehibe ireny.

“Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am- ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefá amin'ny fahalemem- panahy sy ny fanajana.” - 1 Pet. 3:15

- Asa eny anivon'ny tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Afovoany sy ireo tanân- dehibe izay kasainy hobaboina ho an'i Kristy: tanân- dehibe ao Mexique: Mexique, Caracas, Venezuela, Bogata, Colombie, Nassau, Bahamas; tanân- dehibe ao Belize: Belize; Georgetown, Guyane; Cali, Colombie; Cayenne, Guyane Française; tanân- dehibe ao Guatémala: Guatémala; Quetzaltenango; Port- au- Prince, Haiti; Tegucigalpa, Honduras; Mérida, Mexico; Porto Rico, Puerto Rico (ny nosy manontolo); Santiago de los Caballeros, République Dominicaine; Dominican Republic; ary Maracaibo, Venezuela. Mivavaha mba hahafahan'ny mambra mampivelatra ireo paik'ady entina manatratra ireo tanân- dehibe ireo.

“Ary raha misy hianareo tsy manam- pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.” - Jak. 1:5

- Asa eny anivon'ny tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Avaratra amin'ny asa izay ataon'izy ireo eny anivon'ireto tanân- dehibe manaraka ireo: Ny tanan-dehiben'ny New York, New York, Calgary, Canada, Indianapolis, Indianapolis St. Louis, Missouri; Seattle, Washington; San Francisco, Californie; Oakland, Californie; Tampa, Floride; sy ny tanan- dehiben'ny Oklahoma, Oklahoma. Mivavaha ihany koa ho an'ny Diviziona Azia Pasifika Avaratra ary ireo tanân- dehibe izay ezahan'izy ireo hotratraria: Tokyo, Japon; Daegu, Corée; Daejon, Corée; Wuxi, Chine; ary Ulaanbaatar, Mongolie. Mivavaha mba ahafahan'ny Fanahy Masin'Andriamanitra miasa amin'ny fahafenoany amin'ireo tanân- dehibe ireo.

“Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: Tsy amin- kery na amin- pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro.” - Zak. 4:6

- Asa eny anivon'ny tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Afrika Atsimo sy ny Ranomasimbe Indianina ary ho an'ireo tanân- dehibe izay ezahiny ho azo ho an'i Kristy: Luanda, Angola; Antananarivo, Madagascar; Lilongwe, Malawi; Maputo, Mozambique; Saurimo, Angola; Bloemfontein, Afrika Atsimo; Lubango, Angola; Kitwe, Zambia; ary Harare, Zimbabwe. Mivavaha ihany koa ho an'ny Diviziona Azia Atsimo sy ho an'ireo tanân- dehibe izay ezahiny ho azo ho an'i Kristy: Mumbai, Kochi, Bidar, New Delhi, Coimbatore, Surat, Imphal, ary Vijayawada. Mivavaha mba hitondran'ny Tenin'Andriamanitra vokatra.

“Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.” - Isa. 55:11

- Asa eny anivon'ny tanân- dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Azia Pasifika Atsimo ary ireo tanân- dehibe hiompanan'ny ezaka ataony: Metro Manila, Philippines; Dhaka, Bangladesh; Cebu, Philippines; Makassar, Indonesia; Yangon, Myanmar; Urdaneta, Philippines; Karachi, Pakistan; Kota Kinabalu, Malaisie; Davao, Philippines; ary Medan, Indonesia. Mivavaha ho an'ireo mpiasa mba hahatonga azy ireo ho feno sy hahazo hery amin'ny Fanahy Masina.

“Fa hahazo hery hianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran’i Jodia sy Samaria ary hatramin’ny faran’ny tany.” - Asa 1:8

- **Asa eny anivon’ny tanàn- dehibe – Mivavaha ho an’ny Divisiona Transa- Eorôpeanina sy ireo tanàn- dehibe ezahany hotratarina ho an’i Kristy: Londres, Angleterre; Zagreb, Croatie; Tallinn, Estonie; Dublin, Ireland; Copenhagen, Danmark; Helsinki, Finlande; Budapest, Hongrie; Bergen, Norway; Randstad, Pays- Bas; Warsaw, Pologne; Belgrade, Serbe; ary Göteborg, Suède. Mivavaha ho an’ny vahoaka mba hananan’izy ireo hetaheta lalina ny Tenin’Andriamanitra.**

“Indro, ary ny andro, hoy Jehovah Tompo, izay hanaterako mosary amin’ny tany, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan- drano, fa faniriana handre ny tenin’i Jehovah.” - Amô. 8:11

- **Asa eny anivon’ny tanàn- dehibe – Mivavaha ho an’ny Diviziona Afrika Atsinanana sy ireo tanàn- dehibe iasany hanatrarana vahoaka ho an’i Kristy: Lagos, Nigeria; Douala, Cameroun; Calabar, Nigeria; Accra, Ghana; Abuja, Nigeria; ary Lome, Togo. Mivavaha mba hahitan’ny vahoaka ny filany an’i Kristy ary hahatonga azy ireo hiantso ny anarany.**

“Fa izay rehetra miantso ny anaran’ny Tompo no hovonjena.” - Rôm. 10:13

Miarahaba anao tonga soa eto amin'ity 10 andro fiaraha-mivavaka 2015 ity

Fampidirana

Nanao fahagagana betsaka Andriamanitra tamin'ny alalan'ny 10 Andro Fiaraha-mivavaka, nanomboka tamin'ny Tetik'asa Ranon'orana Maneran-tany tamin'ny taona 2006. Nitondra fifohazana, fiovam-po, firehetam-po vaovao amin'ny asa fitoriana ny filazantsara, ary fahatsaran'ny fifandraisana izany. Marina tokoa fa ny vavaka no ivon'ny fifohazana!

Mino izahay fa hiova ny fainanao, sy ny fainan'ireo izay entinao amim-bavaka rehefa miombombavaka amin'ireo mambran'ny fiangonana ny amin'ny hirotsahan'ny Fanahy Masina ianao. Izao ny fanambaran'ireo mpandray anjara tamin'ny 10 Andro Fiaraha-mivavaka:

“Nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2013 dia nanao fangatahana anankiroa aho: 1) ny voalohany dia ho an’ny zanako, mba ho afaka amin’ny fatoran’ny fiankinan-doha amin’ny zavamahadomelina, ary 2) ho an’ny vadiko, mba hanolotra ny fony amin’ny Tompo. Nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2014, dia nidera an’Andriamanitra aho satria afaka nilaza ny zanako fa efa ho 8 volana izao izy no tsy nandray irony karazana rongory antsoina hoe “methamphetamine” irony intsony; tsy fotsy varavarana intsony ary efa voaray miasa ara-dalana. Ny vadiko kosa dia naverina natao batisa fanindroany ary tamin’ity taona ity dia niara-nanatrika tamiko ny 10 andro fiaraha-mivavaka izy. Isika rehetra dia hijaraka hidera ny Ray, amin’ny alalan’i Jesôsy Kristy.” - Nina Herman, Parkwood SDA Church, Modesto, California, USA

“Tamin’ny fotoana nanatantrehanay ny 10 andro fiaraha-mivavaka teo amin’ny toerana misy anay dia nanatantreka fanentanana ara-pahasalamana mitety faritra niaraka tamin’izany izahay. Fanandramana tsy manam-paharoa tokoa izany ho an’ny nosy Kiorasao (Curaçao). Tonga nanatrika izany fanentanana ara-pahasalamana izany avokoa ny mpionona manerana ny nosy. Nanambara ireo tsy mpino fa izao hetsika ara-pahasalamana mainaimpoana izao no tsara indrindra tamin’ireo izay natao teto amin’ny nosy Kiorasao. An’Andriamanitra ny voninahitra. Tao amin’ny fiangonana misy ahy dia nanao ny fanandraman’ny fiovam-piaínana aho, ka nisy mambra manan-talenta lasa mpitarika ho an’Andriamanitra eo amin’ny sehatry ny mozika. Isant’Sabata, amin’ny alalan’ny mozika, dia voaomana handray ny Tenin’ny fainana ny fonay sy ny sainay. Ankoatra izany, nisy mambra vitsivitsy izay tsy mbola nitory ny Tenin’Andriamanitra mihitsy, nanao izany indray alina, ary tanora iray tsy mbola nanao Fijoroana ho vavolombelona mihitsy no afaka nanao izany fanandramana izany tamin’ny fotoana takariva. — Valerie Lashley, Cher-Asile SDA Church, Willemstad, Curaçao

Ny lohahevitra noraisinay: Manandrana ny Vokatry ny Fanahy

Nandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka dia hivavaka ho an’ny vokatry ny Fanahy, araka izay hita ao amin’ny Gal. 5:22- 25 isika. I Kristy dia maniry “*mafy ny hahita ny zanany haneho toetra amam-panahy manam-pitoviana Aminy.*” (Ilay Fitiavana Mandresy, t. 328), toetra izay maneho ny fanatrehan’ny Fanahy Masina miseho amin’ny alalan’ny vokatry ny Fanahy eo amin’ny fainantsika. Ny hany fomba tokana hahafahantsika mivoa araka ny Endrinry ary maneho ny vokatry ny Fanahiny dia amin’ny alalan’ny fanokanana fotoana hibanjinana Azy. “Izay tena mikatsaka marina ny hitovy amin’i Jesôsy amin’ny fiteny sy fainana ary toetra, dia hibanjina ny Mpamony azy, amin’izay dia hiova araka ny endrinry izy satria mangetaheta mafy sy mivavaka mba hitovy Aminy sy hanana ny saina izay ao amin’i Jesôsy Kristy.” (*Testimonies to Ministers and Gospel Workers*, t. 121).

I Kristy dia mangetaheta ny hampita ny toetrany eo amintsika, mba hahafahantsika mijoro ho vavolombelona eo amin’ny tontolo andalam-pahasimbana. Iriny ny hahatonga antsika ho fantsona hahafahany maneho ny Tenany amin’ny alalantsika amin’ireo tsy mahafantatra Azy. “*Tsy miankina firy amin’izay lazantsika, fa amin’izay toetsika ny hery miasa mangina avy amintsika eo amin’ny hafa.*” (Ilay Fitiavana Mandresy, t. 134) Mila ny Fanahy Masina isika haneho amintsika ny vokatry ny Fanahy. Izany dia asa tsy vitan’ny tenantsika manokana. Tsy manana ny hery hahafahana ho tonga tahaka an’i Kristy isika. Ny herin’i Kristy ao anatintsika ihany no afaka hanapaka sy hamolavola ny toetsika, sy hanao antsika hanam-pitoviana misimisy kokoa Aminy.

“Faniran’i Kristy ny ho hita taratra ao anatin’ny fon’ny olona; ary manatantreka izany amin’ny alalan’ireo izay mino Azy Izy. Ny maha-Kristianina ny Kristianina eo amin’ny fainana dia ny voa izay entiny – ny fanehoana taratra ny toetran’i Kristy eo amin’ireo mpino dia afaka hiantefa amin’ny hafa.” (*Lift Him Up*, t. 274).

"Tsy hisy fitomboana na voa hiseho avy amin'ny fiaainana tsy mijery afa-tsy ny tombontsoan'ny tena manokana. Raha nanaiky an'i Kristy ho Mpamony ny tenanao manokana ianao, dia tsy maitsy manadino ny tenanao, ary miezaka manampy ny hafa. Miresaha momba ny fitiavan'i Kristy, lazao ny fahatsaràny. Ataovy avokoa ny adidy izay maneho izany. Ento amin'ny fonao ny ziog'an'ny fanahy, ary katsaho amin'ny herinao rehetra ny famonjena ny very. Rehefa mandray ny Fanahin'i Kristy ianao - ny Fanahin'ny fanoloran-tena dia ho tia sy hiasa ho an'ny hafa - hitombo ianao ary hitondra voa. Ny fahasoavan'ny Fanahy dia ho matoy ao anatin'ny toetranao. Hitombo ny finoanao, hihalalina ny faharesen-dahatra ao anatinao, ary hatao tsy manan-tsiny ny fitiavanao. Hitombo hatrany ny fanahafahanao an'i Kristy amin'ny fahadiovana sy fahamboniana ary amin'ny fitiavana." (*Lift Him Up*, t. 274).

Mila ny vokatry ny Fanahy isika eo amin'ny fiainantsika, ary mila maneho izany amin'ireo manodidina antsika. Mandritra izao folo andro izao, dia irinay ny haka fotoana misimisy kokoa amin'ny fanehoana ny vokatry ny fanahy, amin'ny fivavahana fangatahana amin'Andriamanitra mba hampitomboiny ao amintsika ny voany, ary hangataka Aminy mba hanampiany antsika haneho ny toetrary amin'ny hafa.

Toromarika ho amin'ny fotoam-bavaka

- Aoka ho fohy ny vavaka – fehezan-teny iray na roa ihany ho an'ny lohahevitra iray. Dia avelao ny hafa hanohy ny anjarany. Mety hiverimberina matetika ny anjaranao, toy ireny miresaka ireny.
- Ilaina ny fanganana, satria manome fotoana ho an'ny tsirairay hihainoana ny Fanahy Masina izany.
- Mitondra fitahiana lehibe tokoa ny fihiranana araka izay hitarihan'ny Fanahy azy.
- Aza laniana amin'ny firesahana ny antom-bavakao ny fotoana sarobidin'ny fotoam-bavaka, mivavaha fotsiny ho azy ireny. Azon'ny hafa atao koa ny mivavaka ho an'ny fangatahanao ary mitaky ireo teny fikasana ho anao.

Mitaky ireo Teny Fikasana

Nanome Teny Fikasana betsaka ho antsika Andriamanitra ao amin'ny Teniny. Tombontsoa ho antsika ny mitaky azy ireny ao anatin'ny vavaka izay ataotsika. Ireo lalany sy ny torohevitra omeny koa dia efa Teny Fikasana. Tsy hangataka zavatra tsy ho azontsika tanterahina ao amin'ny Heriny velively Izy.

Rehefa mivavaka isika dia moramora kokoa ny misantoka amin'ireo filantsika, ny olana misy eo amintsika, ny fihaikana, ary ny mitalaho sy mitomany noho ny toe-java-misy iainantsika. Tsy izay anefa no tanjon'ny vavaka. Ny vavaka dia natao mba hanome hery ny finoantsika. Izany indrindra no antony ampirisihanay anareo mba hitaky ireo Teny Fikasan'Andriamanitra mandritra ny fotoam-bavaka. Nampianay andinin-teny ara-Baiboly izay azonao takina amin'ny tari-dalana momba ny vavaka isan'andro. Aza misalasala koa mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Hanampy anao hanala ny fomba fijerinao ny tenanao sy ny fahalemanao izany ka hametraka ireny eo amin'i Jesôsy. Amin'ny alalan'ny fibanjinana Azy no hahatonga anao hiova araka ny endrin.

"Ny Teny Fikasana tsirairay ao amin'ny Tenin'Andriamanitra dia natao ho antsika. Lazao ao anatin'ny vavaka ataoao ny teny fampantanteran'Andriamanitra ary amim-pinoana no itakio ireo Teny Fikasany. Ny Teniny no antoka fa rehefa mangataka amim-pinoana ianao dia handray ireo Fitahiana ara-panahy. Aza mijanona mangataka, ary dia hahazo mihoatra lavitra noho izay angatahanao sy eriteretinao ianao." (*In Heavenly Places*, t. 71).

"Mangataha mba hahazoana ny Fanahy Masina. Mijoro eo aorian'ny Teny Fikasana rehetra nataony Andriamanitra. Tazony eny an-tananao ny Baibolinao ary mitenena hoe: "Mangataha dia homena hianareo, mitadiava dia hahita, dôndôny dia hovohana." (*Henoinareo ny Fanoharana*, t.120.1)

"Misy tafiky ny fahazavana sy ny hery tsy hita maso izay manotrona ireo malemy fanahy sy manetry tena izay mino sy mitaky ireo Teny Fikasan'Andriamanitra." (*Henoinareo ny Fanoharana*, t.149.1)

Amin'ny fomba ahoana no hitakiao ireo Teny Fikasany? Ohatra, rehefa mangataka fiadanana, dia takio ny Jao. 14:27 "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tortolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo."

Fanahy Masina

Aoka ho azonao antoka fa nangataka ny Fanahy Masina ianao haneho aminao ny fomba sy ny zavatra tokony hangatahana ho an'ny fiainan'ny olona manoloana ny toe-javatra manokana. Ny Baiboly dia milaza amintsika fa tsy fantatsika izay angatahantsika, ka ny Fanahy masina no Ilay manao fanelanelanana ho antsika.

“Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin’ny anaran’i Kristy isika, fa mangataka ny fibitsihan’ny Fanahy masina koa. Izany dia manazava ny dikan’izay voalaza hoe: “*Ny fanahy no misfona amin’ny fitarainana tsy azo tononina.*” Rôm. 8:26. Mahafaly an’Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin’ny anaran’i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin’io hery io indrindra no misy antoka avy amin’Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, “*mihoa tra lavitra noho izay angatahantsika na heverintsika.*” - Efes. 3:20 (*Henoinareo ny Fanoharana*, t. 120.2)

Takio ny Rôm. 8:26 ary angataho ny Fanahy Masina haneho aminao ny fomba fivavahana sy izay tokony hangatahana ho an’ny olona na toe-javatra sasany.

Finoana

Milaza amintsika ny Fanahin’ny Faminaniana fa “ny vavaka sy finoana dia hanatanteraka izay tsy hain’ny fahefana eto an-tany tanterahana.” (*Ministry of Healing*, t. 509). Ampirisihina ihany koa isika hivavaka sy hino fa Andriamanitra dia mihaino ary hamaly ny vakaka ataontsika.

“Hoy i Kristy, “*Mangataha dia hahazo hianareo.*” Amin’ny alalan’ireo teny ireo dia manoro lalana antsika i Kristy ny amin’ny fomba tokony hivavahantsika. Tokony hanatona ny Ray any andanitra amin’ny fahatsorany ankizy isika, mangataka Aminy ny fanomezam-pahasoavan’ny Fanahy Masina. Mbola nilaza izao teny izao koa i Jesôsy: “*Na inona na inona tononinareo amin’ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany.*” Tokony hanatona ny Ray amin’ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka ianao, manaoana ny fahotana sy ny fahavetavetana rehetra ao anatinao; koa tombontsoa ho anao ny manamarina ireo Teny Fikasan’ny Tompo... Tokony hino ny Tenin’Andriamanitra isika; satria ny fizahan-toetra dia misého amin’ny *“fandrosoana amin’ny finoana masina indrindra, fivavahana amin’ny Fanahy Masina.* Nohamarinin’Andriamanitra tamin’ny alalan’ny Teniny ianao. Tsy tokony hiandry fihetseham-po goavana ianao vao hino fa nihaino anao Andriamanitra. Tsy manamarina na inona na inona ny fihetseham-po, satria mivoava toy ny toetr’andro izany... Kanefa ito an-tany dia afaka mandray fanampiana avy any an-danitra isika... satria efa nizaha toetra an’Andriamanitra imbetsaka tokoa aho. Handroso amim-pinoana aho, tsy hanala baraka ny Mpamony amin’ny tsy finoana aho.” (*Review and Herald*, 11 Oct. 1892, par. 1, 3, 6).

“Kely loatra ny finoantsika. Ferantsika Ilay Iray Masin’ny Isirael. Tokony hanksitraka an’Andriamanitra isika noho ny nanaovany antsika ho toy ny fitaovana eo am-pelatanany. Satria ny vavaka rehetra ao amin’ny fo, nasandra tra tamim-pinoana dia handray valiny avokoa. Mety tsy ho araka izay nanantenantsika azy ny fotoana hahatongavany, kanefa ho avy izany; angamba mety tsy ho araka ny fandaminantsika azy, kanefa amin’ny fotoana rehetra izay tena ilantsika azy ireny indrindra. Kanefa, indrisy! Tena fahotana tokoa ny tsy finoantsika! “*Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.*” (*Testimonies for the Church*, b. 3, t. 209).

Mangataha amin’Andriamanitra mba hanampiany anao hahatoky sy hino fa naheno sy hamaly ny vavaka nataonao Izy.

Nambara tamintsika ihany koa fa “satria izay fanomezam-pahasoavana rehetra nampanantenainy dia azontsika angatahana Aminy; tokony hino fa mandray izany isika ary hanatitra ny fisaorana ho efa nahazo izany.” (*Education*, t. 258). Koa aoka ho fahazarana ho anao ny misaotra mialoha an’Andriamanitra sahady amin’ny finoana noho izay hataony sy ny amin’ny fomba hamaliany ny vavakao.

Mivavaka ho an’ireo olona fito

Mampirisika anao izahay mandritra ireo folo andro ireo mba hivavaka amin’ny fomba manokana ho an’olona fito izay irinao ahitana ny fisehon’ny vokatry ny Fanahy. Mety ho havana, namana, mpiara-miasa, mpiray vodirindrina, na olona mifanerasera aminao fotsiny. Manokana fotoana fohy ary mangataha amin’Andriamanitra mba hanomezany anao ny anarana tiany hoentianao amim-bavaka. Angataho koa Izy hanome anao ny tena fahatsapana fa manana adidy amin’ireny olona ireny ianao.



Andro voalohany – Mitoetra ao amin'i Kristy Jao. 15:1-17

Toromarika ho amin'ny vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra atao izay rehetra nampanantenainy!

- Derao Andriamanitra noho ny amin'i Kristy izay mitondra voa ho anao.

"Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy miray amiko." - Jao. 15:4

- Derao Andriamanitra noho ny toromarika nomeny anao hahafahanao mitoetra ao Aminy.

"Koa tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehanao aminy araka izany koa, ka mamaka tsara sy miorina mafy aminy ary tafatoetra amin'ny finoana, toy ny efa nampianarana anareo, ka mazoto amin'ny fisaorana." - Kôl. 2:6, 7

- Mivavaha mba hampianaran'Andriamanitra anao ny fomba hitoerana Aminy.

"Tsy amin- kery na amim- pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro." - Zak. 4:6

"Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona." - Jao. 15:16

- Mivavaha mba handrotsahan'Andriamanitra aminao ny Fanahiny Masina, mba hahafahanao mitondra ny vokatry ny Fanahy.

"Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana (...) Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany." - Joe. 3:1,2

"Mba handehananareo miendrika ny Tompo, hanaovana ny sitrapony amin'ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin'ny asa tsara rehetra sady mitombo amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra, ary ampahatanjahina amin'ny hery rehetra araka ny herin'ny voninahiny ho amin'ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin'ny hafaliana (...)" - Kôl. 1:10,11

- Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra anao ahafantatra misimisy kokoa ny filânao hitoetra Aminy ary hanomezany anao ny faniriana hanao araka izany.

"Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy miray amiko." - Jao. 15:4

"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina." - Rôm. 12:2

- Mivavaha ho an'ny fianakaviana sy ireo namana mba hananan'izy ireo ny faniriana ary hianatra ny fomba hahafahana mitoetra Aminy

“Dia homeko fo iray izy, ary hasiako fanahy vaovao ao anatinareo; ary hesoriko amin’ny nofony ny fo vato, ka homeko fo nofo izy.” - Ezek. 11:19

“Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy.” - Rôm. 8:5

- Mivavaha ho an’ny firaisan’ny fiangonana ao amin’ny fahamarinana.

“Nefa tsy ho an’ireto ihanany no angatahako, fa ho an’izay mino Ahy koa noho ny teniny; mba ho iray ihanany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; mba hinoan’izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy.” - Jao. 17:20,21

“Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy Tomponsika, mba hiray teny hianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara hianareo hiray saina sy hevitra.” - 1 Kôr. 1:10

- Mivavaha ho an’ny fihaonambe faha-60-r’ny Foibe Maneran-tany any San Antonio: ho an’ireo solontena rehetra, ho an’ny fanapahan-kevitra rehetra izay horaisina any. Mivavaha mba hahatonga ireo solontena rehetra hitoetra ao amin’i Kristy, hiantoraka tanteraka Aminy, ary mba hahafahan’ny Fanahy Masina hitarika ny fanapahan-kevitra isan’isany.

“Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin’Andriamanitra, izay manome malalaka ho an’ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.” - Jak. 1:5

“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.” - Gal. 2:20

“Ary Izaho hangataka amin’ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin’ny fahamarinana, Izay tsy azon’izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo.” - Jao. 14:16, 17

- Mivavaha ho an’ireo mpitarika ny fiangonana (ny Pasitoran’ny fiangonanao/federasiona/Fivondronambe/divisiona/foibe maneran-tany), mba ahatonga azy ireo hanana fo feno ny Fanahy Masina sy hitoetra ao amin’i Kristy.

“Ary aza manaraka ny fanaon’izao tontolo izao; fa miovà amin’ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.” - Rôm. 12:2

“Fa asany isika, voaforona tao amin’i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin’Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy.” - Efes. 2:10

“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.” - Gal. 2:20

- Mivavaha ho an’ny fanamafisana ny fanapariahana ny tetik’asa Fifohazana sy Fanavaozana eny anivon’ireo mambra, Federasiona, Fivondronambe, sampan’asa maro isan-karazany, Diviziona ary ny Foibe Maneran-tany. Tsarovy ny vavaka 777 ho an’ny firotsahan’ny ranon’orana faran’ny Fanahy Masina.

“Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin’ny nofo rehetra Aho; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana (...) Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin’izany andro izany.” - Joe. 3:1,2

- Mivavaha ho an’ny fijinjana mahafinaritra ireo fanahy vokatra avy amin’ireo voa nafafy nandritra ny fizarâna ny boky tetik’asa Hery Mifanandrina.

“Fa izao no lazaiko: Izay mamafy kely, dia kely no hojinjany; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany.” - 2 Kôr. 9:6

- **Mivavaha ho an'ny mambra tsirairay mba hahatsapan'izy ireo ny hasarobidin'ny famonjena fanahy sy ny fangatahan'ny lanitra antsika rehetra hanaraka ny dingana fomba fiasan'i Kristy rehefa mizara ny finoantsika manokana miaraka amin'ny fitantanan'Andriamanitra.**

“Dia hoy Izzy tamin’ny mpianany: be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin’izany mangataha amin’ny Tompon’ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.”

- Mat. 9:37,38

- **Asa eny anivon’ny tanàn-dehibe – Mivavaha ho an’ny Divizioni Afrika Afovoany Atsinanana sy ireo tanàn-dehibe izay nofinidiny hanaovana ny asa: Kinshasa, Repoblika Demôkratikan’i Kongo; Dar-es-Salaam, Tanzania; Addis Ababa, Etiôpia; Kampala, Ouganda; Kananga, faritra andrefan’i Kongo; Lodwar, Kenya; Kigali, Rwanda; Lubumbashi, faritra atsinanan’i Kongo; Goma, faritra avaratra atsinanan’i Kongo; Magara, Burundi ary Juba, sy ny faritra atsimon’i Soudan. Mivavaha mba ho rava ny fatorana mafy izay ataon’i Satana ary hitoetra ny fifandraisana amin’i Kristy.**

“Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitoky? Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? araka ny voasoratra hoe: Akory ny hatsaran’ny tongotry mitondra teny soa mahafaly!” - Rôm. 10:14,15

- **Mivavaha ho an’ny filànao manokana na izay zavatra ao am-ponao.**

“Matokia an’i Jehovah amin’ny fonao rehetra, fa aza miankina amin’ny fahalalanao; maneke Azy amin’ny alehanao rehetra, fa Izzy handamina ny lalanao.” - Ohab. 3:5,6

- **Mankalazà an’Andriamanitra noho ireo fomba maro isankarazany izay nomen’i Jesôsy ho ohatra ho antsika mba hahafahana mitoetra ao amin’Andriamanitra.**

“Hoy Jesosy taminy: Ny haniko dia ny manao ny sitrapon’izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany.” - Jao. 4:34

- **Deroa sahady Andriamanitra ny amin’izay fomba entiny miasa sy mamaly ny vavaka ataontsika.**

“Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.” - Jao. 15:7

“Fa isaorana anie Andriamanitra, Izzy manome antsika ny fandresena amin’ny alalan’i Jesosy Kristy Tompontsika.” - 1 Kôr. 15:57

“Ary ho an’izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahantsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, Amena.” - Efes. 3:20

Amin’ny fiafarany ny fotoam-bavaka, dia mety ho fanirianaor ny hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hivavaka ho an’ireo olona fito ao amin’ny lisitra eny am-pelatananao. Mivavaha mba hahatonga azy ireo hitoetra ao amin’i Jesôsy Kristy. Takio ho azy ireo ny Jao. 14:23: *“Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy.”* Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia tianao loatra ny hitondra izany eo anivon’ny sarambabem-bahoaka, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namanao ary miaraha mivavaka momba izany.

Soso-kevitra ho amin’ny hira:

Hira fihirana advantista: 456/449/451

Izay lazain'i Ellen White mahakasika ny fitoerana ao amin'i Kristy

"Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamaoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamaoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." - Jao. 15:4,5

"Tomoera Amiko" – teny tena manan-danja tokoa izany. Ny hoe mitoetra ao amin'i Kristy dia midika finoana velona, avy amin'ny fo, finoana mahavelombelona izay miasa amimpitavana ary manadio ny fanahy. Midika ihany koa fandraisana tsy miato ny Fanahin'i Kristy, fiainana manolo-tena tsy misy fepetra ho amin'ny fanompoana Azy. Eo amin'izay itoeran'izany firaisansa izany dia hisy asa tsara hiseho. Ny fiainana eo amin'ny tanimbaoaloboka dia hitondra voa mahafinaritra eny amin'ny sampany. Hirotsaka aminao mandrakariva sy hahatonga anao ho fitahiana ho an'ny hafa ny tahirim-pahasoavan'i Kristy, mandra-piteninao tahaka an'i Paoly hoe, "Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatik." (Our Father Cares, t. 124).

Tsy fikasihana tampotampoka avy amin'i Kristy no ilaike fa ny fitoerana tanteraka Aminy. Miantso anao Izy ny hitoreranao Aminy. Tsy manolotra anao fiainam-pitahiana mandalo izy, izay misheo amin'ny alalan'ny filana miredareda ny Tompo ary dia lasa avy eo rehefa manolo-tena amin'ny asa fanaonao andavanandro ianao. Ny fitoeranao ao amin'i Kristy dia mahatonga anao hila ny fahazavany amin'ny fanaovanao ny adidinao rehetra, ny fitondrany ny enta-mavesatrao rehetra. Efa vonona ny hiara-kitoetra aminao Izy. Midika izany fa tsy maintsy tsapanao fa rehefa mitoetra ao amin'i Kristy ianao dia tsy maintsy miaraka Aminy mandrakariva, ka handray fampaherezana sy hery mandrakariva ny sainao...

Aza mijoro any ivelan'i Kristy, tahaka izay ampianarin'ny Kristianina sasany amin'izao vanin'andro iainantsika izao. Ny hoe "Tomoera Amiko, ary Izaho aminareo" dia zavatra tena azo atao kokoa, ary tsy nomena anao ny fanasana rehefa hita fa tsy afaka hanatanteraka izany ianao. I Jesôsy Mpamorintsika dia mitarika anao mandrakariva amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina, miasa ao amin'ny sainao mba hitoeranao ao aminy... Ny fitahiana arotsany dia mifandray amin'ny asanao manokana. Moa holavina va i Kristy? Hoy ny teniny, "Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy." - Jao. 6:37. Amin'ny sehatra hafa dia izao no lazainy, "Kanefa tsy mety manatona Ahy hianareo hanananareo fiainana." - Jao. 5:40. (In Heavenly Places, t. 55).

Mila lehilahy sy vehivavy izay miara-mitondra amin'izy ireo isan'andro ny fahazavan'ny ohatr'Andriamanitra ny Tompo; lehilahy sy vehivavy izay maneho amin'ny alalan'ny teny sy ny asa fa mitoetra ao am-pon'izy ireo i Kristy, mampianatra, sy mitarika azy. Mila lehilahy sy vehivavy tia vavaka Izy, ka amin'ny alalan'ny fiadiany miaraka amin'Andriamanitra dia handresy ny ady amin'ny tenany izy, ary afaka handroso hizara amin'ny hafa izay azony avy amin'ilay Loharanon-kery. (To Be Like Jesus, t. 262).

"Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy." (Mat. 7:20), hoy ny fanambaran'ny Mpamony. Ireo tena mpanara-dia an'i Kristy dia mitondra ny voan'ny voninahiny. Ny fiainany dia manebo fa misy asa tsara nataeo teo amin'izy ireo tamin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra; ary ny voany dia mandroso ho amin'ny fahamasinana. Ny fiainany dia nasandratra sy madio. Ny asa tsara rehetra dia tsy ho diso velivelin'ny voan'ny tena fitiavam-bavaka, ary ireo izay tsy manana izany karazana voa izany dia manebo fa tsy mbola nanao fanandramana ny momba ny an'Andriamanitra izy. Tsy ao amin'ny tanim-boaloboka izy. Hoy i Jesôsy, "Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamaoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamaoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." - Jao. 15:4,5. (Counsels to Parents, Teachers, and Students, t. 329).

Tahaka ny sampana izay tsy maintsy miraikitra amin'ny tany mba hahazoany mivelona sy mamaoa, torak'izany koa ireo izay tia an'Andriamanitra sy mihazona ny Teniny dia tsy maintsy mitoetra ao amin'ny fitiavany. Raha tsy manana an'i Kristy isika tsy ho afaka ny handresy fahotarana na fakam-panahy faran'izay bitika aza. Maro ireo izay mila ny Fanahin'i Kristy sy ny Heriny hanazava ny fahalalany, tahaka an'i Bartomeo jamba izay naniry ny

hahiratan'ny masonry. “*Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko.*” Ireo rehetra izay ao amin’i Kristy marina dia hanao ny fanandraman’ny tombontsoa avy amin’izany firaisansa izany. Hanaiky azy ireo ho malalaný ny Ray, ary hiahy sy hikarakara azy ireo amimpitiavana. Ny vokatr’izany firaisansa amin’i Kristy izany dia fahadiovam-po, fahaizana mifehy tena ary fahamasinan-toetra. Ny voa avy amin’ny hazon’ny kristianina dia voan’ny “fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po.” (*Testimonies for the Church*, b. 4, t. 355).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Manao ahoana ny halalin’ny fanirianao ny hitoeran’i Kristy ao aminao ary ianao ho ao amin’i Kristy? Mangataha amin’Andriamanitra amin’ny fomba manokana mba hanomezany anao ny faniriana hitoetra ao Aminy.
2. Misy zavatra va mbola manakana ny Fanahy Masina tsy hanao ny fanovana ny fiainanao? Ento eto amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny vavaka ireo zavatra ireo ary apetraho eo Aminy.



Andro faharoa - Fitiavana

1 Jao. 4:7-21

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manatanteraka izay nampanantenaindy!

- **Mankalazà an'Andriamanitra noho ny fitiavany tsy misy fepetra.**

"Isika tia, satria Izy efa dia antsika taloha." - 1 Jao. 4:19

- **Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra anao ny fitiavana ireo izay very.**

"Aoka ny fitiavana ho amin'ny tsi-fihatsaram-belatsihy; mankahalà ny ratsy; mifikira amin'ny tsara. Misfankatiava araka ny fisfankatiavan'ny mpirahalahy; mitariha lalana amin'ny fianomezam-boninahitra." - Rôm. 12:9, 10

"Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra noho ny fahotantsika. Ry malala, raha izany no nitiavan'Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika." - 1 Jao. 4:10, 11

- **Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra anao ny fitiavana ireo fahavalonao sy ireo izay manenjika anao.**

"Aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza. Miomâna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra. Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra. Ry malala, aza mamaly ratsy, ja omeo lalana ny fahatezerana; fa voasoratra hoe: Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly, hoy Jehovah. Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetahetra izy, omeo hosotroiny; fa raha manao izany hianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany. Aza mety ho resin'ny ratsy hianao, fa reseo amin'ny soa ny ratsy." - Rôm. 12:17-21

"Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo." - Mat. 5:44

- **Mivavaha mba ho tanteraka ao amin'ny Fiangonany ny Fitiavan'Andriamanitra.**

"Ary aoka ho ambonin'izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin'ny fahatanerahana izany." - Kôl. 3:14

"Ary izao no angatahiko, dia ny mbola hitomboan'ny fitiavanareo bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra, mba hamantaranareo izay zavatra tsara indrindra, mba ho madio am-po ary tsy hanan-tsiny ho amin'ny andron'i Kristy hianareo, sady feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra." - Fil. 1:9-11

"Tsy mbola nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany." - 1 Jao. 4:12

- **Mivavaha mba hahatonga ny fiainanao sy ny fiangonanao haneho ny fitiavan'Andriamanitra amin'ireo manodidina anao.**

"Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana." - 1 Kôr. 16:14

"Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana." - 1 Kôr. 13:4-8

- Mivavaha ho an'ireo zavatra rehetra mety hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanehoany aminaor ireny zavatra mampisaraka anao Aminy ireny, ary apetraho eo Aminy izany.

"Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasarakta antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesôsy Tomontsika." - Rôm. 8:38, 39

- Mivavaha ho an'ny fifandraisian'ny fianakaviana advantista. Mivavaha ho an'ireo ankohonana izay miady na ireo mpivady an-dalam-pisarahanana. Moa mahafantatra fianakaviana toa izany va ianao? Ento amim-bavaka izy ireny.

"Ary mihoatra noho ny zavatra rehetra, misankatiava tsara; fa "ny fitiavana manarona fahotana maro." - 1 Pet. 4:8

"Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana." - 1 Kôr. 16:14

"Ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masina, izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika." - Rôm. 5:5

- Mivavaha ho an'ny firaisan'ny fiangonan'Andriamanitra.

"Ry malala, aoka hisankatia isika; fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra." - 1 Jao. 4:7

"Satria efa nodiovinareo ny fanahinareo tamin'ny fanarahana ny fahamarinana ho amin'ny fitiavan-drahalahy tsy miangatra dia misankatiava fatratra amin'ny fo; fa efa teraka indray hianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lô, fa tamin'ny tsy mety ho lô, dia ny tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra." - 1 Pet. 1:22, 23

- Mivavaha mba hohamafisina ny famakiana sy ny fianarana ny Baiboly amin'ny alalan'ny Velomin'ny Tening eo amin'ny tena manokana sy eo anivon'ny fiangonana.

"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoas koa ho fampianaranana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra." - 2 Tim. 3:16,17

"Ampahirato ny masoko, mba hahitako zava-mahagaga ao amin'ny lalanao." - Sal. 119:18

- Mivavaha mba hitombo ny fahatsapan'ireo mpitarika fiangonana sy ny mambra ary ho dodona izy ireo fa miaina amin'ny andro farany isika ary efa akaiky dia ho avy i Jesôsy.

"Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hhararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fainana izao." - Efes. 5:15,16

- Mivavaha ho an'izay filan'ny tenanao manokana na izay zavatra ao am-ponao.

"Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin'ny voninahitra ao amin'i Kristy Jesosy." - Fil. 4:19

- Asa eny anivon'ny tanan-dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziôna Eorô-Aziatika ary ho an'ireo tanan-dehibe iasan'izy ireo: Moscou, Russie; Kiev, Ukraine; Kishinev, Moldova; Donetsk, Ukraine; Kharkov, Ukraine; Minsk, Belarus; St. Petersburg, Russie; Novosibirsk, Russie; Krasnoyarsk, faritra atsinanan'i Russie; Khabarovsk, Russie; Rostov-on-Don, Caucasus; Tbilisi, Georgia; Yerevan, Armenie; sy Almaty, Kazakhstan. Mivavaha ho an'ireo ezaka fanatraranana ny any ivelany ary ho an'ireo prôgramam-pijinjana manokana isan-karazany izay hatao tsy ho eo any an-toerana.

“Ary na inona na inona no ataonareo, dia ataaovy amin’ny fo, tahaka ny ho an’ny Tompo, ftsy ho an’olona.” - Kôl. 3:23

- Mankalazà an’Andriamanitra noho ny zavatra rehetra, toe-javatra rehetra na noho ny olona izay ahafahanao mahita ny Fitiavany anao.

“Tany lavitra any no nisehoan’i Jehovah tamiko ka nanao hoe: fitiavana mandrakizay no nitiaivako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao.” - Jer. 31:3

“Izao no fitiavana: tsy ny nitiaavantsika an’Andriamanitra fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra’noho ny fahotantsika.” - 1 Jao. 4:10

- Mankalazà an’Andriamanitra noho ny valim-bavaka voarainao.

“Fantattro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao.” - Jôba 42:2

Amin’ny famaranana ny fotoam-bavaka, dia mety ho fanirianao ny hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa ao amin’ny lisitra eny am-pelatananao. Mivavaha mba haneken’izy ireo ny fitiavan’Andriamanitra ao am-pony ary hitiavan’izy ireo ny hafa amin’ny fitiavan’Andriamanitra. Takio ho azy ireo ny Teny Fikasan’ny 2 Tes. 3:5 *“Ary ny Tompo anie hanitsy lalana ny fonareo ho amin’ny fitiavana an’Andriamanitra sy ho amin’ny faharetan’i Kristy.”* Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia tianao loatra ny hitondra izany eo anivon’ny sarambabem-bahoaka, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namanao ary miaraha mivavaka momba izany.

Soso-kevitra ho amin’ny hira:

Hira fihirana Advantista: 40/11/114

Izay lazain’i Ellen White mahakasika ny fitiavana

“Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana”. - Gal. 5:22

Eto no mahazo vhana ny antony iasantsika. *“Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana.”* Raha manana ny fitiavan’i Kristy isika ao anatintsika, dia ho zava-misy ho azy ao anatintsika ny fahasoavaha hafa rehetra-fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po;, ary “tsy misy lalâna manohitra izany”. Ny lalân’Andriamanitra dia tsy manameloka ary tsy mamatotra ireo izay manana izany fahasoavaha izany, satria mankato izay takin’ny lalân’Andriamanitra izy ireo. Mpankatô ny lalâna izy... ary... tsy andevon’ny lalâna...

Ilaintsika ny fitiavana, ary misfamatotra amin’izany ny fifaliana, fiadanana, fahari-po. Hitantsika ny fihazakazahan’ity izao tontolo izao ity, tsy mety afa-po velively izy. Mitady ny zavatra izay tsy ananany izy. Mila zavatra hanaitaitra na hampifalifaly azy izy. Fa ho an’ny kristianina dia misy ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; ary ho an’ireo zavatra tiantsika ireo dia sitratsika ny hanokatra ny varavarana’ny fontsika, ho tia ny fahasoavan’ny lanitra dia ny Fanahy Masin’Andriamanitra... Tsy misy olona afaka hanao izany ho an’ny hafa. Mety hiasa sy handray ny fahasoavan’ny Fanahy Masina ianao, kanefa tsy afaka hamaly eo amin’ny toerako... Ny tsirairay avy no tsy maintsy manao ny asa ary manao izay handraisany ny fahasoavan’Andriamanitra ao am-pony. Tsy afaka hanamboatra izay ho toetranao aho na ianao hanao izany amiko. Enta-mavesatra tsy maintsy entin’ny tsirairay, tanora na antitra izany.

Hoy ny nolazan’i Kristy: *“Dia hataoko ho saro-tadiavina mihoatra noho ny volamena tsara ny olombelona, eny, noho ny tena volamena avy any Ofira aza.”* - Isa. 13:12. Amin’ny fomba ahoana? Amin’ny alalan’ny fikolokoana ny fahasoavan’ny Fanahy - fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, ary finoana. Tiantsika ny hanana finoana velona mba hahafahana mandray ny tana-maherin’i Jehôvah... Isika rehetra dia mila ny fahasoavan’ny Fanahin’Andriamanitra ao am-pontsika avokoa.

Rehefa voatahiry tsara ao am-po tahaka ny hanitra manim-pofona ny fitiavan'i Kristy dia tsy azo hafenina. Ny hery miasa mangina masina izay hita taratra amin'ny alalan'ny toetra dia hiseho eny amin'ny rehetra. Hisandratra ho amin'ny "fanantenan'ny voninahiny" i Kristy. (*In Heavenly Places*, t. 244).

Ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana. Avy amin'i Satana ny ady sy ny fifanolanana, ary ireo vokatry ny fahotana. Rehefa mandray ny fiadanana sy ny fifaliana dia tsy maintsy esorintsika ny fahotantsika; tsy maintsy mihavana amin'Andriamanitra isika, ary tsy maintsy mihavana amin'ny rehetra. Andeha hapetratsika amintsika ireto fanontaniana ireto: Moa va manana ny fahasoavan'ny fitiavana aho? Moa va nianatra ny hiaritra fijaliana sy ho tsara fanahy aho? Ireo talenta, fahalalana, ary ny fahaizana, raha tsy misy ny toetran'ny lanitra, dia tsy hisy lanjany fa tahaka ny varahina maneno na ny kipantsona mikarantsana. Indrisy anefa fa misy ireo izay milaza fa manamim-pinoana no tsy manome sy tsy mikatsaka akory izany harena izany! (*Testimonies for the Church*, b. 5, t. 169).

Na aiza na aiza misy fanahy miray amin'i Kristy, dia misy fitiavana. Na inona na inona toetra mety hananana, dia tsy misy vidiny izany raha tsy eo ny fitiavana. Tsy fitiavana malefaka na malemy fa fitiavana mitoetra ao am-pon'i Kristy. Raha tsy misy ny fitiavana, dia zavapoa avokoa ny zavatra rehetra, satria tsy afaka maneho an'i Kristy izany fitiavana izany. (*Signs of the Times*, Dec. 28, 1891, par. 18).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Moa va misy zavatra izay manafina anao amin'ny fitiavan'Andriamanitra ao am-ponao? Angataho Andriamanitra haneho aminao ireo zavatra ireo - dia apetraho eo Aminy izany.
2. Moa va misy olona tena saro-tiavina tokoa eo amin'ny fiaianao? Manokâna fotoana hangatahana amin'Andriamanitra mba hahafahanao mitia azy ireo, hanomezany ao amponao ny fitiavana azy ireny; hanomezany anao ny tombontsoa hahafahanao maneho fitiavana azy ireny.

Andro fahatelo - Fifaliana

Hab. 3:17-19 sy Isa. 12

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manataneraka izay nampanantenaindy!

- Mankalazà an'Andriamanitra satria fifaliana no voan'ny fahamarinana

"Ny fanantenan'ny marina dia fifaliana." - Ohab. 10:28

- Mankalazà an'Andriamanitra satria ny fifaliana dia hita eo anatrehany sy amin'ny alalan'ny fanarahana Azy.

"Hampahafantatra ahy ny lalan'aina Hianao; fa havokisam-pifaliana no eo anatrehano, ary fahafinaretana no eo an-tananao an-kavanana mandrakizay." - Sal. 16:11

- Mankalazà an'Andriamanitra satria mbola afaka ny ho faly isika ao anatin'ny fahalementsika, satria ny herin'i Kristy no ao amintsika.

"Nefa hoy Izy tamiko; Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko." - 2 Kôr. 12:9

- Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra fifaliana ao anatin'ny fonao.

"Ary Andriamaniry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina." - Rôm. 15:13

"Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra." - 1Tes. 5:16-18

- Mivavaha ho an'ny olona iray izay mila an'Andriamanitra ao am-pony.

"Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia!" - Fil. 4:4

"Koa aza malahelo ianareo, fa ny fifaliana avy amin'i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo." - Neh. 8:10b

- Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra anao fifaliana ao anaty fijaliana. Raha misy zavatra miseho eo aminao dia ento eo amin'ny Seza Fiandrianany izany.

"Fa araka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy, dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin'ny fisehoan'ny voninahiny koa." - 1 Pet. 4:13

"Amin'ny hariva dia misy fitomaniana tonga hivahiny miloaka alina; fa nony maraina kosa dia misy fihobiana." - Sal. 30:5b

- **Mivavaha ho an'ireo izay henjehina, ary angataho Andriamanitra hanome azy ireny fifaliana ao am-pony.**

"Mandeha mitomany mitondra ny voa afafiny izy, fa hiverina mitondra ny amboarany amin'ny fihobiana kosa." - Sal. 126:6

"Dia hifaly izay rehetra mialoka aminao, hihoby mandrakariva izy, koa miarova azy Hianao; ka dia ho ravoravo aminao izay tia ny anaranao. Fa Hianao, Jehovah ô, mitahy ny marina; fankasitrahana no ataonao manodidina azy toy ny ampinga lehibe." - Sal. 5:11, 12

"Mifalia amin'ny fanantenana; miareta amin'ny fahorianana; mahareta amin'ny fivavahana." - Rôm. 12:12

- **Mivavaha ho an'ny tanoran'ny fiangonanantsika mba hahitan'izy ireo fifaliana amin'ny fanarahana an'i Kristy. Tonony mafy ao anatin'ny vavaka ny anaran'ny tanoran'ny fiangonanao.**

"Ataovy ho reharehanareo ny anarany masina; aoka hifaly ny fon'izay mitady an'i Jehovah." - Sal. 105:3

"Aoka hifaly sy ho ravoravo aminao izay rehetra mitady Anao; ary aoka izay tia ny famonjenao hanao mandrakariva hoe: hankalazaina anie Andriamanitra." - Sal. 70:4

- **Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra fo madio, feno fankasitrahana ary mba hanekena tanteraka ny soratry ny Fanahin'ny Faminaniana izay tena sahaza izao vanin'andro iainantsika izao tokoa. Mivavaha mba hananan'ny mpitarika fiangonana sy ireo mambra faharetana sy fahazotoana amin'ny famakiana izany fitaovana izany**

"Aoka tsy hiala amin'ny vavaao ity bokin'ny lalana ity, fa saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina." - Jos. 1:8

- **Mivavaha mba hitombo hatrany ny fanamafisana ireo foto-pinoana mahakasika ny famoronana ara-Baiboly - fa ity tanintsika ity dia noforonana ara-bakiteny tao anatin'ny enina andro, araka ny fanambaran'ny tenin'ny Tompo.**

"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita. Fa izany no nahatsara laza ny ntaolo. Finoana no ahafantarantsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana izao tontolo izao, ka dia tsy izay zavatra miseho no nanaovana izao zavatra hita izao." - Heb. 11:1-3

- **Asa eny anivon'ny Tanàn-dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Eorôpa Afovoany sy ireo tanàn-dehibe nosafidian'izy ireo hanatanterahana ny asa: Genève, Suisse; Prague, République Tchèque, Vienne, Autriche. Manandrata koa vavaka ho an'ny faritra tapany atsinanana sy avaratry ny Fivondronambe Afrika Avaratra ary ireo tanàn-dehibe miisa 43 izay kasain'izy ireo hidirana ao mandritra inyefa-taona na dimy taona ho avy iny. Mivavaha ho an'ny mambran'ny Fiangonana sy ireo mpitarika miasa eny anivon'ireny tanàn-dehibe ireny.**

"Fa manamasina an i'Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefy amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajara." - 1 Pet. 3:15

- **Mivavaha ho an'ny filànao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.**

"Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany." - Mat. 6:33

- Mankalazà an'Andriamanitra satria manana valiny ho an'ny vavaka nasandratrao Izy.

“Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho.” - Isa. 65:24

Amin’ny fiafaran’ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hiara-mivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa amin’ny lisitra izay eny am-pela-tananao. Mivavaha mba hananan’izy ireo fifaliana ao ampo. Takio ho azy ireo ny Sal. 40:16: “Aoka ho faly sy ho ravoravo aminao izay rehetra mitady Anao; aoka izay rehetra tia ny famonjenao hanao mandrakariva hoe: hankalazaina anie Jehovah.” - Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin’ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha-mivavaka mahakasika izany.

Soso-kevitra ho amin’ny hira:

Hira fihiranava advantista: 365/421/424

Izay lazain’i Ellen White mahakasika ny fifaliana

“Fa ny vokatry ny Fanahy dia... fifaliana.” - Gal. 5:22

Ireo izay mitoetra ao amin’i Jesôsy dia hahatsapa fifaliana, sy fahasambarana feno ao amin’Andriamanitra. Hisy fahalemem-panahy voatokana hanamarika ny feony, hisy fanehoana fajana ny zavatra ara-panahy sy mandrakizay hiseho amin’ny alalan’ny asa, ary feon-kira feno hafaliana no hanako eny amin’ny molotra satria tonga hatreny amin’ny Seza Fiandrianan’Andriamanitra izany. (*Testimonies for the Church*, vol. 4, t. 625).

Ny fifalian’i Kristy dia fifaliana madio, tsy misy pentina. Tsy mba haravoana mora vidy, izay mitarika amin’ny fitenitenenam-poana na fahamaizinan’ny fitondran-tena. Tsia, tokony hanana ny fifaliany isika, ary ny tena fifaliany dia ny mahita ny lehilahy sy vehivavy mankato ny fahamarinana. Mifampiresaha amin’Andriamanitra manao hoe “Apetrako Aminao manontolo, atolotro Anao ny tenako.” Dia aoka ho faly. Ao aminao ny teny, manadio ny toetranao. Tsy tian’Andriamanitra hisoritra eny amin’ny endriky ny zanany ny tahotra sy ny tebiteby. Tiani hiseho eny amintsika tsirairay avy mpiara-mandova an’Andriamanitra ny fahafenoana; satria ananantsika ny hery entina mandositra ny fahalovan’ny tany... Tsy navela ho irery sy kamboty isika satria maty i Kristy... Azontsika atao mandrakariva ny mandresy, sy ho anisan’ireo vahoaka sambatra eto amin’ity tany ity. (*Our High Calling*, t. 148).

Nahoana no tsy ho feno ny fifalantsika – feno, tsy mijaly na amin’inona na amin’inona? Ananantsika ny fahatokiana fa i Jesôsy no Mpamony antsika, ary izany dia ahafahantsika miara-mandova ny tahiry tsy manam-pahataperana izay efa nomaniny ho antsika. Azontsika atao ny matoky Azy, satria fantatsika fa hanome antsika ny fahasoavana sy ny hery izay nomeny antsika. Nomeny antsika ny toky fa hotanterahany izay rehetra nampanantenainy. Tombontsoa ho antsika ny mikatsaka mandrakariva ny fifaliana sy ny fanatrehany. Tiani hisoritra eny amintsika mandrakariva ny hafaliana ary tiani koa raha feno fankalazana Azy mandrakariva isika. Tiani ny hitondrantsika ny fahazavan’ny fahafenoana sy ny fifaliana ao am-pontsika. Manana fanantenana isika - izany dia ambony lavitra noho ny fifaliana izay azon’ny tany omena antsika. Koa nahoana no tsy ho faly isika? (*Signs of the Times*, Aug. 11, 1909, par. 4).

Andeha isika hiezaka hampianatra ny mpino hifaly ao amin’ny Tompo. Ny fifaliana arapanahy dia vokatry ny finoana miasa. Ny vahoakan’Andriamanitra dia tokony hanana finoana betska sy ho fenon’ny Fanahy Masina. Dia homem-boninahitra ao anatin’izy ireo Izy. (*Bible Training School*, April 1, 1905, par. 2).

Tsy izay manodidina antsika, fa izay ao anatitsika; tsy izay ananantsika, fa izay maha-isika antsika... izay no tena mahatonga antsika ho faly. Tiantsika hiredareda mahafinaritra ny alitaran'ny fontsika. Noho izany dia tsy maintsy mijery ny zavatra rehetra amim-pifaliana sy amin-karavoana isika. Azontsika atao ny mandray ny fiadanana'i Kristy... Rehefa mankato, mahatoky tanteraka an'Andriamanitra tahaka ny fahatsoran'ny fahatokian'ny zaza ny ray aman-dreniny eto an-tany isika dia tsy maintsy banana fiadanana – tsy fiadanana tahaka ny fanomen'izao tontolo izao izany, fa fiadanana izay omen'i Jesôsy... Hazava kokoa ity tany ity raha hangonintsika ny voninkazo ka avelantsika amin'izao ny tsilo sy ny songsosongo. (*In Heavenly Places*, t. 245).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Moa va kristianina feno hafaliana mandrakariva ianao? Raha tsy izany, inona no tsy mahafeno ny hafalianao? Manokâna fotoana hitondrana ireny zavatra ireny eo amin'Andriamanitra. Takio ireo Teny Fikasany hanome anao fifaliana. Angataho izy hanome anao ny fifalian'ny fo.
2. Mieritrereta zavatra vitsivitsy izay azonao atao hanananao fifaliana mandrakariva. Manaova drafitra ary angataho Andriamanitra hanampy anao hanatanteraka izany amin'ny fiaimanao.



**Andro fahefatra – TORITENY SABATA 10 JANOARY 2015
FIADANANA HO AN'NY FO MALAHELO
Jao. 14: 1- 6,27**

FAMPIDIRANA

Lazaina fa liana amin'ny fihazakazahan'ny fandrosoana eto amin'ity tontolo ity izay mandeha amin'ny hafangainam-pandeha mafy dia mafy tokoa ny olombelona. Ireny fandrosoana ireny anefa dia manana ny voka-dratsy izay entiny ihany koa. Ny rarin-tsaina, teny izay tsy mbola fantatra taona maromaro talohan'izao, no lasa manjaka amin'ny fainantsika rehetra amin'izao fotoana izao.

Ny fifamonoana toy ny biby, ny krizy ara-pôlitika, ireo aretina hafahafa, no matoam-baovaon'ireo gazety mpiseho andavanandro! Amin'izao ora izay anoratako ity toriteny ity izao, dia misy «Ramosé» fanta-daza iray, tsy miala eo am-bavan'ny maro ny momba azy, ary mampivarahontsana, eny, na dia ireo any an-tany lavitra any aza – tsy iza izany fa i Ramosé EBOLA! Valan'aretina mahafaty, mampihorin-koditra izao tontolo izao ary mandripaka fianakaviana sy firenena maro – manankarena na mahantre!

Manoloana toe-javatra toy izany, dia mila ho kivy sy hiraviravy tânana ny olona. Voatohintohina ny fiadanam-pony, kanefa mbola amina bomfomba vao mainka hitarika fahasimbana ho azy ihany no hironany entiny hanadinoana ny zava-misy iainany – ny ifafarany dia tsy misy lalana hahafahana mivoaka intsony.

«Aza atao mahakivy anao ka hahatonga anao hamoy ny fiadanam-ponao ny fijaliana, ny tsy fahombiazana, ny tsimokaretina ary ny aretina (...)» - izany no fomba fiteny mahazatra!

Azo eritreretina ve izany sa honohono entina manakivy ny olona fotsiny ihany? Amin'ny fomba ahoana no hahatongavana amin'izany?

Ny andalan-teny ao amin'ny Jao. 14:1-6,27... dia toy ny valolampy ao amin'ny Tenir'ny Soratra Masina, maneho fa tena azo eritreretina tokoa izany – i Jesôsy rahateo dia nanamafy izany 2000 taona lasa izay! Raha mangorohoro noho ny anton- javatra iray, na amin'olona iray ny fonao, dia mampahatsiay anao Andriamanitra anio fa te hanome fiadanana ho anao Izy ary izany no votoatin'ny fanadihadiana ataontsika amin'ity andalan-teny mahafinaritra loatra ity anio.

I. « NY FIADANANA »

Mialoha ny hidirana amin'ny andalan-tenin'i Jaona, dia andeha hohadiantsika fohy dia fohy ny momba ny lohahevitra entina anio, mahakasika ny fisehon'ny vokatry ny Fanahy – dia ny fiadanana.

Ny teny hoe «fiadanana» dia mitana anjara toerana lehibe tokoa amin'ny fisehon'ny vokatry ny Fanahy ary ny niavian'ny teny dia ahafahantsika mahazo amin'ny fomba lalindalina kokoa ny momba ny hevitra fonosiny.

Ity teny ity dia nalaina avy amin'ny teny grika manao hoe «eirene», izay midika hoe «fahatoniana ananan'ny fanahy, satria ny famonjena dia efa noraisin'i Kristy an-tânana, ary tsy manahy ny amin'ny ho aviny eto amin'ity tany ity, na manao ahoana na manao ahoana izany...»

Indrisy anefa, amin'ny maha-olombelona antsika dia manana firehana ho kivy manoloana ny zavatra hitantsika isika – izany anefa dia manana fiantraikany amin'ny finoana sy ny fiadanantsika indrindra indrindra.

Indroa no namerina izany i Jesôsy ao amin'ny bokin'i Jao. 14:1,27: «*Aza malahelo ny fonareo (...) ary mbola ampiany ao amin'ny andininy 27 manao hoe Ny fiadanako no omeko anareo (eirene)...». Mbola izany dikanteny grika (eirene) izany ihany no ampiasain'i Paoly ao amin'ny Gal. 5:22.*

Inona no nahatonga azy hiteny izany? Ahoana no mety hahazoantsika ity andalan-teny ity ary hahatonga izany ho zava-misy eo amin'ny fiainantsika isan'andro?

II. MISY TAHOTRA TSY MAINTSY ANDOSIRANA

Nahoana i Jesôsy no nanonona izany tany fampaherezana manokana izany? Mba hahafahantsika mahazo izany dia tsy maintsy miverina eo amin'ny toko faha-13 isika. Vao avy nankalaza ny Paska i Jesôsy sy ireo mpianany. Niara-nankafy ny sakafonaroso izy ireo. Vita izany dia nandray lamba famaohana izy ary nanasa ny tongotry ny mpianany. Taorian'izany, dia tamim-pahatairana mafy no nandraisan'ireo mpianatra ny fanambarany fa ny iray amin'reto farany no hamadika Azy (andininy 21-30). Nanambara ihany koa Izy fa tsy maintsy handeha (andininy 31-33). Nampivarahontsana ireo mpianatra ny nandre fa handà Azy koa i Petera (andininy 36-38). Azo antoka fa nahavaky fo azy ireo ny Tenin'ny Tompo ary nanozongozona ny fahatokiana teo aminy, nahatonga faharavana teo amin'izy ireo. Izany no antony nanomezana antsika ireo teny sarobidy voarakitra ao amin'ny toko 14.

Ilaitsika ny mahatsiaro ity andalan-teny manokana ity rehefa mandalo olana isika: tsy maintsy mandalo fizahan-toetra sy alahelo lalina/fijaliana ny zanak'Andriamanitra. Ny Jao. 16:33 dia milaza amintsika fa «tsy maintsy» handalo fahoriana isika. Ny Jôba 14:1 sy 5:7 dia mampahatsiayh antsika fa ny fizahan-toetra dia tsy maintsy lalana lalovan'ny olombelona: tsy maintsy hisy ny andro mampahory.

Kanefa, eny anivon'ny olana, dia azontsika atao ny manana fiadanana. Misy antso alefa amintsika dia ny mba hirotsahantsika, hijoroantsika ao anatin'ny andro sarotra amin'ny fiainana. Tsy nantsoina hitomoe-potsiny isika, ao anatin'ny fotoan-tsarotra. Amin'ny fotoantsarotra, dia manana azo iantorahana isika – Fil. 4:6-7; Mat. 11:28; 1 Pet. 5:7; Sal. 55:22; 2 Tim. 1:7. Ny planina tsara indrindra ahafahana miala amin'ny tahotra dia ny mihazakazaka miantoraka eo amin'ny tana-mahavonjin'i Jesôsy. Tsy hahatsapa fiadanana velively ianao raha tsy eny an-tsandriny.

Raha mandroso amim-tahotra ianao, dia ho avy hanimba ny fiainanao ny ahiahy. Koa ento eo amin'i Jesôsy ary ny tahotrao fa Izy hanome anao fiadanana ho solon'ny tahotra.

III. FINOANA TSY MAINTSY RAISINA – Jao. 14:1

Ny teny hoe “mino” dia teny manova ny fomba fijery ny fiainana ary litera efatra no mandrafitra izany teny izany – MINO! Teny anisan’izay fohy, kanefa tena mahomby tokoa.

Ny teny hoe «Mino» dia midika hoe «heverina ho marina, resy lahatra ny amin'ny...; mahatoky ny...» Ara-bakiteny, ity teny ity dia midika hoe “Maneho fahatokiana olona na zavatra.”

Manohana sy Mamony ny finoana!

«*Minoa an'Andriamanitra hianareo...*», ny finoana izay mahatonga anao hamakivaky ireo lohasaha. Mino fa misy Andriamanitra ary mifehy tanteraka ny zavatra rehetra Izy – Heb. 11:6

Raha ny mahakasika an'Andriamanitra dia azontsika atao ny mino:

- a. Ny Teny Fikasany: Rôm. 4:21; 8:28
- b. Ny Heriny: Efes. 3:20; Jôba 42:2
- d. Ny drafiny: Sal. 37:23; Jer. 29:11

Raha azonao atao mandrakariva ny mahatoky tanteraka an'Andriamanitra, manontolo, dia anananao ny fitaovana ahafahanao mamaha ny fatotry ny tahotra eo amin'ny fiainanao! Raha vantany vao tonga amin'ny toerana, izay – efa fantatrao fa – anatanterahan'Andriamanitra izay nampanantenainy ianao ary apetrakao tanteraka Aminy

ny fiainanao mba hahafahanao manatona Azy sy manao ny sitrapony, dia ho olona afaka ianao! Ry rahalahy sy anabavy, azonao atao ny matoky ny Tompo.

«*Minoa Ahy koa...*» - Tsy ampy ny mino fa misy Andriamanitra. Moa va na ny devoly aza tsy mino izany koa? Kanefa tsy voavonjy izy - Jak. 2:19. Ilaina ity finoana mahavonjy ity, izany hoe, finoana mififikitra amin'ny hafatry ny filazantsara ary mino izany. - 1 Kôr. 15:3, 4.

Ny filazantsara dia mirakitra hafatra tsotra, kanefa tsy manatsotsotra resaka! Hafatra milaza ny fahafatesana, ny fandevenana ary ny fitsanganan'ny Tompo Jesôsy Kristy tamin'ny maty. Amin'ny teny hafa, dia hafatra momba ny fandresen'i Jesôsy ny fahotana tambin'ny ota. Ary izany fandresen izany dia omena izay mino sy manaiky an'i Jesôsy ho Mpamponjiny.

Kanefa tsy tokony hihanova amin'ny finoana fotsiny ihany fa tena zava-misy ara-tantara marina ireny! Raiso amim-pinoana izany ary aoka ho voavonjy amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra - Jao. 14:6; Mar. 16:16. Raiso amim-pinoana i Jesôsy ary apetraho eo amin'ny tana-maheriny ny hoavinao.

«*Misy fiadanana ao amin'ny finoana, ary fisaliana ao amin'ny Fanahy Masina. Ny finoana dia mitondra fiadanana ary ny fahatokiana an'Andriamanitra dia mitondra fisaliana! Minoa! Minoa! Hoy ny hiakan'ny fanahiko. Mitoera ao amin'Andriamanitra. Azony atao ny mitahiry izay napetrakao Taminy. Ataony mihoatra noho ny mpandresy ianao amin'ny alalan'lay efa tia anao.*» (The Faith I Live By, t. 121)

Ny tsirairay no asaina handray ity finoana manampy antsika hitahiry izany fiadanana - eirene - izany na dia eo aza ireo zava-misy amin'ny fiainana!

IV. HOAVY TSY MAINTSY ERITRERETINA

Tena zava-dehibe tokoa ity fiadanana ity satria manampy antsika hisaintsaina hoavy izay mihoatra ny azon'ny olona ety ambanin'ny masoandro antenaina. Manana teboka roa lehibe izany hoavy izany:

Misy toerana sarobidy ao anatiny - «Misy toerana maro amin'ny tranon'ny Raiko»

Tsy tokony hohadinoitsika fa tsy mbola any amin'ny tena fonenantsika isika. Na dia eo aza ny fitsapana sy ny fahoriania izay tsy misaraka amintsika eto an-tany, dia tsy mba hanaraka antsika any amin'izay hitondrana antsika ireny. Mankalazà an'Andriamanitra satria mandalo ihany ireo enta-mavesatry ny fiainana - 1 Pet.1:6.

Ry Kristianina malala, «mpivahiny sy mandalovihany isika eto amin'ity tanim-pahavalo ity - ho tsara lavitra noho izao ny miandry antsika any amin'ilay fonenantsika. Moa tokoa va tsy mbola ho avy ny tsara indrindra? - Fil. 1:21-23.

Misy Teny Fikasana manan-kery ao anatiny - « Ho avy indray Aho ».

Isan'andro, izaho sy ianao, dia miara-miaina amin'ny iray amin'ireo Teny Fikasanaho mpanohana antsika. Izany dia tsy mbola fantatr'ity izao tontolo izao ity hatrizay hatrizay. Ananantsika ny Teny Fikasan'ny Mpamponjy antsika, fa indray andro any dia tsy maintsy hiverina Izy handray ny vahoakany ho any Aminy. - Jao. 14:3; 1 Tes. 4:16-17.

Koa noho izany, dia manasa antsika i Jesôsy tsy hamela ny fontsika hihorohoro fa hanana ny fiadanana ao Aminy. Izany karazana fiadanana izany dia avy amin'ny finoana izay mampiray antsika Aminy.

«*Ny hany lalan-tokana ahazoana fiadanana sy fifaliana dia ny fananana firaisana velona Aminy, Izy izay nanome ny Ainy ho antsika, Izy ilay maty ho antsika, ary velona mba hampiray ny Heriny amin'ny ezaka ataon'ireo izay miady mba ahazoana fandresena.*» (In Heavenly Places, t. 33).

FAMINTINANA

Ry rahalahy sy anabavy malala, izao maraina izao dia mampahatsiayh antsika ny momba izany endrin-javatra manan-danja izany ny Baiboly.

Ireto fanontaniana manaraka ireto dia mampahery ny tsirairay avy amintsika hanao jery todika, fanadihadiana lalina ny momba ny tenantsika manoloana ny antso alefa amintsika mba hiaina izany fiadanana izay maneho ny vokatry ny Fanahy izany:

1. Inona no zavatra mampatahotra anao amin'izao fotoana izao? Raha manatona Azy ianao, dia azon'ny Tompo atao ary hosoloiny fiadanana tsy hay sandaina ny tahotra ao anatinao!
2. Tsy manana fiadanam-po va ianao ao am-ponao? Inona no manakana ny fiadanana tsy ho tafatoetra ao anatinao? Manokâna fotoana hivavahana, apetraho eo amin'Andriamanitra ireo zavatra ireo ary takio ny Teny Fikasany.
3. Moa va raisinao amin'ny Teniny Andriamanitra? Moa va manome fiadanana anao ao anatin'ny toe-javatra sarotra ireo Teny Fikasany?

« Tsy misy teny afaka mamaritra ny fiadanana sy ny fifaliana ananan'izay mandray an'Andriamanitra amin'ny teniny. Tsy hanakorontana azy ny fitsapana, tsy hanohintohina azy ny teny fanimbazimbandana. Vodahombo ny IZAHO. Ary isan'andro isan'andro dia hihasarotra ny adidiny, hihamafy ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahazo azy, kanefa tsy hangozohozo izy, satria mandray hery mitovy amin'izay hery ilainy. (My Life Today, t. 51). »

4. Afaka mijery ambonin'ny fitsapâna va ianao ka mahita ny vavahadin'ny trano? Mangataha mba hanomezan'Andriamanitra anao ny fiadanany rehefa miharitra fitsapâna ianao.

Raha nitondra anao eto an-tany ny enta-mavesatry ny fiainana, manasa anao aho anio hanatona ny Tompo ao anatin'izao folo andro andinihantsika ny lohahevitra manao hoe "MIAINA NY VOKATRY NY FANAHY" izao. Aoka Izy mihitsy no hitarika ny fijerinao ny any ankoatra ity tany ity.

Eo Aminy no misy fanampiana sy fanantenana! Hahita sy hitahiry ny fiadananao mandrakizay ianao.

« Aza malahelo ny fonaoreo (...) Ny fiadanako no avelako ho anareo, ny fiadanako ny omeko anareo. »

Hiaraka hivavaka isika.

*Pasitora Wesley Orieux
Ministeran'ny Vavaka - IOUC*

Andro fahefatra - Fiadanana
Jao. 14:25-31 sy Mat. 6:25-34

Toromarika ho amin'ny antom-bavaka

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manataneraka izay nampanantenainy!

- Ankalazao Andriamanitra satria mahita fiadanana isika amin'ny fankatoavana ny lalàny.

“Be fiadanana izay tia ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy.” - Sal. 119:165

- Ankalazao Andriamanitra satria njaly ho antsika Izy mba hananantsika fiadanana.

“Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika.” - Isa. 53:5

“Fa Kristy koa aza efa njaly indray mandeha noho ny ota, ny Marina hamony ny tsy marina, mba hitondra antsika ho amin'Andriamanitra, ka novonoina tamin'ny nofo, fa novelomina tamin'ny fanahy.” - 1 Pet. 3:18

- Angataho Andriamanitra mba hanome anao ny fiadanany izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra.

“Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanana'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitareo ao amin'i Kristy Jesosy.” - Fil. 4:6, 7

“Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.” - Jao. 14:27

- Mivavaha mba hampianaran'Andriamanitra anao ny mitoetra ao Aminy sy ao amin'ny fiadanany.

“Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy.” - Isa. 26:3

“Ary Andriamaniry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina.” - Rôm. 15:13

- Mivavaha mba hampianaran'Andriamanitra anao ny fomba ahafahana mahita fiadanana Aminy sy amin'ny olona hafa.

“Miezaha mitady fihavanana amin'ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay. tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo.” - Heb. 12:14

“Ary ny vokatry ny fahamarinana dia afafy amin'ny fihavanana ho an'izay mampandroso ny fihavanana.” - Jak. 3:18

“Sambatra ny mpampihavana; fa izy no hatao hoe zanak'Andriamanitra.” - Mat. 5:9

- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hampianarany anao ny fomba hahafahanao mamele Azy hiady ho anao sy hanomezany anao ny fiadanany amin'ny fotoan-tsarotra rehetra.

"Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina." - Eks. 14:14

"Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako." - Mat.11:28-30

- Moa va mahafantatra olona mila ny fiadanany'Andriamanitra ao am-pony ianao? Mivavaho ho azy ireny.

"Fa na dia hifindra aza ny tendrombohitra ary na dia hihetsika aza ny havoana, tsy mba hiala aminao ny famindram-poko, ary tsy hitsoaka ny faneken'ny fihavanako, hoy Jehovah, Mpamindra fo aminao." - Isa. 54:10

"Dia, indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy, eny, hositraniko izy, ary hasehoko amiry ny haren'ny fiadanana sy ny fahamarinana." - Jer. 33:6

- Moa va mahafantatra olona mandalo ady mafy ianao? Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra fiadanana ho azy ireny.

"Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahilanareo fahoriania; nefas matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao." - Jao. 16:33

"Dia hoy Izy: ny Tavako no handeha, dia hanome anao fitsaharana Aho." - Eks. 33:14

- Mivavaha ho an'ireo izay miady ho an'i Kristy. Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra ao am-pon'izy ireo ny fiadanana. Raha mahafanatra olona manokana mandalo izany ianao dia mivavaha ho azy ireny.

"Ny asan'ny fahamarinana ho fiadanana; Ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy sahatokiana mandrakizay." - Isa. 32:17

"Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamin'ny alalang koa no efa nhazoantsika fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoerantsika izao, ka dia aoka isika hifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra." - Rôm. 5:1,2

- Mahafantatra olona mila manana fiadanana amin'Andriamanitra sy amin'ny amin'ny hafa va ianao? Mivavaha ho azy ireny.

"Fa Andriamaniry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Fa Andriamaniry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena." - Rôm. 16:20

"Mihavâna tsara." - 1 Tes. 5:13b

- Mivavaha mba hiarovan'Andriamanitra ny tanora amin'ny firohotry ny hery miasa mangina eto amin'ity izao tontolo izao ity. Mivavaha mba hifantohan'izy ireo amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanompoana ny hafa. Tonony ao anatin'ny vavaka ataonao ny anaran'ireo tanora fantatra fa mila ny fierovan'Andriamanitra.

"Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana." - 1 Tim. 4:12

- Asa eny anivon'ny tanân-dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Afovoany sy ireo tanân-dehibe izay kasainy hobaboina ho an'i Kristy: tanân-dehibe ao Mexique, Mexique, Caracas, Venezuela, Bogata, Colombie, Nassau, Bahamas; tanân-dehibe ao Belize, Belize; Georgetown, Guyane; Cali, Colombie; Cayenne, Guyane Française; tanân-dehibe ao Guatémala, Guatémala; Quetzaltenango; Port- au- Prince, Haïti; Tegucigalpa, Honduras; Mérida, Mexico; Porto Rico Puerto Rico (ny nosy manontolo); Santiago de los Caballeros, République Dominicaine; Dominican Republic; and Maracaibo, Venezuela. Mivavaha mba hahafahan'ny mambra mampivelatra ireo paik'ady entina manatratra ireo tanân-dehibe ireo.

“Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin’Andriamanitra, izay manome malalaka ho an’ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.” - Jak. 1:5

- Mivavaha ho an’izay antom-bavaka manokana na zavatra hafa ao am- ponao.

“Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha. Indro, Izaho efa hanao zava-baovao, koa ankehitriny dia efa miosaka izany tsy hahalala izany va hianareo? eny, any an-efitra no hanovaoko latana ary any amin’ny tany sao no hasiako ony.” - Isa. 43:18,19

- Mankalazà an’Andriamanitra satria henony ny vavakao ary izay hataony dia hohoatra lavitra izay angatahao sy eritreretinao.

“Ary ho an’izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahantsika na neverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin’ny fiangonana sy ao amin’i Kristy Jesosy hatramin’ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena.” - Efes. 3:20, 21

Amin’ny fiafarano’ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hiara- mivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa amin’ny lisitra izay eny am-pelatananao. Mivavaha mba hahatonga azy ireny hikatsaka ny fiadanan’Andriamanitra ao am-pony. Takio ho azy ireo ny 1 Pet.3:11 *“Ary aoka izy hiala amin’ny ratsy ka hanao soa; aoka izy hitady fiavanana sy hanaraka azy.”* Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin’ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namana mpiara- mivavaka aminao ary miaraha- mivavaka mahakasika izany.

Soso- kevitra ho amin’ny hira:

Hira fihirana advantista: 657/138

Izay lazain’i Ellen White mahakasika fiadanana

“Fa ny vokatry ny fanahy dia (...) fiadanana” - Gal. 5:22

Efa ela Andriamanitra no tapa-kevitra fa izay fanahy manaiky ny Teniny dia handray ny fifaliany, ny heriny tsy manam-petra. Ny lehilahy sy vehivavy toy izany dia entina eo Aminy mandrakariva. Tsy hoe rehefa mandohalika mivavaka Aminy ihany, fa rehefa mirotsaka antsehatra feno amin’ny adidiny eo amin’ny fiafianana izy. Nanomanana toerana fianlan-tsasatra ho azy ireo miaraka Aminy Izy, rehefa voadio amin’ny fahavetavetana sy ireo toetra tsy maha-te ho tia. Amin’ny alalan’ny firaiana tsy azon’iza na iza ravana Aminy dia natao ho mpiara-miasa amin’ny raharahany andavanandro izy. (*My Life Today*, t. 51).

Misy ireo izay tsy manam-piadanana; tsy mahita fitoniana; toa hendratrendratra mandrakariva, ka ny fientanentanana sy ny filan’ny nofo no mibaiko ny fony. Tsy mba fantatr’izy ireo ny hevity ny manandrana fiadanana ao amin’i Kristy. Toy ny sambo tsy manana fiantsonana izy ireo, entin’ny rivotra sy ny alon-drano. Kanefa ireo izay manaiky ny fitarihan’ny Fanahy Masina dia mandeha amim-panefren-tena, amim-pahalempanahy; satria mandeha amin’ny lalan’ny Kristy izy, koa dia hitoetra amin’ny fiadanana feno; fa ireo izay tsy manaiky fehezin’ny Fanahy Masina kosa dia toy ny ranomasina manonja. (*Ye Shall Receive Power*, t. 73).

Misy ireo izay mikatsaka, mikatsaka mandrakariva ny perla tsara indrindra, kanefa tsy mety hiala amin’ny fahazaran-dratsiny. Tsy mety mamono ny izahony mba hahafahan’i Kristy miaina ao anatiny. Vokatrizany dia tsy mety mahita ilay perla sarobidy izy... Tsy mety ho fantatr’izy ireo velively ny atao hoe manam-piadanana sy filaminana anaty, satria raha tsy misy ny fileferan’ny izaho tanteraka dia tsy hisy velively ny fiadanana sy fifaliana. Ny ankamaroan’ny kristianina dia toa efa akaikin’ny fanjakan’Andriamanitra, kanefa tsy afaka ny hiditra ao. Ny hoe “saika” fa tsy voavonjy tanteraka dia midika hoe “saika” fa very tanteraka... (*In Heavenly Places*, t. 49).

Ny hany lalana hahazoana fiadanana sy fifaliana dia amin’ny alalan’ny fananana fifandraisana velona miaraka Aminy – Izy izay nanome ny ainy ho antsika, maty mba

hahazoantsika fiainana, velona mba hampiray ny Heriny amin'ny ezak'ireo izay miady mafy mba handresy. (*In Heavenly Places*, t. 33).

Tsy misy teny afaka maneho ny fiadanana sy ny fifaliana ananan'izay mandray an'Andriamanitra amin'ny Teniny. Tsy hampaninona azy ny fitsapana, tsy hampahamenatra azy ny fahalemeny. Voahombo ny "izaho". Isan'andro, isan'andro dia hihamavesatra ny adidiny, hitombo ny fakam-panahy mahazo azy, hihamafy ny fitsapana andalovany, kanefa tsy hampihozongozona azy izany satria efa nandray ny hery mifanaraka amin'izay ilainy izy. (*My Life Today*, t. 51).

Misy fiadanana ao amin'ny fahatokiana, ary fifaliana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Ny finoana dia mitondra fiadanana, ary ny fahatokiana an'Andriamanitra dia mitondra fifaliana. Matokia! Matokia! Matokia hoy ny fanahiko. Mitomoera ao amin'Andriamanitra. Afaka mitahiry izay natolony anao Izy. Hitondra anao mihoatra noho ny mpandresy Izy amin'ny alalan'ilay efa tia anao. (*The Faith I Live By*, t. 121).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Moa va manana fiadanana ao am-ponao ianao? Inona avy ireo zavatra mety hanaisotra ny fiadananaao? Manokâna fotoana fohy hivavahana, apetraho eo Aminy avokoa ireo zavatra ireo ary takio ny Teny Fikasan'Andriamanitra.

2. Moa va mandray an'Andriamanitra amin'ny Teniny ianao? Manome fiadanana anao eny anivon'ny toe-javatra sarotra va ny Teny nampanantenainy? Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra anao ny fiadanany manoloana ny ady mafy atrehiniao.



Andro fahadimy – Fahari-po

Lio. 23:26-43

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manatanteraka izay nampantanenainy!

- Derao Andriamanitra satria Izy no hany afaka manome antsika ny hery ho amin'ny fiovana.

"Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro."

- Zak. 4:6b

- Derao Andriamanitra satria hitanao fa nahari-po taminao Izy.

"Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra." - 2 Pet. 3:9

- Derao Andriamanitra satria tsy mba mandiso fanantenana ireo izay miandry Azy izy.

"Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefo tsy ho sasatra; handeha izy, nefo tsy ho reraka." - Isa. 40:31

- Mangataha amin'ny Tompo mba hampianarany anao banana fahari-po.

Miantombena tsara miandry an'i Jehovah hianao ka manantenà Azy; aza tezitra amin'izay ambinina amin'ny lalany dia amin'izay olona manao sain-dratsy. Mitsahara amin'ny fahatezerana, ary mahafoiza ny fahavinirana; aoka tsy hirehitra ny fahatezeranao; fa ratsy no hiaran'izany." - Sal. 37:7,8

"Ary ampahatanjahina amin'ny hery rehetra araka ny herin'ny voninahiny ho amin'ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin'ny hafaliana." - Kôl. 1:11

- Mangataha amin'ny Tompo mba hamaliany anao ny fomba hamaliana soa ny ratsy. Mivavaha ho an'ny toe-javatra manokana izay ilànao mianatra mamaly soa ny ratsy.

"Aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza. Miomâna hianao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra. Raha azo atao, dia ataovy izay hihavanareo amin'ny olona rehetra. Ry malala, aza mamaly ratsy, fa omeo lalana ny fahatezerana; fa voasoratra hoe: Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly, hoy Jehovah. Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetaheta izy, omeo hosotroiny; fa raha manao izany hianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany. Aza mety ho resin'ny ratsy hianao, fa reseu amin'ny soa ny ratsy." - Rôm. 12:17-21

- Angataho Andriamanitra hanampy anao hahatsapa fa avelany handalo amino ny fitsapana mba hahafahany mampianatra anao banana fahari-po. Raha mandalo karazana fitsapana ianao dia ento manokana amin'ny tonom-bavakao izany.

“Ry rahalahiko, ataovy ho fijaliana avokoa, raha iharan’ny fakam-panahy samy hafa hianareo, satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana.” - Jak. 1:2, 3

“Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maiwana, izay vetylity foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariwa ho anay.” - 2 Kôr. 4:16,17

- Angataho Andriamanitra hampahatsiah y anao ireo izay manisy ratsy anao.

“Koa mitafia famindram-po sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin’Andriamanitra sady masina no malala. Mifandefera ka misfamelâ heloka hianareo.” - Kôl. 3:12,13a

- Mahafantatra olona mandalo fitsapana va ianao? Mangataha amin’ny Tompo mba hampianarany azy ireo hanana fahari-po.

“Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an’Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.” - Rôm. 8:28

- Mivavaha ho an’ny firaisan’ny fiangonana sy ireo ambaratonga isanisany eo anivon’ny fiangonana, amin’ny fanajana ny Tenin’Andriamanitra, ny vavaka amim-panetren-tena, ny herin’ny Fanahy Masina, ny fanajana ny Fitsipika Mifehy ny Fiagonana/Dingana samihafa, amin’ny firotsahana feno amin’ny asa nankinina tamin’ny Fiagonana. Mivavaha mba hananantsika fanetren-tena eo amin’ny fainantsika mba hisian’ny firaiana amin’ny faneke na ny fitarhan’Andriamanitra sy ny dingana ho amin’ny fampitoviana ny fanapahan-kevitra eo anivon’ny fiangonana.

“Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy Tomponsika, mba hiray teny hianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara hianareo hiray saina sy hevitra.” - 1 Kôr. 1:10

- Mivavaha mba hisian’ny fiaraha-miasa lehibe sy ny firaiana eo amin’ny lafin’ny fandaminana sy ny asa fanohanana ny asa fitoriana manatratra ny any ivelany eo anivon’ny fiangonanantsika.

“Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon’ny sasany, fa misfananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro.” - Heb. 10:24,25

- Mivavaha no an’ny asan’ny tontolon’ny serasera rehetra mba ahafahana mitondra zava-baovao hatrany amin’ny fampielezana ny hafatry anjely telo eny anivon’ny vahoaka sahiran-dava amin’izao vanim-potoana misy antsika izao.

“Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamo be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.” – Jao. 15:5

- Asa eny anivon’ny tanàn-dehibe – Mivavaha ho an’ny Diviziona Amerika Avaratra amin’ny asa izay ataon’izy ireo eny anivon’ireto tanàn-dehibe manaraka ireto: Ny tanàn-dehiben’i New York, New York, Calgary, Canada, Indianapolis, Indiana St. Louis, Missouri; Seattle, Washington; San Francisco, Californie; Oakland, Californie; Tampa, Floride; sy ny tanàn-dehiben’i Oklahoma, Oklahoma. Mivavaha ihany koa ho an’ny Diviziona Azia Pasifika Avaratra ary ireo tanàn-dehibe izay ezahin’izy ireo hotratrarina: Tokyo, Japon; Daegu, Corée; Daejon, Corée; Wuxi, Chine; ary Ulaanbaatar, Mongolie. Mivavaha mba hahafahan’ny Fanahy Masin’Andriamanitra miasa amin’ny fahafenoany amin’ireo tanàn-dehibe ireo.

“Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin’i Jehovah amin’i Zerobabela: tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin’ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon’ny maro.” - Zak. 4:6

- Mivavaha ho an’ny filànao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.

“Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin’ny voninahitra ao amin’i Kristy Jesosy.” - Fil. 4:19

- Mankalazà an’Andriamanitra satria eo amin’izay tsy ahitanao na iray aza dia manana fomba amin’arivony izy hamaliana ny vavaka ataonao ary tena hamaly anao tokoa Izy.

“Fa Masoandro sy Ampinga Jehovah Andriamanitra; fahasoavana sy voninahitra no homen’i Jehovah; tsy hiaro zava-tsoa amin’izay mandeha amin’ny fahitsiana izy. Fa Masoandro sy Ampinga Jehovah Andriamanitra; fahasoavana sy voninahitra no homen’i Jehovah; tsy hiaro zava-tsoa amin’izay mandeha amin’ny fahitsiana izy.” – Sal. 84:11

Amin’ny fiafarany fotoam-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hiara-mivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa amin’ny lisitra izay eny am-pelatanaanao. Mivavaha mba hampianarany azy ireo hanana fahari-po. Takio ho azy ireo ny Kôl. 1:11: “*ary ampahatanjahina amin’ny hery rehetra araka ny herin’ny voninahiny ho amin’ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin’ny hafaliana (...)*” Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin’ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha-mivavaka mahakasika izany.

Soso-kevitra ho amin’ny hira:

Hira fihirana advantista: 365/457/496

Izay lazain’i Ellen White mahakasika ny fahari-po

“Fa ny vokatry ny fanahy dia (...) fahari-po.” - Gal. 5:22

Fitiavana no lalàna mifehy ny fanjakan’i Kristy. Miantso ny tsirairay ny Tompo mba hanatratra ny fenitra ambony. Ny fiainan’ny vahoakany dia tokony haneho fitiavana, fahamoram-po, fahalemem-panahy. Miaritra zavatra ny fahari-po, eny, zavatra betsaka kanefa tsy mihevitra ny hamaly amin’ny teny na amin’ny asa.

Maharitra ny fahari-po; maharitra ela tokoa. Raha mandalo izany fahari-po izany ianao dia mila mizara izay fahalalana anananao mahakasika ny fahadisoan’ny rahalahiniao. Tsy maintsy mikatsaka izay hanampiana sy hamonjena azy ianao satria anisan’izay novonjena tamin’ny ran’i Kristy koa izy. “*Ka rehefa mitokana hianareo roa lahy, dia asehoy azy ny fahadisoany. Raha mihaino anao izy, dia efa azonao ny rahalahiniao.*” “*Ry rahalahy, raha misy olona azon’ny ota tsy nahi aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin’ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fandrao hianao koa mba halaim-panahy ihany.*” Ny fananana fahari-po dia tsy manambany na mahamenatra, fa tena ny mifanohitra tanteraka amin’izany. (*My Life Today*, t. 52).

Ny fitiavan’i Jesôsy dia tokony hisandratra eo amin’ny fiainanao. Hanana hery malefaka, tsy mba mitratrevatreva eo amin’ny fonao sy ny toetranao izany. Hampahatonga antsika tsy hisalasala hamela ny rahalahintsika, na ireo izay niteny ratsy antsika izany. Ny fitiavan’Andriamanitra dia hampikoriana ao anatin’ny fontsika ny teny malemy sy ny asa tsara ho an’ny hafa. Ny voa avy amin’ireny asa tsara ireny dia toy ny sampam-boaloboka eo amin’ny tanimbolin’ny toetra. “*Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fialiana, fiadanana, fahari-*

po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po.”
(Review and Herald, Nov. 16, 1886, par. 10).

Ataovy izay hihavanana amin’ny olon-drehetra, ary aoka ho malefaka sy mani-pofona ny rivotra mameeno ny fanahinao. Henon’ny Tompo avokoa ny teny tsy manam-pahendrena rehetra. Raha miady amin’ny “izaho”, toetra maha-olombelona ianao, dia ho afaka handroso hatrany amin’ny ezaka fihoarana ny fahazarana sy ny fironana ho amin’ny ratsy. Amin’ny alalan’ny faharetana sy fahari-po dia ho afaka hahavita betsaka ianao. Tsarovy fa tsy hampietry anao ny teny tsy manam-pahendrena avy amin’ny hafa, fa rehefa mamaly tsy amim-pahendrena kosa ianao dia ho very ny fandresena tokony ho azonao. Tandremo ny teny izay ataoanao.

Ny fahari-po sy ny fanentren-tena dia manamarika ny teny sy ny asan’ireo izay “teraka indray” mba hiaina fiainam-baovao ao amin’i Kristy. (*My Life Today*, t. 52).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Mahazatra anao va ny mamaly faty izay nanao ratsy taminao? Manao ahoana ny fihetsikao rehefa misy olona manao ratsy aminao? Mangataha amin’Andriamanitra hampianarany anao hanana fahari-po. Takio ireo teny fikasany.

2. Misy olona minia manitsakitsaka anao va eo amin’ny fiainanao? Mangataha amin’Andriamanitra mba hanomezany anao ny faharetana, fitiavana, fahazoana mamela heloka ary hampianarany anao haneho amin’zy ireo ny fitiavany.



Andro Fahanina – Fahamoram-panahy

Fil. 2:1-11

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manataneraka izay nampanantenaindy!

- **Ankalazao Andriamanitra izay niantso antsika hanao amin'ny hafa izay tiantsika hatao amintsika.**

"Ary araka izay tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa." – Lio. 6:31

- **Ankalazao Andriamanitra satria afaka manome anao ny hery hananana fahamoram-panahy Izy.**

"Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy." – Efes. 2:10

"Koa mitafia famindram-po sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin'Andriamanitra sady masina no malala." – Kôl. 3:12

- **Ankalazao Andriamanitra noho ny antony manokana izay ahafahanao mahita ny hamoram-panahiny aminao. Ankalazao Andriamanitra satria afaka manao sy mitahiry anao ho tsy manan-tsiny Izy mandra-piveriny indray.**

"Ary Andriamaniry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanantsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany." – 1 Tes. 5:23,24

"Ary matoky indrindra aho fa izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahataneraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy." – Fil. 1:6

- **Mangataha amin'Andriamanitra mba hanomezany anao ny hery hananana fahamoram-panahy amin'ny olon-drehetra, anisan'izany ny eo anivon'ny ankohonana sy ireo fahavalao.**

"Fa tiava ny fahavalonareo, ary manaova soa, dia mampisambora, fa aza kivy na amin'inona na amin'inona, dia ho lehibe ny valim-pitianareo, ary ho zanaky ny Avo Indrindra hianareo; fa Izy mora fanahy amin'izay tsy misaotra sy ny ratsy fanahy." – Lio. 6:35

- **Misy olona tsy manana fahamoram-panahy aminao va? Mangataha amin'Andriamanitra mba hampianatra anao ny fomba atao hananana fahamoram-panahy amin'izany olona izany Izy. Mangataha ihany koa amin'Andriamanitra mba hanomezany anao ny fo mahay mamela heloka izany olona izany.**

"Mifankatiava araka ny fifankatiavan'ny mpirahalahy; mitariha lalana amin'ny fifanomezam-boninahitra." – Rôm. 12:10

"Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hisamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy." – Efes. 4:32

- Mangataha amin'Andriamanitra mba hanehoany aminao ny fomba hahafahana maneho fahamoram-panahy amin'ny olona tsy fantatrao.

"Aoka haharitra ny fitiavana ny rahalahy. Aza manadino ny fampiantranoam-bahiny; fa tamin'izany dia nampiantrano anjely ny sasany, nefo tsy fantany." - Heb. 13:1,2

- Mangataha amin'Andriamanitra mba hanavaozany anao ho tonga olom-baovao sy hanomezany anao fo vaovao. Lazao Azy ny momba izay olona tokony hanehoanao fahamoram-panahy misimisy kokoa.

"Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo." - 2 Kôr. 5:17

- Mangataha mba hanomezan'Andriamanitra fahalalana feno momba ny fomba fiasan'i Kristy (comprehensive health ministry), hahafahan'ny mambra mahatsapa ny filan'ny olona sy manaraka ny môdely napetrak'i Kristy mahakasika ny asa fanompoana ny hafo.

"Fa izao no nandidian'ny Tompo anay: efa nanendry Anao ho fahazavan'ny jentilisa Aho, mba ho famonjena hatrany amin'ny faran'ny tany Hianao." - Asa 13:47

"Ary hoy indray Jesosy taminy: fiadanana ho anareo; tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nanisy fofonaina, ka hoy Izy taminy; raiso ny Fanahy Masina." - Jao. 20:21,22

- Mivavaha mba hisy fitomboana mampitolagaga ny lafin'ny fanohanana ara-panahy avy amin'ny tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito mamonjy ireny anjerimanontolom-panjakana ireny. Mivavaha mba hahatonga azy ireo ho mpanompo manana firehetam-po amin'ny fanompoana ny hafa eny anivon'ireny anjerimanontolom-panjakana sy sekoly maneran-tany ireny.

"Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tomponsika." - 2 Tim. 1:8

"Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy: ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mampirisika, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianaranana rehetra." - 2 Tim. 4:1,2

- Mivavaha mba hahatonga ny mambra rehetra ho afaka hanokana fotoana misimisy kokoa amin'ny fianaranana Baiboly, fivavahana; hamela an'Andriamanitra hitarika amin'ny fahafenoany ny vahoakany araka ny sitrapony fa tsy ny antsika.

"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianaranana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra." - 2 Tim. 3:16,17

- Asa eny anivon'ny tanàn-dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Atsimo ary ireo tanàn-dehibe 43 izay nosafidian'izy ireo hanatanterahana ity iraka asa eny anivon'ny tanàn-dehibe ity. Mivavaha torak'izany koa ho an'ny Diviziona Pasifika Atsimo sy ireo tanàn-dehibe nosafidiany hotratrarinna ho an'i Kristy: Sydney, Australie; Christchurch, Nouvelle Zélande; Lae, Papouasie - Nouvelle - Guinée; ary Apia, Samoa. Mivavaha mba handefasan'Andriamanitra mpiasa sy hombany ny ezaka rehetra ataoan'izy ireo.

"Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao no mba nanirahako azy kosa ho amin'izao tontolo izao." - Jao. 17:18

- Mivavaha ho an'ny filànao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.

"Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahantsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin'ny fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena." - Efes. 3:20,21

- Mankalazà an'Andriamanitra satria na inona na inona angatahanao amin'ny anarany, araka ny sitrapony dia hataony aminao izany.

“Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahantsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahantsika aminy.” - 1 Jao. 5:14,15

Amin’ny fiafaran’ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan’olona roa na teloianao ary hiara-mivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa amin’ny lisitra izay eny am-pelatanaao. Mangataha mba hianaran’izy ireo amin’i Jesôsy ny fomba hananana fahamoram-panahy sy fitiavana. Takio ho azy ireo ny 1 Jao. 3:18: *“Anaka, aoka tsy ho tia amin’ny teny na amin’ny lela isika, fa amin’ny asa sy amin’ny marina.”* Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin’ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha-mivavaka mahakasika izany.

Soso-kevitra ho amin’ny hira:

Hira fihiranava advantista: 144/40

Izay lazain’i Ellen White mahakasika fahamoram-panahy

«Fa ny vokatry ny Fanahy dia... fahamoram-panahy.» – Gal. 5:22

Hanampy antsika tsirairay avy ny Tompo rehefa mila fanampiana amin’ny asa lehibe fifehezana sy fandresena ny “izaho” isika. Aza avela hiala eo amin’ny molotrao ny lalân’ny fahamoram-po ary ny soliky ny fahasoavana ao am-ponao. Hitondra vokatra mahafinaritra tokoa izany. Ho tonga malemy fanahy, be fitiavana ary feno fanajana fatratra ianao. Ilainao avokoa izany fahasoavana izany. Tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina ianao ary mitondra izany amin’ny toetranao; dia ho tonga tahaka ny *afô masina*, manome hanitra manim-pofona hiakatra eo amin’ny sezâ fiandrianan’Andriamanitra. Tsy avy eo imolotra ka hanameloka, fa ho mpanasitrana ny fanahin’ny olombelona. Ny endrikao dia haneho ny *endrik’Andriamanitra*. (*Ye Shall Receive Power*, t. 81).

Tsy misy teny mandratra, mpanakiana, mahery na masiaka tokony hivoaka ny vava. Izany dia toy ny afô, ka tsy maintsy avela rehefa misy favoriana na fihaonana amin’ireo rahalahintsika. Takin’Andriamanitra amin’ny fanahy rehetra manompo Azy ny handrehetan’izy ireo ny ditin-kazony avy eo amin’ny arin’ny afô masina. Ny teny mahery, masiaka, mandratra iniana atao dia tsy maintsy fehezina. Ny Fanahy Masina’Andriamanitra dia miteny amin’ny alalan’ny olony. Amin’ny alalan’ny fibanjinana ny toetran’i Kristy dia hovaina hitovy Aminy ianao. Ny fahasoavan’i Kristy irery ihany no afaka hanova ny fonao, ka ahafahanao maneho ny endrikoy ny Tompo Jesôsy. Miantso antsika Andriamanitra mba hanahafantsika Azy – madio, masina, ary manokana. Tsy maintsy mitondra ny endrik’Andriamanitra isika. (*Ye Shall Receive Power*, t. 81).

I Jesôsy Kristy irery ihany no mpanampy antsika. Amin’ny alalan’ny fahasoavany dia tsy maintsy mianatra mikolokolo ny fitiavana isika, mampianatra ny tenantsika hiteny amin’ny fahamoram-panahy sy amim-pitiavana. Amin’ny alalan’ny fahasoavany, ny fombantsika izay mangatsiaka sy mandratra dia hiova. Ny lalân’ny fahamoram-panahy dia tsy maintsy ho eo amin’ny molotsika, ary ireo izay eo amin’ny fitarihana sarobidin’ny Fanahy Masina dia tsy hahatsapa fa fahalemena ny miara-mitomany amin’izay mitomany sy miara-mifaly amin’izay mifaly. Tsy maintsy mikolokolo ny toetra ambonin’ny lanitra isika. Tsy maintsy mianatra ny hoe manana sitra-po tsara amin’ny olon-drehetra, faniriana miredareda avy ao am-po mba hitondra fahazavana fa tsy hanamaloka ny fainan’ny hafa. (*God’s Amazing Grace*, t. 299).

Hararaoty avokoa ny tombontsoa rehetra hahafahana mitondra hafaliana amin’ireo manodidina antsika. Mizara amin’izy ireny ny fitiavanao. Teny feno fahamoram-po, fijery feno fangorahana, fiteny mahay mankasitraka, dia tena sarotra tokoa amin’ny maro. Na dia irery aza ianao dia aoka ny teninao ho toy ny *“Rano mangatsiaka amin’ny fanahy reraka”*... (*God’s Amazing Grace*, t. 299).

Mitoera eo amin’ny fahazavan’ny fitiavan’ny Mpamony. Amin’izay, ny hery miasa mangina avy aminao dia ho fitahiana ho an’izao tontolo izao. Avelao ny Fanahy Masina hifehy anao.

Avelao ny lalàn'ny fahamoram-panahy ho eo amin'ny molotrao mandrakariva. Ny famindrampo sy ny fanetren-tena no aoka hanamarika ny teny sy ny asa ataonao amin'ireo izay teraka indray, mba hiaina fiainam-baovao ao amin'i Kristy. (*God's Amazing Grace*, t. 299).

Mety hiresaka mahakasika ireo fitahian'ny Fanahy Masina isika, ary mivavaka mba handraisana azy ireny. Kanefa raha tsy miasa eo ambanin'ny fahefan'ny Fanahy Masin'Andriamanitra ny olony tsy afaka hanehoany fa tsy manana Azy izy. Rehefa mamolavola sy manamboatra ny toetra mifanaraka amin'ny toetran'Andriamanitra, dia hampiharihary amin'ny alalan'ny tenintsika rehetra, ny asa rehetra ataontsika amin'izao tontolo izao ny fahasamihafana lehibe eo amin'ny zanaky ny mazava sy ny zanaky ny maizina. Sitrak'Andriamanitra ny hijoroantsika amin'ny finoantsika rehefa avy nandray ny fanavotana ho amin'ny fahamasinana. Tsy maintsy milaza ny fahamarinana amim-pitiavana isika. Ilay Mpampianatra lehibe dia milaza hoe: “*Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako.*” - Mat. 11:29, 30. (*Ye Shall Receive Power*, t. 81).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Moa va olona manana fahamoram-panahy ianao? Manao ahoana ny fihetsikao raha tsy manana fahamoram-po aminao ny olona? Mangataha amin'Andriamanitra mba hampianarany anao hanana fahamoram-po. Takio ireo teny fikasany.
2. Ataovy lisitra ireo zavatra azonao atao amin'ny hafa mba hanehoana fahamoram-po amin'izy ireny ary mangataha tombontsoa avy amin'Andriamanitra ahafahana maneho fahamoram-po, indrindra amin'ireo izay toa tsy mendrika izany.



Andro fahafito – Fanaovan-tsoa

Rôm. 12:9-21

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manataneraka izay nampanantena!

- Mankalazà an'Andriamanitra noho ny zava-tsoa nataony taminao.

"Akory re ny haben'ny zava-tsoanao voarakitrapa ho an'ny matahotra Anao! dia izay nataona teo anatrehan'ny zanak'olombelona ho an'izay mialoka aminao! Hanafina azy ao amin'ny fiafrenana eo anatrehanao Hianao, mba tsy ho tratry ny teti-dratsy ataon'ny olona izy; hampiery azy ao an-tranonao Hianao, mba tsy ho azon'ny lela mifanditra izy." - Sal. 31:19, 20

"Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiaimako, dia hitoetra ao an-tranon'i Jehovah andro lava aho." - Sal. 23:6

- Mankalazà an'Andriamanitra fa ny tsara fanahy dia mahazo sitraka avy amin'i Jehovah.

"Ny tsara fanahy mahazo sitraka amin'i Jehovah; fa ny mamoron-tsain-dratsy hohelohiny." - Sal. 12:2

- Mankalazà an'Andriamanitra noho ireo zavatra manokana nahafahanao nahita ny fahasoavany taminao.

"Raha izay re aho no tsy nanantena hahita ny fahasoavan'i Jehovah amin'ny tanin'ny velona." - Sal. 27:13

- Mankalazà an'Andriamanitra fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia Azy.

"Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantsosy araka ny fikasany rahateo." - Rôm. 8:28

- Mangataha fahendrena sy fahalalana mba hahafahanao manao ny zavatra rehetra amin'ny fahalemem-panahin'ny fahendrena.

"Iza eo aminareo no hendry sy manam-pahalalana? Aoka hasehony amin'ny fitondran-tena tsara ny asany amin'ny fahalemem-panahin'ny fahendrena." - Jak. 3:13

- Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fomba ahafahana manao soa amin'ireo fianakaviana sy ireo rahalahy ary anabavinao ao amin'i Kristy.

"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika. Koa araka ny ananantsika andro hanaovana, dia aoka isika hanao soa amin'ny olona rehetra, indrindra fa amin'ny mpianakavin'ny finoana." - Gal. 6:9,10

- **Angataho Andriamanitra hanampy anao hanao soa amin'ny olona tsy fantatrao.**

“Fa aza manadino hanao soa sy hiantra; fa fanatitra toy izany no sitrak’Andriamanitra.” – Heb. 13:16

- **Mivavaha mba tsy hahatonga anao hihevitra fa ny zava-tsoa rehetra eo am-pelatananao dia vokatry ny ezaka nataonao, ary mba hampahatsiahivin’Andriamanitra aminao fa ny zava-tsoa rehetra dia avy Aminy avokoa.**

“Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin’ny Rain’ny fanazavana, Izay tsy misy fiovaovana na aloka avy amin’ny fihodinana.” - Jak. 1:17

- **Mangataho mba hampianaran’Andriamanitra anao hahita sy hankasitraka ny zava-tsoa avy Aminy.**

“Andramo ka izahao fa tsara Jehovah; sambatra izay olona mialoka aminy.” - Sal. 34:8

- **Mivavaha mba hitomboan’ny fahalianana amin’ny fianarana ny bokin’i Daniela sy ny Apôkalipsy.** Mivavaha mba hahazoan’ny olona sy hitoriany fa ny asa fanompoana ao amin’ny Tempoly dia fanehoana mahagaga ny dingan’ny famonjena. Mivavaha mba hisian’ny fifantohana tanteraka amin’i Kristy sy ny asany mandritra ny fiaiany tetra an-tany, ny fahafatesany teo amin’ny hazo fijaliana, ny fitsanganany, ny asa izay ataony ankehitriny ao amin’ny efitra masina indrindra any an-danitra ary ny fiverenany fanindroany.

“Mazotoa manolotra ny tenanao amin’Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara* ny teny fahamarinana.” - 2 Tim. 2:15

“Ary amin’izany zavatra lazainay izany dia izao no fotony: manana Mpisoronabe toy izany isika, dia Ilay efa mipetraka eo amin’ny ankavanana’ny seza fiandrianan’ny Avo Indrindra any an-danitra, mpanao fanompoam-pivavahana ao amin’ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin’ny Tompo, fa tsy olona.” - Heb. 8:1,2

- **Mivavaha mba hitomboan’ny fandraisana anjara sy fanoloran-tena amin’ny asa fampielezana ny filazantsara fanatrarana ny any ivelany eo anivon’ireo mambran’ny fiangonana sy ireo sampan’asa misy, tahaka ny fanohanana’izy ireo ny fampandehanana ny asan’ny fiangonana.**

“Aoka hazava eo imason’ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.” - Mat. 5:16

- **Mivavaha ho amin’ny fametrahana ireo “Ivon-toeran’ny Fanentanana” (Centre d’Influence) an’arivony, manokana amin’izany ireo izay apetraka eny amin’ireo tanàndehibe manerana izao tontolo izao, ary mivavaha mba hahafahan’ireny ivon-toerana ireny maneho fahasamihafana lehibe tokoa eo amin’ny fiainan’ny vahoaka rehefa manao ny fanandraman’ny fahamarinan’Andriamanira amin’ny alalan’ny asa fanompoana kristianina izy ireo.**

“Hianareo no fanasin’ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin’ny olona. Hianareo no fahazavan’izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin’ny vata famarana, fa apetrany eo amin’ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin’izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason’ny olona toy koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.” - Mat. 5:13-16

- **Asa eny anivon'ny tanàn-dehibe – Mivavaha ho an'ny Diviziona Afrika Atsimo sy ny Oseana Indianina ary ho an'ireo tanàn-dehibe izay ezahany ho azo ho an'i Kristy: Luanda, Angola; Antananarivo, Madagascar; Lilongwe, Malawi; Maputo, Mozambique; Saurimo, Angola; Bloemfontein, Afrika Atsimo; Lubango, Angola; Kitwe, Zambie; ary Harare, Zimbabwe. Mivavaha ihany koa ho an'ny Diviziona Azia Atsimo sy ho an'ireo tanàn-dehibe izay ezahany ho azo ho an'i Kristy: Mumbai, Kochi, Bidar, New Delhi, Coimbatore, Surat, Imphal, ary Vijayawada. Mivavaha mba hitondran'ny Tenin'Andriamanitra vokatra.**

“Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin’izay ampandehanako azy.” – Isa. 55:11

- Mivavaha ho an'ny filànao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.

“Ary miravoravo amin’i Jehovah hianao, dia homeny anao izay irin’ny fonao.” – Sal. 37:4

- Mankalazà an'Andriamanitra satria mahafaly Azy indrindra ny mamaly ny fivavakao ary hovaliany amin’ny fotoana mety indrindra sy fomba mety indrindra izany.

“Koa lazaiko aminareo: na inona na inona tononinareo amin’ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany.” - Mar. 11:24

Amin’ny fiafaran’ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hiara-mivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa amin’ny lisitra izay eny am-pelatananao. Mangataha mba hahitan’izy ireo ny zava-tsoa avy amin’Andriamanitra sy hananan’izy ireo izany ao am-pony ary ahafahan’izy ireo maneho izany amin’ny hafa. Takio ho azy ireo ny Mat. 12:35: *“Ny rakitra tsara no amoahan’ny olona tsara fanahy zavatra tsara; ary ny rakitra ratsy kosa no amoahan’ny olona ratsy fanahy zavatra ratsy.”* Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin’ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha-mivavaka mahakasika izany.

Izay lazain’i Ellen White mahakasika fanaovan-tsoa

“Fa ny vokatry ny Fanahy dia... fanaovan-tsoa.” - Gal. 5:22

Ny zava-tsoa marina dia raisin’ny lanitra ho tena manan-danja tokoa. Ny toe-po sy ny toe-tsaina entiny maneho fitiavana no mamaritra ny herin’ny olona. Mety banana fananana be sy manam-pahaizana be ny olona iray, kanefa tsy manana tombam-bidy satria satria ny afon’ny fanaovan-tsoany dia tsy mbola nirehitra velively teo amin’ny alitaran’ny fony.

Ny fanaovan-tsoa dia vokatry ny herin’Andriamanitra manova ny maha-olombelona. Amin’ny alalan’ny finoana an'i Kristy, ilay taranaka lavo izay novonjeny dia afaka handray ilay finoana miasa amim-pitiavana sy manadio ny fanahy amin’ny fahasimbana rehetra. Amin’izay dia hiseho ireo toetra tsara tahaka ny an'i Kristy rehetra: amin’ny alalan’ny fibanjinany an'i Kristy, dia ho voaova banana ny endrinny ny olombelona, amin’ny voninahitra ho amin’ny voninahitra, amin’ny toetra ho amin’ny toetra. Hamoa voa tsara izy. Voavolavola mifanarako amin’ny toetr’Andriamanitra ny toetrary, ary hiseho eny amin’ny taranaka mpanota ny fahamarinana, ny fahitsiana, ary ny fahelemem-panahy.

Avelan’Andriamanitra handalo fitsapana sy fahorianana ny olombelona tsirairay. Tiany ny hizaha toetra antsika raha tena olona tsara sy manao ny tsara isika eto amin’ity fainana ity; raha azony hametrahana ny harena mandrakizay isika; raha azony hatao ho anisan’ny fianakaviamben’ny fanjakany isika, ho zanakalahy sy zanakavavin’ny Mpanjakan’ny lanitra.

Tsy misy fetra ny fahazoanao manao soa. Raha avelanao hitarika ny fiainanao ny Tenin'Andriamanitra, hifehy ny asanao araka ny fitsipiny. Raha ataonao hitahiana, fa tsy hifanananana amin'ny hafa ny tanjona apetrakao sy ny ezaka ataonao ho fanatanterahanao ny adidinao dia hahita fahombiazana ianao. Nametraka ny tenanao eo amin'ny toerana hahafahanao mifandray amin'Andriamanitra ianao. Tonga mpitondra fahazavana amin'ny hafa ianao. Nomem-boninahitra ianao amin'ny maha-mpiara-miasa amin'i Jesôsy anao. Koa tsy misy voninahitra ambony raisinao mihoatra ny fitahiana tononon'ny Mpamony aminao: "*Tsara izany ry mpanompo tsara sady mahatoky.*" (*My Life Today*, t. 54).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Tamin'ny fomba ahoana no nahitanao ny zava-tsoa nataon'Andriamanitra taminao tamin'ny fiainanao lasa? Makà fotoana manokana hisaorana an'Andriamanitra ny amin'izay nataony taminao.
2. Inona no azonao atao hanehoana izany fahatsarana izany amin'ny hafa? Mangataha amin'Andriamanitra mba hanehoany aminao izay azonao atao sy hanomezany anao ny hery hahafahanao maneho ny fahatsarany amin'ny hafa.



Andro fahavalô – fahamarinana

Heb. 11:1-11

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manataneraka izay nampantanenainy!

- Mankalazà an'Andriamanitra noho ny fahatokiany sy ny famelan-keloka omeny

"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra." – 1 Jao. 1:9

- Mankalazà an'Andriamanitra noho ny fahasoavan'ny finoana.

"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra." – Efes. 2:8

- Mankalazà an'Andriamanitra satria tsy miova Izy ary mahatoky mandrakariva na dia tsy matoky aza isika.

"Fa na dia tsy matoky Azy aza isika, dia mbola mahatoky ihany Izy, fa tsy mahazo mandà ny tenany." – 2 Tim. 2:13

- Mankalazà an'Andriamanitra satria manome valisoa ho an'izay mahatoky Izy.

"Izay olona mahatoky tokoa dia ho be fitahiana." – Ohab. 28:20a

- Mangataha amin'Andriamanitra mba hahatonga anao ho mahatoky amin'ny kely indrindra. Lazao azy ny sasantsasany amin'ireny zavatra madinika ilànao fianarana ny ho mahatoky ireny.

"Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be." – Lio 16:10

- Mangataha amin'Andriamanitra mba hanomezana anao finoana sy hanampiany anao hino.

"Fa hoy Jesôsy taminy: hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino." – Mar. 9:23

"Fa hoy ny Tompo: raha manana finoana na dia hoatra ny voan-tsiny iray aza hianareo, dia azonareo lazaina amin'io vorihazo io hoe: miogota, ary aoka hambolena ao anatin'ny ranomasina, dia hanaiky anareo izy." – Lio. 17:6

- Mivavaha mba hampianaran'Andriamanitra anao handeha amin'ny finoana fa tsy fahitana. Mivavaha ho an'ny toe-javatra manokana izay ilànao mianatra mandeha amin'ny finoana fa tsy fahitana.

"Fa finoana no andehanantsika, fa tsy fahitana." – 2 Kôr. 5:7

- Mivavaha mba hahatonga anao tsy hiorina amin'ny fahendren'olombelona, fa amin'ny herin'Andriamanitra.

"Mba tsy niorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany." – 1 Kôr. 2:5

- Mivavaha mba hampitomboin'Andriamanitra ny finoanao.

"Ary hoy ny Apostoly tamin'ny Tompo: Ampitomboy ny finoanay." - Lio. 17:5

- Mivavaha ho an'ny Pasitoran'ny fiangonanao, mangataha amin'Andriamanitra fa hanomezany ny Pasitoranao finoana amin'ny fatra feno.

"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo." - Mat. 21:22

- Mivavaha ho an'ny mpitarika fiangonana rehetra manerana izao tontolo mba hijoroan'izy ireny mahatoky ara-panahy sy hihazonan'izy ireo ny vinany ho amin'ny asa fitoriana. Mitalaho amin'ny Tompo mba hiarovany ireo Pasitora sy mambran'ny Fiangonana tsy hanary ny tontolo-kevitra ara-paminaniana mahakasika ny maha-Fiangonana Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, fiangonana an'Andriamanitra sisamamin'ny andro farany.

"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga; dia hianareo izay tsy firenena akory fahiny, fa ankehitriny efa olon'Andriamanitra; izay tsy namindrana fo, fa ankehitriny efa namindrana fo." - 1 Pet. 2:9,10

- Mivavaha mba hitombo ny fampiasan'ny mambran'ny fiangonana ny literatiore kristianina ary hohamafisina ny literatiore ara-pilazantsara voarakitra an-taratasy sy ireo fitaovana vokatra avy amin'ny fandrosoan'ny teknolôjia

"Fa izao no lazaiko: izay mamafy kely, dia kely no hojinjany; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany." - 2 Kôr. 9:6

- Asa eny anivon'ny tanân-dehibe - Mivavaha ho an'ny Diviziona Azia Pasifika Atsimo ary ireo tanân-dehibe hiompanan'ny ezaka ataony: Metro Manila, Philippines; Dhaka, Bangladesh; Cebu, Philippines; Makassar, Indonesie; Yangon, Myanmar; Urdaneta, Philippines; Karachi, Pakistan; Kota Kinabalo, Malaisie; Davao, Philippines; ary Medan, Indonesie. Mivavaha ho an'ireo mpiasa mba hahatonga azy ireo ho feno sy hahazo hery avy amin'ny Fanahy Masina.

"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany." - Asa 1:8

- Mivavaha ho an'ny filànao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.

"Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dôndôny, dia hovohana hianareo." - Mat. 7:7

- Mankalazà an'Andriamanitra satria mahatoky Izy amin'ny fihainoana sy famaliana ny vavakao. Mankalaza Azy amin'izay zavatra hataony.

"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo." - Mat. 21:22

Amin'ny fiafaran'ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan'olona roa na telo ianao ary hiara-mivavaka ho an'ireo olona fito voatanisa amin'ny lisitra izay eny am-pelatanaao. Mangataha mba hampitomboin'Andriamanitra ny finoan'izy ireo. Takio ho azy ireo ny Heb. 11:6: *"Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy."* Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin'ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin'ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha-mivavaka mahakasika izany.

Soso-kevitra ho amin'ny hira:

Hira fihiranana advantista: 419/108

Izay lazain'i Ellen White mahakasika ny finoana sy ny fahamarinana

«Fa ny vokatry ny Fanahy dia... fahamarinana.» - Gal. 5:22

Ny fanatonana an'i Kristy dia mitaky fampiasana ny finoana. Tsy maintsy mitondra eo Aminy ny fiainantsika isan'andro isika; amin'izay dia hanana fiadanana, sy fifaliana isika ary ho azontsika amin'ny alalan'ny fanandramana ny hevity fonosin'ny Teniny, "Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany" - Jao. 15:10. Tsy maintsy mitaky izay nampanantenaina ny finoantsika isika, mba ahafahantsika mitoetra ao amin'ny fitiavan'i Jesôsy. Hoy ny nolazain'i Jesôsy, "Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fialiako, ka ho tanteraka ny fifalianareo." (andininy 11).

Ny finoana dia miasa amin'ny alalan'ny fitiavana ary manadio ny fanahy. Amin'ny alalan'ny finoana no ahafahan'ny Fanahy Masina mahita ny lalan'ny fo, ary manamasina izany. Tsy afaka ny ho tonga solontena hanao ny asan'i Kristy ny olona raha tsy miray amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Amin'ny alalan'ny fanovana ny toetra ihany no ahafahantsika miditra any an-danitra. Ny fahamarinan'i Kristy ny fahazoan-dalana entintsika raha maniry hifandray amin'ny Ray isika. Tsy maintsy miray amin'ny fomban'Andriamanitra isika ary fanirantsika tanteraka ny hiala amin'ny fahalovana izay misy eto amin'ity izao tontolo izao ity. Isan'andro dia tsy maintsy voaova isika amin'ny alalan'ny hery miasa mangin'an'ny Fanahy Masina, satria asan'ny Fanahy Masina ny mampakatra ny hanitra ho fanamasinana ny fo, manao izay hampahamendrika ny tena manontolo, amin'ny alalan'ny fanehoana amin'ny fanahy ny fahatsaran'i Jesôsy. (*Ye Shall Receive Power*, t. 77).

Ny asa rehetra amin'ny fiainana, na dia madinika aza, dia mitondra ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy. Ny fahatokiana na ny fanaovana antsirambina ny asa faran'izay madinika indrindra dia manokatra ny varavarana ho amin'ny fitahian'ny haren'ny fiainana na ho amin'ny loza mahatsiravina. Amin'hy zavatra madinika no hizahana ny toetra. Izany dia tsy asa andavanandro, manana fanoloran-tena ivelambelany fotsiny, fa notanterahina tamimpafaliana, tamin'ny fahavononan'ny fo, ka tena mahafaly an'Andriamanitra tokoa. Tsy tokony ho velona ho antsika isika fa ho an'ny hafa. Amin'ny alalan'ny fanadinoana ny "izaho", fikolokoloana ny fitiavana, ary ny fananana toe-tsaina tia manao soa no hahatonga ny fiainantsika ho fitahiana. Ny fikasana tsara na dia madinika aza, ny fahaizana misandray, dia mety ho tonga lavitra hatrany amin'ny fara tampon'ny fahasambarana eo amin'ny fiainana. Ary ny fanaovana antsirambina azy ireny dia anisan'ny antony lehibe mahatonga ny fahantran'ny olombelona. (*Conflict and Courage*, t. 52).

Miankina amin'ny toetra mahatoky asehonao eo amin'io asa io, tsy ny mahasoa ny hafa ihany, fa ny ho anjaranao mandrakizay koa. Kristy dia mitady izay rehetra ta-hasondrotra ho mpanara-dia Azy, mba "ho iray Aminy isika tahaka Azy iray ao amin'ny Ray". Avelany hisampikasoka amin'ny fahoriania sy ny antambo mba hiantsoana antsika hiala amin'ny fitiavan-tena isika; mitady hampitombo ao amintsika izay mampiavaka ny toetra amampalahiny Izy, dia fangorahana, fahalem-palahiny ary fitiavana. Ny fanekentsika io asa fanompoana io no mametraka antsika ao amin'ny sekolin'i Kristy sy ho mendrika ny lapan'Andriamanitra. (*Henoinareo ny Fanoharana*, t. 341.2)

Ireo izay miasa ho "mpanaraka am-bokony fotsiny ihany dia hahita fa ny asan'izy ireo dia tsy hahazaka ny fizahana hentitra na izay ataon'ireo anjely. Ny zavatra manan-danja indrindra ho amin'ny fahombiazan'ny asa dia ny fahalalana an'i Kristy, satria izany fahalalana izany dia hampanako ny foto-kevtry ny fahamarinana, hanome toe-tsaina ambony tsy mihevitra izay mahasoa ny tena fotsiny ihany, tahaka ny an'ny Mpamorjintsika izay lazaintsika fa tompointsika. Ny fahatokiana, ny fahaiza-mitantana, ny fiahiana, ny fahitsiana dia tokony hiavaka amin'ny asa ataosantsika, na aiza na aiza toerana misy antsika, na any an-dakozia, na ao amin'ny trano fandrafetana, na ao amin'ny birao fampielezamboky, na ao amin'ny trano fizahana marary, na any an-tsckoly... no nametrahana anao hiasa ao amin'ny tanimbolin'ny Tompo. "Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be." (*Review and Herald*, Sept. 22, 1891).

Mila mibanjina an'i Kristy isika, ary amin'ny alalan'ny fibanjinana Azy dia ho voaova. Tsy maintsy manatona Azy isika, tahaka ny loharano miboiboika tsy mety ritra, eo no hialantsika hetaheta, ary mbola hisotro eo foana isika mandra-pitonin'ny hetahetantsika. Tokony hanaraka ny fisarianan'ny fitiavany isika, hihinana ny mofon'ny fiaianana nidina avy any andanitra, misotro ny ranon'ny fiaianana mivoaka avy eo amin'ny sezà fiandrianan' Andriamanitra. Tokony hibanjina mandrakariva ny any ambony isika, satria ny finoana no mamatoatra antsika eo amin'ny sezà fiandrianan' Andriamanitra. Aza mijery ambany, toy ny hoe voafatotra eto an-tany ianao. Aza variana manadihady ny momba ny finoanao, misintona izany miakatra tahaka ny voninkazo mba hahafahana mahita raha misy fakany izany. Ny fitomboan'ny finoana dia tsy azo tsapain-tanana. (*Ye Shall Receive Power*, t. 77).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Moa va manana finoana an'Andriamanitra ianao na amin'ny toe-javatra sarotra aza? Mangataha amin'Andriamanitra mba hampitomboany ny finoanao. Takio ireo teny fikasany.
2. Vakio ny andinin-tsuratratra farany eo ambony. Ataoovy ny lisitr'ireo zavatra azonao atao hampitomboana ny finoanao. Angataho Andriamanitra hampianatra anao ny fomba hahafahana mampihatra azy ireny eo amin'ny fiaiananao.



Andro fahasivy – Fahalemem-panahy

Jak. 3:13-18 sy Kôl. 3:12-17

Toromarika ho amin'ny Vavaka fananelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hasa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manataneraka izay nampanantenaindy!

- **Mankalazà an'Andriamanitra noho ny fomba hanomezany antsika môdely hananana fahalemem-panahy.**

"Nampahorina Izy, nefà nanetry tena ka tsy niloa-bava, dia tahaka ny zanak'ondry entina hovonoina, sy tahaka ny ondrivavy izay moana eo anatrehan'ny mpanety azy, eny, tsy niloa-bava Izy." - Isa. 53:7

- **Mankalazà an'Andriamanitra satria miantso antsika hianatra Aminy Izy ary rehefa mianatra Aminy dia hahita fitsaharana ho antsika isika.**

"Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo." - Mat. 11:29

- **Mankalazà an'Andriamanitra satria ny fahamoram-pony no mahalehibe antsika.**

"Omenao ahy ny ampingan'ny famorjenao; ny tananao ankavanana no manohana ahy, ary ny fahamoram-panahinao no mahalehibe ahy." - Sal. 18:35

- **Mankalazà an'Andriamanitra satria mampianatra ny mpandefitra ny lalany Izy.**

"Mitarika ny mpandefitra amin'ny marina Izy, ary mampianatra ny mpandefitra ny lalany." - Sal. 25:9

- **Mangataha amin'Andriamanitra mba hanomezany anao ny fahendrena mahay mandefitra.**

"Fa ny fahendrena izay avy any ambony dia madio aloha, ary tia fhavanana, mandefitra, mora alahatra, be famindram-po sy be voka-tsoa, tsy miahanahana na mihatsaravelatsihy." - Jak 3:17

- **Mangataha amin'Andriamanitra mba hampianaranay anao hahay handefitra.**

"Fa hianao kosa, ry lehilahin'Andriamanitra, madosira izany zavatra izany, ka miezaha mitady fahamarinana, toe-panahy araka an'Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemem-panahy." - 1 Tim. 6:11

"Ary aoka ny firavahanareo tsy ho zavatra eny ivelany, toy ny firandranam-bolo sy ny firavabolamena na ny fiakanjoana; fa aoka ho toetra miafina ao am-po, izay tsy mety ho lô, dia ny fanahy malemy sady miadana, izay soa indrindra eo imason'Andriamanitra." - 1 Pet. 3:3,4

- **Mivavaha mba hampianatra anao ny fomba ahafhana manandratra amimpahalemem-panahy ny olona malemy sy lavo.**

“Ry rahalahy, raha misy olona azon’ny ota tsy nahy aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin’ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fandrao hianao koa mba halaim-panahy ihany.” - Gal. 6:1

- **Mangataha amin’Andriamanitra mba hampianarany anao hanana fandeferana na dia amin’ireo tsy mandefittra amina o aza.**

“Aoka ho fantatry ny olona rehetra ny fandeferanareo. Efa mby akaiky ny Tompo.” - Fil. 4:5

- **Moa va misy olona sy toe-javatra eo amin’ny fiainanao ilànao mianatra mandefittra misimisy kokoa? Mivavaha ho an’ireny toe-javatra ireny, mangataha Aminy ny fomba hahaizana mandefittra.**

“Izany Andriamanitra izany no mampisikina hery ahy sy manamarina ny alehako.” - Sal. 18:32

- **Mivavaha mba hampianaran’Andriamanitra anao hananana fanetren-tena.**

“Koa amin’izany manetre tena ambanin’ny tâna-maherin’Andriamanitra, mba hanandrata ny anareo amin’ny fotoan’andro.” - 1 Pet. 5:6

“Fa izay manandra-tena no haetry; ary izay manetry tena no hasandratra.” - Mat. 23:12

- **Mivavaha mba hisian’ny fanohanana manan-danja sy fahalianana avy amin’ny mambran’ny fiangonana rehetra sy ireo mpitarika ho fiarovana ny foto-kevitra sy ny sori-dalan’ny fanabeazan’ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Zava-dehibe tokoa izany ho an’ny vokatra sy ny vinan’ny ho avy.**

“Zaro amin’izay lalana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin’izany.” - Ohab. 22:6

- **Mivavaha mba hisian’ny fitomboan’ny tarika madinika mirotsaka amin’ny asa fanatrarana ny any ivelany; mba ny mambra rehetra mihitsy ny mandray anjara amin’ny Fijoroana ho vavolombelona ataon’ny tena manokana sy ny fitoriana ny Fahamarinana lehibe avy amin’Andriamanitra amin’izao andro farany izao.**

“Fa manamasina an i’Kristy ho Tompo ao am-ponareo” (Isa. 8.12, 13); *“ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefä amin’ny fahalemem-panahy sy ny fanajana.”* 1 Pet. 3:15

- **Asa eny anivon’ny tanàn-dehibe – Mivavaha ho an’ny sy ireo tanàn-dehibe ezahany hotrattrarina ho an’i Kristy: Londres, Angleterre; Zagreb, Croatie; Tallinn, Estonie; Dublin, Ireland; Copenhagen, Danemark; Helsinki, Finlande; Budapest, Hongrie; Bergen, Norway; Randstad, Pays-Bas; Warsaw, Pologne; Belgrade, Serbe; ary Göteborg, Suède. Mivavaha ho an’ny vahoaka mba hananan’izy ireo hetaheta lalina ny Tenin’Andriamanitra.**

“Indro, avy ny andro, hoy Jehovah Tompo, izay hanaterako mosary amin’ny tany, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan-drano, fa faniriana handre ny tenin’i Jehovah.” - Amô. 8:11

- **Mivavaha ho an’ny filànao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.**

“Fa na dia ory sy malahelo aza aho, ny Tompo no mihevitra ahy; Mpamony sy Mpanafaka ahy Hianao; aza ela, Andriamanitro ô.” - Sal. 40:17

- **Mankalazà an’Andriamanitra satria tsy nisy zavatra tsara nolaviny tsy ho an’ny zanany ary hamaly ny vavaka rehetra hataonao Izy.**

“Mila hianareo, nefä tsy manana ihany; mamono sy mitsiriritra hianareo, nefä tsy mahazo ihany; mifanditra sy miady ianareo; tsy manana hianareo, satria tsy mangataka.” - Jak. 4:2; Jao. 16:24

Amin'ny fiafaran'ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan'olona roa na telo ianao ary hiara-mivavaka ho an'ireo olona fito voatanisa amin'ny lisitra izay eny am-pelatananao. Mivavaha mba hahatonga azy ireny hanana fandeferana ary hahafahan'izy ireny mijoro ho vavelombelona ho Azy. Takio ho azy ireo ny Jak. 1:19,20: "Fantatrereo izany, sy rahalahy malalako. Kanefa aoka ny olona rehetra halady hihaino ho malai-miteny, ho malain-ko tezitra; fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahefana izay marina eo imason'Andriamanitra". Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin'ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin'ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha mivavaka mahakasika izany.

Soso-kevitra ho amin'ny hira:

Hira fihiranana advantista: 147/108

Izay lazain'i Ellen White mahakasika fahalemem-panahy

«Fa ny vakatry ny Fanahy dia... fahalemem-panahy.» - Gal. 5:22, 23

Tokony haneho an'i Kristy ianao amin'ny fahalemem-panahy sy fitiavana. Ny tena fahalemem-panahy marina dia firavaka sarobidy eo imason'Andriamanira. (*My Life Today*, t. 53).

Raha manana an'i Kristy ao anatintsika isika, dia tsy maintsy maneho ny maha-Kristianina ao an-trano, toy ny any ivelany. Amin'ny maha-Kristianina azy dia tokony ho maha-te ho tia ny teniny amin'ireo havany sy mpiara-miombon'antoka aminy. Tsy maintsy maha-te ho tia, mahay mifandray amin'ny hafa, tsotra ary ambonin'izany rehetra izany dia izy mihitsy no hampianatra ny tenany hiara-monina amin'ny ankohonany. Raha anisan'ny ankohonan'ny Mpanjaka izy, dia haneho ny Fanjakana izay hovantaninay. Hiteny amimpahalemem-panahy amin'ny zanany izy, satria ho tsapany fa izy ireo dia mpandova an'Andriamanitra, anisan'ny ankohanan'ny lapan'ny lanitra. Tsy misy toerana ho an'ny fahasiahana eo anivon'ny zanak'Andriamanitra satria ny vakatry ny fanahy dia "fitiavana, fijaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po, tsy misy lalana manohitra izany." Izany toe-tsaina ankamamiana ao amin'ny tokantrano izany dia ilay toe-tsaina hiseho any am-piagonana. (*Ye Shall Receive Power*, t. 75).

Tsy misy ao anatin'ny ankohonana afaka hanisy fefy manodidina azy, ka tsy hahatonga ny ankohonana hafa hahatsapa ny fanahy sy ny hery miasa mangina avy aminy. Na dia ny soritry ny endrika aza dia manana hery miasa mangina ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy. Ny toe-tsainy, ny fiteniny, ny asany, ny fihetsiny amin'ny hafa, dia tsy ho hadinoia velively... Feno ny fitiavan'i Kristy izany; haneho fahaizana mifandray amin'ny hafa, fahalemem-panahy, fihetseham-po amin'ny mahazo ny hafa, ary hampita amin'ireo mpiaramiombona antoka aminy amin'ny asam-pitiavana ataony ny fitiavana, fahalemem-panahy, fahaizana mankasitraka, ary ny fijaliana tsapany. Ho fanehoana miharihary izany fa velona ho an'i Jesôsy izy... Ho afaka hiteny amin'ny Tompo hoe "Ny fahamoram-panahinao no mahalehibe ahy" (*My Life Today*, t. 53).

Eny tokoa, ilaintsika ny mianatra ny honena, hanana fandeferana, fahalemem-panahy; hahay mamela heloka sy hanana fangorahana. Raha mitoetra eo akaikin'ny eboeo, resaka adaladala, hanihany isika dia ho lasa mangatsiaka, tsy tso-po, ary tsy azo hiaraha-monina. Tokony hitoetra eo aminao mandrakariva ny Fanahy Masin'ny Tompo mandrapahatonganao ho toy ny voninkazo manim-pofona avy eo amin'ny zaridainan'Andriamanitra. Tokony tsy hijanona hiresaka momba ny fahazavan'i Jesôsy, ilay Masoandron'ny

Fahamarinana ianao mandra-panova anao avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra, avy amin'ny toetra ho amin'ny toetra, handroso avy amin'ny hery ho amin'ny hery ary haneho hatrany hatrany ny endrika sarobidin'i Jesôsy. Rehefa manao izany ianao, dia hanoratra ao amin'ny bokin'ny lanitra ny Tompo manao hoe, "Tsara izany" satria maneho an'i Jesôsy ianao. (*Ye Shall Receive Power*, t. 75).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Amin'ny lafin'inona no ilànao hanana fahalemem-panahy misimisy kokoa? Amin'ny olona manao ahoana no tokony hanehoanao fahalemem-panahy misimisy kokoa?
2. Ataovy ny lisitr'ireo olona hanehoana fahalemem-panahy misimisy kokoa ary mangataha amin'Andriamanitra mba hanomezany anao ny fahalemem-panahiny mba hahafahanao maneho amin'izy ireo ny halemem-panahiny. Ankalazao mialoha Izy noho ny fandresena izay homeny anao.



Andro fahafolo – Fahononam-po

Mat. 4:1-11

Toromarika ho amin'ny Vavaka fanelanelanana

Aza misalasala mitaky ireo Teny Fikasana hafa. Tsarovy fa hain'Andriamanitra ny manatanteraka izay nampanantaina!

- **Mankalazà an'Andriamanitra noho ny nanomezany anao ny hery hananana fifehezan-tena. Mankalazà an'Andriamanitra noho ny fomba nanomezany anao hery hananana fifehezan-tena amin'ny toe-javatra manokana.**

"*Izany Andriamanitra izany no mampisikina hery ahy sy manamarina ny alehako.*" - Sal. 18:32

- **Mankalazà an'Andriamanitra satria ny Heriny dia tanterahina amin'ny fahalemena.**

"*Nefa hoy Izy tamiko; ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko.*" - 2 Kôr. 12:9

- **Mankalazà an'Andriamanitra satria Izy no manome anao fikasana sy manampy anao hanana fifehezan-tena.**

"*Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.*" - Fil. 2:13

"*Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay mitondra anay mandrakariva ao amin'i Kristy toy ny fanaon'izay avy nandresy, ka dia ampisehoany ny hanitry ny fahalalana Azy eny tontolo eny izahay.*" - 2 Kôr. 2:14

- **Mangataha amin'Andriamanitra mba hanomezanay anao ny sitrapo tsara hanana fifehezan-tena.**

"*Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotraoreo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manarakana ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovâ amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahaha no marina.*" - Rôm. 12:1,2

- **Mangataha amin'Andriamanitra mba hanampiany anao hankahala ny zavatr'izao tontolo izao ary hanomezanay anao ny fitiavana Azy ary Izy ihany. Lazao azy ireo zavatra tokony mbola ilânao fianarana ny manakahala izany.**

"*Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatin ny fitiavana ny Ray. Fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nosy sy ny filan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany. Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no mahititra mandrakizay.*" - 1 Jao. 2:15-17

- **Mangataha amin'Andriamanitra mba hampahatsiavany anao isaky ny alaim-panahy ianao fa ny tenanao dia tempolin'ny Fanahy Masina.**

“Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin’ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin’Andriamanitra? Ka tsy tompon’ny tenanareo hianareo. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an’Andriamanitra amin’ny tenanareo.” - 1 Kôr. 6:19,20

“Efa nomen’ny herin’Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiaainana sy ny toe-panahy araka an’Andriamanitra amin’ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin’ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrintra, mba ho tonga mpiray amin’ny fomban’Andriamanitra amin’izany hianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin’izao vontolo izao noho ny filâna.” - 2 Pet. 1:3, 4

- Mangataha amin’Andriamanitra mba hanampiany anao hanao ny zavatra rehetra ho voninahiny.

“Koa amin’izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahit’Andriamanitra izany rehetra izany.” - 1 Kôr. 10:31

- Mangataha amin’Andriamanitra mba hanananao fiaainana miafina ao Aminy.

“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonju ahy.” - Gal. 2:20

- Mivavaha ho an’ny firaisan’ny fitoriana ny filazantsara sy ny asa Fijoroana ho vavolombelona ataon’ny lehilahy, sy ny vehivavy ary ny ankizy eo anivon’ny Fianganana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany. Mivavaha mba handraisantsika ny herin’ny Fanahy Masina rehefa milefitra eo ambanin’ny fitarihany ny fiaainantsika isika.

“Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe: mbola zaza aho; fa handeha amin’izay rehetra hanirahako anao ianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao. Aza matahotra azy ianao; fa momba anao hamonju anao Aho, hoy Jehovah.” - Jer. 1:7,8

- Mivavaha mba ho mpitarika tia vavaka, mandray fananaranana, ary manana fanetren-tena no hapetrak’Andriamanitra ka hanome fomba fitarihana mifantoka amin’i Kristy eo amin’ny fanatanterahan’ny fianganana ny iraka avy any an-danitra ho an’izao vontolo izao.

“Ka dia atsangana koa hianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak’Andriamanitra amin’ny alalan’i Jesosy Kristy.” - 1 Pet. 2:5

- Mivavaha mba hanomezan’i Kristy fiadanana sy fitiavana ny ankohonana sy ny tokantrano Advantista Mitandriny Ny andro Fahafito. Mivavaha mba hahatonga ny fanatrehany hanafoaana ny fanararaotana sy ny rarin-tsaina amin’ny alalan’ny hery manamasin’ny fahamarinany.

“Ary aoka ho ambonin’izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin’ny fahatanterahana izany. Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fiadanana’i Kristy, fa ho amin’izany no niantsoana anareo ho tena iray; ary aoka ho feno fisaorana hianareo.” - Kôl. 3:14,15

- Asa eny anivon’ny tanân-dehibe - Mivavaha ho an’ny Diviziona Afrika Atsinanana sy ireo tanân-dehibe iasany hanatrarana vahoaka ho an’i Kristy: Lagos, Nigeria; Douala, Cameroun; Calabar, Nigeria; Accra, Ghana; Abuja, Nigeria; ary Lome, Togo. Mivavaha mba hahitan’ny vahoaka ny filany an’i Kristy ary hahatonga azy ireo hiantso ny anarany.

“Fa izay rehetra miantso ny anaran’ny Tompo no hovonjena.” - Rôm. 10:13

- Mivavaha ho an’ny filânao manokana sy izay zavatra hafa ao am-ponao.

“Fa Andriamanitra hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin’ny voninahitra ao amin’i Kristy Jesôsy.” - Fil. 4:19

- Mankalazà an’Andriamanitra satria tsy misy zavatra tsy hainy, ary mandre sy mamaly ny vavaka ataontsika Izy.

“Fa ny mason'i Jehovah mijery eny tontolo eny eran'ny tany rehetra, mba hisehoany amankery hamony izay manana fo mahitsy aminy. Adala ianao tamin’izany, ka dia hisy ady hahazo anao hatramin’izao.” - 2 Tant. 16:9a

Amin’ny fiafaran’ny fotoamim-bavaka dia mety hananana faniriana hamorona vondrona ivondronan’olona roa na telo ianao ary hiara-mivavaka ho an’ireo olona fito voatanisa amin’ny lisitra izay eny am-pelatanaao. Mivavaha mba hikarakaran’izy ireo ny tenany amin’ny maha-tempolin’ny Fanahy Masina azy sy hananan’izy ireo fifehezan-tena. Takio ho azy ireo ny 1 Kôr. 10:13: “*Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan’ny olombelona; nefà mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanreо; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany.*” Raha manana antom-bavaka manokana ianao, kanefa tsy dia mahazo aina loatra hitondra izany eo amin’ny rehetra, dia aza misalasala mizara izany amin’ny namana mpiara-mivavaka aminao ary miaraha-mivavaka mahakasika izany.

Ellen White Mifehy tena

“Fa ny vokatry ny Fanahy dia... fahononam-po.” - Gal. 5:22,23

Ny takin’Andriamanitra amin’ny olona rehetra dia ny hanolorany ny tenany ho Azy ho fanatitra velona, fa tsy fanatitra maty na andalam-pahafatesana, tsy fanatitra mifanaraka amin’izay sori-dalana adala napetraky ny olombelona ka feno fahalotoana sy aretina. Ny antson’Andriamanitra amintsika dia fanatitra velona. Araka ny Teniny dia Tempolin’ny Fanahy Masina ny tena, koa mitaky amin’ireo izay mitondra ny endrinly Izy ny hikarakaran’izy ireo ny tenany ho amin’ny asa fanompoana sy ho fanomezam-boninahitra Azy. “*Ka tsy tompon’ny tenanareo hianareo*”, hoy ny Apôstoly rehefa nahazo tsindrimandy, “*fa olom-boafidy hianareo, koa dia mankalazà an’Andriamanitra amin’ny tenanareo.*” - 1 Kôr. 6:19, 20. Mba ho fanatanteraha izany, dia “*manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin’ny fahatanjahan-tsainareo fahalalana, ary amin’ny fahalalanareo fahononam-po, ary amin’ny fahononam-ponareo faharetana.*”

Adidy tsy maintsy atao ny fahafantarana ny fomba hiarovana ny tena ho salama tsara, ary tena adidy masina tokoa izany mba hahafahana manandratra avo izany eo amin’ny fahazavana izay nomen’Andriamanitra maimaimpoana ho antsika. Raha akimpintsi ka amin’ny hazavana ny masontsika noho ny tahotry ny hahita fahadisoantsika, satria mbola tsy sitrapontsika ny hiala amin’izany, dia tsy hihena fa vao maika aza hitombo ny fahotantsika. Raha atodika amina sehatra iray ny hazavana dia hanazava ny sehatra hafa.

Mihoatra noho ny fandikana ny iray amin’ireo didy folo ny fanimbana ny tenantsika. Tsy afaka ny ho tia an’Andriamanitra amin’ny fontsika rehetra, ny saintsika rehetra, ny fanahintsika rehetra ary ny herintsika rehetra isika raha ataontsika ambony noho ny fitiavan-kanina ny fitiavantsika ny Tompo. Mihena isan’andro ny hery entintsika manome voninahitra an’Andriamanitra, raha mitaky amintsika ny herintsika rehetra sy ny saintsika rehetra Izy. Amin’ny alalan’ny fahazaran-dratsitsika dia mampihena ny androntsika isika, ary dia mbola mirehareha ihany ho mpianatr’i Kristy, miomana handray ny tsy fahafatesana mandrakizay... (*Ye Shall Receive Power*, t. 79).

Ny fanajana tanteraka ireo zavatra takin’ny Baiboly dia ho fitahiana, tsy ho an’ny fanahy ihany fa ho an’ny vatana koa. Ny vokatry ny Fanahy dia tsy fitiavana, fifaliana, fiadanana ihany fa fahononana koa. Tsy tokony hanimba ny tenantsika isika satria tempolin’ny Fanahy Masina izany. Maneho antsika izany ny tantaran’i Daniela fa noho ny foto-kevitra arapivavahana dia nandresy ny filân’ny nofo ireo zatovolohy ary nijanona mahatoky tamin’ny didin’Andriamanitra na dia novidiny lafo aza izany. Inona re no nitranga raha nanao fisanarahana tamin’ireo mpitondra jentilisa izy, ka nilefitra nanoloana ny fanerena hihinana sy hisotro araka ny fomban’ireo Babilonianana? Izany fahadisoana iray izany dia mety hitarka amina fahadisoana hafa. Raha tsy noho ny fifandraisana hentitra nananany tamin’ny lanitra, dia mety ho voatarika tamin’ny fakam-panahy izy. Kanefa noho ny fiankinany tamin-pahatokiana tamin’Andriamanitra dia tao aminy ny herin’ny fanahin’ny faminanina. Nampianatra azy ny zava-miafin’ireo taonjato ho avy Andriamanitra. (*Testimonies for the Church*, b. 4, t. 570).

Diniho akaiky ny fona, ary araho akaiky ny môdely tsara indrindra dia hizotra tsara ny fiainanao. Aoka harovana ho madio mandrakariva ny toe-tsaina manoloana an'Andriamanitra. Ankalazao ny anarany amin'izay rehetra ataonao. Esory hiala aminao ny fitiavan-tena. (*Testimonies for the Church*, vol. 2, t. 71).

Fanontaniana fampieritreretana

1. Amin'ny sehatra manao ahoana no mbola liana fifehezan-tena manokana? Ataovy ny lisitr'izany dia ento eo amin'Andriamanitra. Takio ireo teny fikasany ho amin'ny fandresena ary ankalazao sahady Izy noho ny fandresena izay homeny.
2. Moa va mahafantatra olon-kafa mila manana fifehezan-tena misimisy kokoa ianao? Manokâna fotoana hivavahana sy hitakina ireo teny fikasan'Andriamanitra ho an'izany olona izany.



Andro 11 – Sabata 17 Janoary 2015 Mandehana araka ny fanahy ry zanaky ny mazava!

Vakiteny: Efes. 5: 8-14

“Fa maizina hianareo fahiny, fa efa mazava ao amin’ny Tompo kosa ankehitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava (fa ny vokatry ny mazava dia ao amin’ny fahatsarana rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahitsiana), mamantatra izay ankasitrahany Tompo. Ary aza miray amin’ny asan’ny maizina tsy mahavoka-tsoa, fa aleo mananatra izany. Fa izay ataony ao amin’ny miafina, dia mahamenatra na dia ny milaza izany aza. Fa ny zavatra rehetra, raha anarina, dia asehon’ny mazava; fa na inona na inona aseho dia mazava. Koa izany no ilazany hoe: mifohaza hianao izay matory, Ary mitsangàna amin’ny maty, dia hampahazava anao Kristy.”

FAMPIDIRANA

Ny manao ny fanandraman’ny vokatry ny fanahy dia mitaky ny fandehanantsika araka ny Fanahy. Rehefa avy nianatra ny momba ny fisehon’ny vokatry Fanahy, araka izay hita ao amin’ny Gal. 5:22 isika, anio kosa dia hiresaka mahakasiaka ny mandeha araka ny Fanahy amin’ny maha-zanaky ny mazava antsika. Ny andalan-teny ifantohan’ny fianarantsika anio dia araka izay hita ao amin’ny Efes. 5:8-14.

Raha mijery ao amin’ny Efes. toko fahadimy isika, dia afaka miteny fa ity toko ity dia miresaka momba ny fiovana. Mampianatra antsika izany fa samy hafa amin’ny manodidina antsika isika. Ary satria samy hafa isika dia tokony hanana fainana hafa koa. Ny fahamarinana tsotra sy madio dia izao: tokony haneho fahasamihafana amin’ireo tsy mahalala ny Tompo Jesôsy Kristy ny mpino.

Raha atao topy maso vetivety ireo andininy fito voalohany amin’ity toko ity dia maneho mazava tsara ireo fahamarinana ireo:

Ny andininy 1 dia manoro hevitra antsika hanana fainana tahaka ny an’Andriamanitra.

Ny andininy 2 dia manoro hevitra antsika ho tia tahaka ny ftiavan’Andriamanitra.

Ireo andininy 3-7 dia manoro hevitra antsika hamela any aorantsika ireo fahazarana/fomba fainan’ity tany ity.

Eo am-piadian’ny andininy 8, dia milaza amintsika ny antony tokony hanehoantsika fahasamihafana ny Apôstôly.

Izany no tokony ho henontsika sy heverintsika. Ka miaina eto amin’ity tany ity anie isika e! “Vahiny sy mpivahiny” isika eto hoy ny 1 Pet. 2:11. Raha vahiny sy mpivahiny isika eto amin’ity tany ity, dia nisy fotoana naha-mponina nizaka ny zo rehetra antsika tetra. Niaina tahaka ireo mponina ao isika, nihevitra tahaka ny fiheveran’izy ireo – niaraka tamin’izy ireo isika. Fa rehefa nandray ny famonjen’i Jesôsy Kristy kosa isika, dia nohafahana tamin’ny fainan’ny mpanota, ary nomena antsika ny fainam-pahamarinana vaovao.

I. ARA-PANAHY sy ARA-NOFO

Na dia nohafahana teto amin'ity tany ity aza isika, dia mbola eo hatrany ireo tarazon'ny fomba fiaina sy fahazaran'ity tany ity. Misy ny antsointsika hoe «faritra ara-nofo», mbola tia ny zavat'rity izao tontolo izao ity, izay efa navelantsika any aorantsika tamin'ny fotoana nanekentsika an'i Jesôsy Kristy ho Tompo sy Mpamony antsika.

Any ambadika any dia misy:

- Ny fanerana ireo olo-masin'Andriamanitra mba hitovy amin'ny tontolo manodidina azy.
- Ny fanerena mivantana ateraky ny dokam-barotra, karazana fialam-boly ary ireo endrika fampitam-baovao hafa izay manosika antsika hanao ny fanaon'izao tontolo izao.
- Ny fanerena miaro hafetsena avy amin'ireo olona tiantsika, izay maniry ny hitoviantsika misimisy kokoa aminy. Tiary ny hahita antsika hanao ny zavatra ataony.
- Ny fanerena avy ao anaty, rehefa mirona mankany amin'ireo zava-padiana ny nofo.

Rehefa eo ny fanerena hiverin-dalana, dia mba eo koa ny fanerena handroso hatrany. Tahaka ny nofo sy ity izao tontolo izao izay maniry ny hanarahantsika ny fombany, ny Fanahin'Andriamanitra sy ny fanahy efa nitsangana tamin'ny maty ao anatintsika koa dia te hahita fiovana amintsika, mba hahatongavantsika amin'ny tena antony namonjen'Andriamanitra antsika. – Gal. 5:16-17,22; Rôm. 12:1-2.

Ny Efes. 5:7 dia miteny manao hoe: «*Koa aza mety ho mpiombona aminy hianareo*», ary ny andininy 8-14 dia mampianatra antsika ny fomba atao hahatonga izany ho zava-misy eo amin'ny fiainantsika. Ireo andininy ireo dia manome topi-maso ho antsika ny amin'izany hoe mandeha araka ny Fanahy izany amin'ny maha-zanaky ny fahazavana antsika.

Miaina eo anivon'ny tontolo sarotra sy maizina isika; tontolo izay anjakana sy tarihin'ny fahotana. Eo anivon'izany haizina sy faharavana izany, dia nividy ny vahoakany mba hahatonga ireto farany hiavaka Andriamanitra. Nividy vahoaka izay antenainy fa hiavaka noho ny vokatry ny fanahy, araka izay efa hitantsika nandritra ireo enina andro manokana ireo Izy. Amin'ny alalan'i Paoly no anehoan'ny Fanahy Masina amintsika ny fomba hahatonga izany ho zava-misy eo amin'ny fiainantsika.

II. TAMIN'NY FOMBA AHOANA NO NANOVANA ANTSIKA? – andininy 8

- **Nanao ahoana isika taloha? « Fa maizina hianareo fahiny ».**

Midika izany fa efa very isika, tao anatin'ny haizin'ny fahotana sy ny faharavana/fahalovana. Efa jamban'ny andriamanitr'ity tany ity isika. - 2 Kôr. 4:4.

Niaina araka ny fomban'ny olona very rehetra isika, ary tena nankamamy izany tokoa. – Efes. 2:1-3

- **Manao ahoana isika ankehitriny? «mazava ao amin'ny Tompo kosa ankehitriny»**

Rehefa nanaiky ny famonjena ao amin'i Jesôsy Kristy isika, dia nohafahana tao amin'ny haizina. Izao no voasoratra ao amin'ny Kôl. 1:13: «*sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny farjakan'ny Zanany malalany.*»

Rehefa nanafaka antsika tamin'ny haizina ny Tompo, dia nanafaka antsika tamin'ny fahefan'ny fahotana. Nanova antsika Izy ary nanao antsika zanaky ny mazava. Ary satria novana isika, dia tokony handeha araka ny mazava fa tsy amin'ny haizina izay efa toetsika taloha.

Rôm. 13:12-14: «*Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan'ny maizina ka hitafantsika ny fiadian'ny mazava.*»

“Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin'ny andro; tsy amin'ny filalaovan-dratsy, na amin'ny fahamamoana, tsy amin'ny fiangajangana, na amin'ny fifejojeoana, tsy amin'ny fisandirana, na

amin'ny fialonana. Fa itafio Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahys ny amin'ny nofo hahatanteraka ny filany.»

Taloha ny fainantsika dia naneho ny asan'izao tontolo izao, ny nofo. Ny fahotana no fomba fainantsika. Niaina tao anatin'ny haizina isika ary taintsika izany. Noho ny herin'ny fahasoavana dia nikasika antsika Andriamanitra, namonjy antsika ary nanafaka antsika. Nanafaka antsika hiala tamin'ny haizina ho amin'ny fahazavany mahagaga.

«Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona, firenena masina", olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizira ho amin'ny fahazavany mahagaga.» - 1 Pet.2:9.

Ary satria marina izany, dia tokony handeha «amin'ny mazava tahaka ny zanaky ny mazava isika.» Amin'ny fomba ahoana? Amin'ny alalan'ny famelana izay rehetra momba antsika eo amin'ny Fanahin'Andriamanitra, izay hametraka ao anatitsika ny voa feno fiadanan'ny fahamarinana. Tsy maintsy hotanteratsika izany amin'ny alalan'ny fikolokoloantsika manokana ny vokatry ny Fanahy eo amin'ny fainantsika andavanandro. Efa novaina isika, ary tokony haina fainana miavaka. Rehefa novaina ao amin'i Jesôsy Kristy, dia tokony ho fomba faina ao anatitsika ny fahamarinana. (2 Kôr. 5:17)

III. MANAO AHOANA NY TOETSIKA? – andininhy 9-10

Ireo andinin-teny roa ireo dia maneho ny fahamarinana mahakasika ny diantsika ara-panahy. Raha tena novonjena marina isika, ka mandeha araka ny Fanahy tahaka ny zanaky ny mazava, dia tsy maintsy hiseho amin'ny fomba fainantsika izany.

I Paoly dia nilaza fa « ny vokatry ny mazava » dia miseho amin'ny fomba telo:

• Amin'ny fahamoram-panahy

Ity teny ity dia maneho ny «fahitsiam-po sy ny fainana». Milaza ny fomba fisaina sy ny fomba fainan'Andriamanitra izany. Izany no toetra tsara avy amin'ny fitoviana amin'Andriamanitra. Mahakasika ihany koa ny fihetsitsika amin'ny hafa izany. Rehefa maneho fahamoram-po mandrakariva isika dia mandeha amin'ny fitiavana amin'ireo manodidina antsika. Amin'izy ireo, dia mitovy amin'Andriamanitra isika, ary araka ny fomba fiheveran'Andriamanitra antsika no hitondrantsika azy ireo.

• Amin'ny fahamarinana

Ity teny ity dia mahakasika ny maha-isika antsika manoloana ny Tompo. Rehefa mandray ny fahasoavany sy ny fitiavany isika, dia eken'Andriamanitra ho marina eo amin'i Jesôsy Kristy. Fafany ny fahameloantsika ary fahadisoantsika, ary soloany ny fahamarinan'i Kristy, ary hamarininy eo anoloany isika. Miseho eo amin'ny fainantsika ny fahamarinana rehefa miaina marina ny maha-isika antsika isika, sy ny fiovana nisy teo amintsika ao amin'i Jesôsy Kristy. Izany dia momba ny toetran'Andriamanitra eo amin'ny fainana izay maneho fahasamihafana ary anjakan'Andriamanitra tanteraka.

• Amin'ny fitiavana

Ity teny ity dia misandraika amin'ny fahitsiana, fahatokiana ary fahamarinana. Rehefa mahita ireo toetra tsara ireo eny amin'ny mpino iray isika, dia maneho fiavahana mazava tsara izany raha oharina amin'ny fomban'ny mpiatsara-velatsiny, mpamitaka, ary ireo zavatra miaro fitaka eto amin'ity tany ity.

Ny «fahamoram-panahy» dia mahakasika ny fifandraisantsika, ny fifaneraserantsika amin'ny hafa.

Ny «fahamarinana» dia miresaka momba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Ny «fahamarinana» dia miresaka momba ny fahamarinantsika eo amin'ny fiainantsika manokana.

Ireo toetra telo ireo no antsoina hoe «voa». Ny voa no maneho ny fiainana. Tsy ho hita velively na dia ny iray monja amin'ireo aza eo amin'ny fiainan'ny tsy mpino. Izy ireo no «voa», «mariky» ny fisian'ny Tompo ao anatintsika. Rehefa mahafantatra Azy isika dia mitovy Aminy.

Ireo toetra telo voalazan'i Paoly dia ny fahamoram-panahy, ny fahamarinana ary ny fahitsiana – dia samy toetra azo ananana avokoa, kanefa amin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainan'ny mpino voavonjy ihany.

IV. AMIN'NY FOMBA AHOANA NO IFEHEZANA ANTSIKA? – andininy 11

Ny fehezan-teny «aza miray aminy» dia midika hoe «aza mandray anjara». Ireo izay mahafantatra an'Andriamantra dia tsy tokony hifandray tendro na oviana na oviana amin-javatra mifono hevidratsy, eny na avy amin'izay mifanerasera aminy aza. Tsy maintsy ialantsika ny zavatra mifono hevi-dratsy. Eny tsy maintsy ialana izay mety ho endri-pahotana rehetra (1 Tes. 5:22).

Tsy maintsy miaina eto an-tany isika. Raha tsy miaraka amin'izao tontolo izao isika, amin'ny fomba ahoana no hahafahantsika mijoro ho vavolombelona amin'ireo izay very? Kanefa, tsy maintsy mitandrina isika mba tsy ho voafitaky ny fombar'izao tontolo izao. Tokony ho vahoaka voatokana isika, masina ho voninahitr'Andriamanitra.

Tsy maintsy ambenantsika ny fontsika, ny saintsika ary ny tenantsika. Mieloelo manodidina antsika ny fahotana, fa ny Fanahin'Andriamanitra kosa dia manampy antsika mandrakariva (1 Jao. 4:4). Raha matoky Azy isika dia hanampy antsika hiaina fiainam-pahamasinana manana fofo-manitra Izy.

V. INONA NO ADIDY NAPETRAKA TAMINTSIKA – andininy 11-13

Tsy mianina fotsiny amin'ny fifadiana ny fahotana ny adidy napetraka tamintsika fa mandeha lavidavitra kokoa dia ny tsy mifanerasera mihitsy amin'ireo zavatra voaloton'ny ny fahotana . Noho izany dia takina amintsika ny «hanameloka» azy ireny. Midika izany fa tsy maintsy ahariharintsika amin'ny maha-fahotana azy ny fahotana. Meloka isika satria mampirisika azy. Raha tsy fantatsika ny fahotana dia meloka isika satria manome vahana azy.

Ny teny hoe «manameloka» dia mitarika «fanitsiana, fitsipi-pifehezana, ary fanasaziana». Midika izany fa miady amin'ny fahotana isika rehefa mandà ny hamindra fo aminy. Izany hoe, misy fotoana tsy maintsy hitsorana ny resaka, ka tsy hilazana azy mivantana. Tsy maintsy ampiaranaria ny hafa izay lazain'ny Baiboly mahakasika izay tsara sy ny ratsy. Indraindray dia mahitsy kokoa ny fihetsitsika manoloana ny tsy fahazakantsika ny fahotana, rehefa miatrika ireo izay manao asa tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra isika.

Amin'ny fotoana hafa dia tsy maintsy maneho fankasitrahaha amin'ny fomba tsy dia mivantana loatra ny fahotana isika. Ny mifanohitra amin'izay ataor'ny manodidina antsika no ataontsika. Ampiasain'Andriamanitra izany mba hanakianana ny fahadisoana. Tia tena izy ireo, kanefa manome azy isika. Miteny ratsy izy ireo, kanefa mitso-drano azy isika. Miaina ho azy izy ireo izy, fa isika kosa miaina ho an'Andriamanitra sy ho an'ny hafa. Milaza lainga izy ireo, fa isika kosa milaza ny fahamarinana. Ny miaina ho an'ny Tompo dia Fijoroana ho vavolombelona mahery vaika tokoa hoentina miatrika ny faharatsiana.

Ny olana amintsika dia noho isika tsy mandray am-po tanteraka ny fahotana. Manakimpy ny masontsika aminy isika. Mihomehy isika manoloana ny fahotana. Hitantsika fa voasaringotra ao anatin'ny fahotana ireo manodidina antsika, kanefa tsy sahintsika ny miatrika izany satria tsy raisintsika am-po tanteraka araka ny tokony ho izy ny fahotana. Na dia tsy manao ny ankamaroan'ny zavatra rehetra fanaon'ireo manodidina antsika aza isika, dia mankasitraka izany eny lavitra. Vokatr'izany dia mpiray tsikombakomba aminy foana isika satria mandà tsy hiandany amin'ny fahotana sy haneho tsy fankasitrahaha ny amin'izany isika.

- Ny andininy faha-12 dia milaza amintsika fa mahamenatra ny milaza izay ataon'izao tontolo izao. Tantsika ny maheno fanaratsiana, sa tsy izany? Miresaka mahakasika ny fahotan'ny hafa isika, ary mampiely izany etsy sy eroa. Milaza amintsika Andriamanitra fa mahamenatra izany fihetsika izany.
- Ny andininy fahatelo dia manoro hevitra antsika ny amin'ny fomba fiatrehana ny fahotana. Tokony hahay hifehy ny fahotana isika amin'ny alalan'ny fanehoana ny asa rehetra eo amin'ny fahazavan'ny Tenin'Andriamanitra. Tokony hiandany amin'ny Baiboly isika rehefa manehe fanoherana mahakasika izany ny Baiboly. Raha manaiky kosa ny Baiboly dia hanaiky koa isika. Ny Baiboly ihanany no tokony handrafitra ny fenitra ananantsika amin'ny fiainana.

« Mampiharihary » sy « mampahamora ny fijerena » zavatra ny hazavana. Rehefa mandeha amin'ny fahazavana isika, dia ho mora foana ho antsika ny mahita ny faharatsiana. Ny zanak'Andriamanitra dia tokony handeha amin'ny fahamasinana, fahadiovana, ary tokony ho tena akaikin'Andriamanitra tokoa, mba hahafahantsika mijoro manazava ny tontolo feno haizina. »

Rehefa manandratra avo ny fahamarinana isika dia manala ny saron-tavan'ny fahotana, ary tsy ny rehetra no ho faly ny amin'izany. Kanefa manome vorinahitry ny Tompo izany ary dokambatrotro ho Azy, tsara lavitra noho ny fiainana mandray anjara amin'ny fahotan'izao tontolo izao.

“Hianareo no fahazavan’izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanâna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametrakta azy ao ambanin’ny vata famarana, fa apetrary eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin’izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason’ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.” – Mat. 5:14-16

Mandidy antsika Andriamanitra mba haneho fahasamihafana.

VI. INONA NO ANTSO ALEFA AMINTSIKA – andininy 14

Mamarana ny teniny amina fanasana ireo very, mba hanatona an'i Jesôsy handray famonjena i Paoly. Raha mifoha izy ireo ka manatona an'i Jesôsy amin'ny fony manontolo, dia hamony azy ireo Izy ka hanome azy ny fahazavana. Ankehitriny Izy dia miantso ireo fanahy very izay mety ho anisan'ireo vory eto mba hanatona an'i Jesôsy ho famonjena azy ireo. Mbola mitoetra mandraka ankehitriny izany antso izany. Raha very ianao, dia azonao atao ny ho voavonjy. Hanova ny fonao ny Tompo, hanafaka anao amin'ny fahamaizinana ary hameno anao ny fahazavany.

Antso ho amin'ny fifohazana no alefa amin'ireo Kristianina. Nirenireny nandritra ny fotoana ela loatra tao anatin'ny torimaso ara-panahy isika. Ankehitriny no fotoana tokony hifohazantsika ary handraisantsika an-tanana ny asan'ny Tompo. Amin'izany ho hahatonga antsika ho fahazavan'ity tany tafalatsaka ao anatin'ny haizina ity. Mety ho io fahazâvana io ihanany no ilain'Andriamanitra ampiasaina, dia ianao izany, mba hitondrana ny mpanota eo amin'ny famonjena.

Izao indrindra mantsy no lazain'i Paoly mahakasika izany: *“Ary tokony hanao izany indrindra isika, satria fantatsika ny andro, fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin'ny fahatoriana; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky noho ny tamîn'ny andro vao ninoantsika. Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan'ny maizina ka hitafantsika ny fiadian'ny mazava. Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin'ny andro; tsy amin'ny filalaovan-dratsy, na amin'ny fahamamoana, tsy amin'ny fiangajangana, na amin'ny fjejojejoana, tsy amin'ny fijandirana, na amin'ny fialonana. Fa itafio Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahys ny amin'ny nofo hahatanteraka ny filany.”* - Rôm. 13:11-14.

Ankehitriny dia tonga ny fotoana tokony handraisant'ny Fianganana am-po izany hafatra izany.

FAMINTINANA

Nisy hain trano mahatsiravina nitranga tany Edinburg, any Ecosse. Nibosesika nivoaka ny trano misy rihana iray lehibe ny olona, nizotra ny lalan-tsara mankany ivelany. Kely dia kely sisa tsy hahatafavoaka azy ireo no indro nisy setroka be tampoka avy any ivelany nitsena azy ireo, namakivaky ny lalan-tsara. Takon'ny setroka tanteraka ny hazavana tany ivelany, ary nahatonga azy ireo tsy ho afaka hijery intsony ilay hany lalan-tokana nahafahan'izy ireo nivoaka. Tao anatin'ny haizina dia tsy afaka nahita ilay famonjena efa teo anoloana izy ireo. Raha tokony hihazakazaka handroso eo aloha, hamakivaky ny setroka izy ireo, dia niditra tamin'ny varavarana izay nitondra azy ireo tamina efitra kely iray izay noheverina fa hany famonjena azy ireo. Tsy ela akory anefa dia lany tanteraka ny ôksizena tao anatin'izany efitra kely izany ary sempotra tao daholo izy rehetra. Raha mba hitan'izy ireo mantsy ilay fahazavana, dia ho velona avokoa izy rehetra.

Ampirisihina isika handeha ao amin'ny Fanahy, mba hahatonga antsika ho zanaky fahazavana satria tsy maintsy hanehoantsika izany fahazavâna izany izao tontolo izao. Izany no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hahatonga ny zanany ho fahazavan'ny tontolo feno haizina. Ny herin'ny fahazavany izay ato anatintsika no hampisongadina ny fahasamihafana eo amintsika sy ireo izay very manodidina antsika.

Ry rahalahy sy anabavy malala, nomen'Andriamanitra antsika izay 10 andro fiaraha-mivavaka izay tamin'ity fiandohan'ny taona 2015 ity – Ankalazao ny anarany noho izany!

Fa ny fanontaniana lehibe indrindra dia « aiza ho aiza no misy antsika amin'izany? ”

- Moa va efa nanao ny fanandraman'ny vokatry ny Fanahy isika amin'ny maha-zanaky ny fahazavana antsika?
- Moa voa mbola ilay olona taloha ihany ianao amin'izao fotoana izao, sa efa nisy fiovâna teo amin'ny fifandraisanao tamin'Andriamanitra?
- Moa va Kristianina mitovy amin'i Kristy ianao, sa Kristianina an'ity izao tontolo izao ity?

Izao maraina izao dia miantzso antsika Andriamanitra satria iriny ny handehanantsika fenon'ny Fanahy amin'ny maha-zanaky ny fahazavana antsika.

Ry Kristianina namana malala, andeha hitady ny Tompo isika anio, ary hangataka Aminy mba hanampiany antsika « handeha amin'ny maha-zanaky ny mazava antsika, feno ny Fanahiny ».

*Pasitora Wesley Orieux,
Ministeran'ny Vavaka, IOUC*



Andro fahiraika ambin'ny folo – Mandeha araka ny Fanahy

Toromarika mahakasika ny fotoanan'ny Sabata farany

Ity Sabata farany ity dia tokony ho fotoam-piravoravoana manokana noho izay nataon'Andriamanitra taminao sy ny fiangonanao nandritra izay Folo Andro Fiaraha-Mivavaka izay. Safidio izay daty tianao hankalazana ny soa nataon'Andriamanitra sy ny Heriny mahagaga. Jereo ny fomba nanandramanao ny firotsahan'ny Fanahy Masina tao anatin'izay folo andro lasa izay. Ity Sabata ity dia tombontsoa manokana hahafahana mifaly ny amin'ny zavatra nataon'Andriamanitra tamin'ny lasa, izay ataony ankehitriny, ary izy hataony amin'ny hoavy.

Lohahevity ny andalan-teny: Efes. 5:1,2,8-21

“Koa amin’izany dia aoka hanahaka an’Andriamanitra hianareo tahaka ny zanaka malala; ary mandehana amin’ny fitiavana, toy ny nitiavan’i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin’Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamorijy antsika (...) Fa maizina hianareo fahiry, fa efa mazava ao amin’ny Tompo kosa ankehitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava (fa ny vokatry ny mazava dia ao amin’ny fahatsarana rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahitsiana), mamantatra izay ankasitrahana’ny Tompo. Ary aza miray amin’ny asan’ny maizina tsy mahavoka-tsoa, fa aleo mananatra izany. Fa izay ataony ao amin’ny miafina, dia mahamenatra na dia ny milaza izany aza. Fa ny zavatra rehetra, raha anarina, dia asehon’ny mazava; fa na inona na inona aseho dia mazava. Koa izany no ilazany hoe: mifohaza ianao izay matory, ary mitsangàna amin’ny maty, Dia hampahazava anao Kristy. Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hhararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fainana izao. Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon’ny Tompo. Ary aza ho mamon-divay ianareo, fa amin’izany dia misy fanaranam-po amin’ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy, ka mifampilazà amin’ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an’ny Tompo, misaotra an’Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy Tompontsika, sady mifanaiky amin’ny fahatahorana an’i Kristy.” - Efes.5:1,2,8-21

Tokana ihany ny filàn’ny mambra, koa miangavy anareo izahay, hiara-miasa amin’ireo mpitarika eo an-toerana mba ahafahana manatsara programa manokana ho an’ny fiangonanao. Indreto misy teboka vitsivitsy azonao ampidirina amin’ny fotoanan’ny Sabata farany:

- Fampianaranana ara-Baiboly mifototra amin’ny Efes. 5: Azo atao ny maka andalan-teny ara-Baiboly na manao toriteny entina manamafy ny fomba fiasan’Andriamanitra mandritra ny folo andro fiaraha-mivavaka.

- Fijoroana ho vavolombelona: Asio fotoana malalaka tsara hanaovana Fijoroana ho vavolombelona ny amin’ny fomba namalian’Andriamanitra vavaka. Ireo izay nandray anjara

tamin'ny Folo Andro Fiaraha-Mivavaka dia tokony hanan-javatra zaraina ho amin'ny mambra. Kanefa ampirisiho izy ireo mba hahay hamintimpitina ny teniny, mba hahafahan'ny hafa mandray anjara. Ny hafa koa dia mety hanana tantara hozaraina. Mety ho tsaratsara kokoa raha efa voaomana mialoha ny Fijoroana ho vavolombelona sasany ho famenon'ny fotoana fifampizara.

- **Fotoam-bavaka:** Asao ny mambra rehetra hiara-kiombona amin'ny fotoana fiaraha-mivavaka. Azonao atao ny mitarika ny mambra amina fomba fivavahana mitovitovy amin'izay niairanao nandritra izay herinandro izay. Mety hahompanao amin'ny Gal. toko fahadimy ny vavakao. Mety ho eo anivon'ny tarika madinika no hanatanterahana izany na amin'ny alalan'ny vavaka manokana ataon'ny tsirairay. Azo atao koa ny manisy endrika hafa ny fomba fivavahana mandritra ny fanompoam-pivavahana – miaraka amina tarika madinika; tsirairay; iarahana'ny fiangonana rehetra; am-pahanginana; na hafa... Manokâna fotoana hivavahana mahakasika ny Tenin'Andriamanitra nandraisanao fitahiana.

- **Fihirana:** Andro natao hiravoravoana noho ny zavatra nataon'Andriamanitra ity andro ity, ka ny mozika no anisan'ny fomba lehibe indrindra hanatanterahana ny fiderana. Raha nisy hira faneva fanaon'ireo tarika nandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka, dia tsara indrindra raha iarahana amin'ny fiangonana izany.

- **Drafitra ho amin'ny hoavy:** Raha nitarika anao hanao asa fitoriana manokana na hanatanteraka iraka manokana Andriamanitra dia ampahafantaro ireo mpiray fanantenana aminao ny planina entina manatanteraka izany ary hasao izy ireo hiaraka aminao.

- **Ankizy/Tanora:** Tena zava-dehibe amin'ity fotoana ity ny toriteny ho an'ny ankizy mifotra amin'ny vavaka. Toraka izany koa, raha misy ankizy na tanora nandray anjara tamin'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka dia omeo fotoana izay ireo hizarany ny fijorona ho vavolombelony/na hitarika ny fotoam-bavaka.

- **Tsy hentitra loatra:** Aoka tsy ho hentitra loatra ny prôgramanao mba hahafahanao manaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina mandritra ny fanompoam-pivavahana.

Fotoan'ny Vavaka Fanoloran-tena ataon'ny Isam-batan'olona

Ankoatra ireo fotoana natokana hiaraha-mivavaka, dia ataovy izay anananao fotoana manokana hiresahanao amin'Andriamanitra mandritra io Folo Androm-Bavaka io.

Ireto avy ny toko sy ny andininy mifandraika amin'ireo lohahevitra isan'andro, ary misy fanontaniana mitarika anao mety hanatsara ireny fotoan'ny vavaka manokana ataonao ireny.

Ny fotoana hamakiana ny Baiboly sy hivavahana, dia hampitombo fanandramana anao ao anatin'ny folo andro, ary ho hitanao sy tsapanao izany rehefa mihaona amin'ny iray tarika aminao ao am-piangonana ianao.

Andro 1: **Miray amin'i Kristy**

Vakio Jao. 15:1-17

Andro 2: **Fitiavana**

Vakio 1 Jao. 4:7-21

Andro3: **Fifaliana**

Vakio Hab. 3:17-19 sy Isa. 12

Andro 4: **Fiadanana**

Vakio Jao. 14:25-31 sy Mat. 6:25-34

Andro 5: **Fahari-po**

Vakio Lio. 23:26-43

Andro 6: **Fahamoram-panahy**

Vakio Fil. 2:1-11

Andro 7: **Fanaovan- tsoa**

Vakio Rôm. 12:9-21

Andro 8: **Fahamarinana**

Vakio Heb. 11:1-11

Andro 9: **Fahalemem-panahy**

Vakio Jak. 3:13-18 sy Kôl. 3:12-17

Andro 10: **Fahononam- po**

Vakio Mat. 4:1-11

Andro 11: **Mandeha amin'ny Fanahy**

Vakio Efes. 5:1-2; 8-21

Fanontaniana:

- Moa ireo andininy ireo mampahatsiahy anao zavatra nataon'ny Tompo taminao? Miderà Azy noho izany.
- Mampahatsiahy anao iray amin'ny toetran'Andriamanitra ve izany? Miderà Azy amin'ny maha-Izy Azy.
- Moa ireo andininy ireo mampanaiky anao ny ota iray mbola tsy nibabohanao Taminy? Aza matahotra ny hiaiky izany eo anatrehany. Ampirisihina ianao hiaiky manokana ireo fahotana anao samirery, fa kosa izay tsy nety natao ampahibemaso ihany no hibabohana ampahibemaso. Misaora an'Andriamanitra ny amin'ny famelany ny helokao araka izay voalaza ao amin'ny 1 Jao. 1:9, sy ny fandresena omeny anao ny amin'ny fahotana.
- Moa ireo andininy ireo manambara ny zavatra tokony hoentinao mandrakariva eo amin'Andriamanitra? Atolory Azy izany.
- Moa ve ireo andininy ireo manambara izay tianao hampianarin'ny Tompoanao? Mangataha Aminy hanoro anao.
- Moa ve ireo andininy ireo manambara izay zavatra irianao ho azo amin'ny fainana raha mba azonao natao izany? Resaho Aminy izany ary angataho ny heriny?
- Moa ve ireo andininy ireo milaza ny zavatra mba irinao hiseho ao amin'ny ankohonanao sy eo amin'ny namanao? Resaho amin'Andriamanitra izany.
- Moa ve Andriamanitra niteny taminao tamin'ny alalan'ny iray amin'ireo andininy ireo? Resaho amin'Andriamanitra izany ary soraty ao amin'ny diarinao.

